وَأَيُّ جَهْلٍ يَا رَبِّ لَا يَسَعُهُ جُودُكَ، أَوْ أَيُّ زَمَانٍ أَطْوَلَ مِنْ أَنْاتِكَ،



Tompoko o!Tsy fahalalana manao ahoana ka tsy iantefan'ny fahalalahan-tananao ary vanim-potoana inona no lava mihoatra ny faharetanao.

*Ô Seigneur, quelle ignorance ne serait-elle pas contenue par Ta Largesse, quel temps serait-il plus long que Ta Patience ?*

وَمَا قَدْرُ أَعْمَالِنَا فِي جَنبِ نِعْمِكَ، وَكَيْفَ نَسْتَكْتِرُ أَعْمَالًا نَقَائِلُ بِهَا كَرَمَكَ،

Inona moa no dikan'izay asanay eo anilan'ny fahasoavanao, amin'ny fomba ahoana moa no ahitanay fa betsaka ny asa ataonay manoloana ny fahalalahan-tananao,

*Que sont nos actes à côté de Tes Bienfaits, comment nos actes seraient-ils nombreux face à Ta Générosité ?*

بَلْ كَيْفَ يَضِيقُ عَلَى الْمُذْنِبِينَ مَا وَسِعَهُمْ مِنْ رَحْمَتِكَ، يَا وَاسِعَ الْمَغْفِرَةِ، يَا بَاسِطَ الْيَدَيْنِ بِالرَّحْمَةِ،

Ahoana no tsy ho tonga hatrany amin'ireo mpanota ny famindram-ponao, ô ry be famelan-keloka! O ry malala-tanana amin'ny alalàn'ny famindram-po!

*Au contraire, comment Ta Miséricorde ne pourrait pas s'étendre aux pécheurs, ô Celui qui répand le Pardon, ô Celui qui offre généreusement par Miséricorde !*

فَوَ عَزَّتِكَ يَا سَيِّدِي، لَوْ نَهَرْتَنِي مَا بَرَحْتُ مِنْ بَابِكَ، وَلَا كَفَفْتُ عَنْ تَمَلُّوكَ، لِمَا انْتَهَى إِلَى مِنْ الْمَغْفِرَةِ يَجُودِكَ وَكَرَمِكَ،

Koa mianiana aho Tompo amin'ny alalàn'ny fahefanao, fa na dia noroahinao aza aho dia tsy niala teo am-baravaranao. Tsy hitsahatra ny hidera anao aho noho ny fahafantarako fatratra ny fahalalahan-tananao sy ny fanomezanao sesehena.

*Ô mon Maître, par Ta Gloire, même si Tu me chassais, je ne quitterais pas Ta Porte, je ne cesserais pas de Te courtoiser, pour ce que je connais de Ta Largesse et de Ta Générosité !*

وَأَنْتَ الْفَاعِلُ لِمَا تَشَاءُ تُعَذِّبُ مَنْ تَشَاءُ يَمَا تَشَاءُ كَيْفَ تَشَاءُ، وَتَرْحَمُ مَنْ تَشَاءُ يَمَا تَشَاءُ، كَيْفَ تَشَاءُ،

lanao no Mpanao izay sitrakao, manasazy izay hampiharanao izany, araka ny sitrakao sy izay itiavanao azy, mamindra fo amin'izay tianao lanao, amin'ny zavatra izay tianao araka ny hitiavanao azy.

*Et Toi, Tu fais ce que Tu veux, Tu châties qui Tu veux, avec ce que Tu veux, comme Tu veux, Tu fais Miséricorde à qui Tu veux, avec ce que Tu veux, comme Tu veux.*

لَا تُسْأَلُ عَنْ فِعْلِكَ، وَلَا تُنَازَعُ فِي مُلْكِكَ، وَلَا تُشَارِكُ فِي أَمْرِكَ، وَلَا تُضَادُّ فِي حُكْمِكَ، وَلَا يَعْتَرِضُ عَلَيْكَ أَحَدٌ فِي تَدْبِيرِكَ،

Tsy azo hanontaniana izay rehetra ataonao, tsy azo toherina lanao amin'ny fanjakanao ary tsy azo hikambanana lanao amin'ny didinao. Tsy azo toherina lanao amin'ny fitsaranao ary tsy azon'iza n'iza toherina lanao eo amin'ny fiadidianao.

*Tu n'es pas interrogé sur Tes Actes, Tu n'es pas contesté dans Ton Royaume, Tu n'as pas d'associé dans Ton Ordre, Tu n'es pas contredit dans Ton Jugement, personne ne s'oppose à Toi dans Ton Intendance.*

لَكَ الْخَلْقُ وَالْأَمْرُ، تَبَارَكَ اللهُ رَبُّ الْعَالَمِينَ،

Anao tanteraka ny fahariana sy ny didy, voninahitra ho an'Andriamanitra Tompon'izao tontolo izao !

*A Toi la Création et l'Ordre, que Dieu soit Béni, Seigneur des mondes.*

يَا رَبِّ هَذَا مَقَامٌ مَنْ لَأَذْ بِكَ، وَأَسْتَجَارَ بِكَرَمِكَ، وَالْفَ إِحْسَانِكَ وَيَعْمَكَ

Ô ry Tompoko! Ity no itoeran'izay mitaraina Aminao sy mitady fiarovana amin'ny alalàn'ny fahalalahan-tananao, ary zatra ny fahatsaranao sy ny fahasoavanao.

*Ô Seigneur, voici la position de celui qui se réfugie auprès de Toi, qui cherche protection auprès de Ta Générosité, qui s'est habitué à Tes Bienfaits et à Tes Bontés,*

وَأَنْتَ الْجَوَادُ الَّذِي لَا يَضِيقُ عَفْوُكَ، وَلَا يَنْقُصُ فَضْلُكَ، وَلَا تَقِلُّ رَحْمَتُكَ،

Ary Ianao Ilay mpanome sesehena, izay tsy mety ritra ny famelankelokao, sy izay tsy mihena ny fahasoavanao, ary tsy mihakely ny famindramponao.

*Et Toi, Tu es le plus Généreux, Celui dont le Pardon ne se restreint pas, dont la Faveur ne s'amenuise pas, dont la Miséricorde ne diminue pas,*

وَقَدْ تَوَقَّعْنَا مِنْكَ بِالصَّفْحِ الْقَدِيمِ، وَالْفَضْلِ الْعَظِيمِ، وَالرَّحْمَةِ الْوَاسِعَةِ،

Efa azonay tanteraka taminao ny fisian'ny famelankeloka hatrizay, sy ny fahasoavan-dehibe, ary ny famindram-po tsy manam-petra.

*Et nous avons déjà reçu de Toi la confirmation de Ton Pardon éternel, de Ta Faveur grandiose et de Ta Miséricorde étendue.*

اِفْتَرَاكَ يَا رَبَّ تُخْلِفُ ظَنُّونَنَا، أَوْ تُخَيِّبُ آمَالَنَا،

Tompo ô! Moa hitanao fa diso ny fiheveranay sy ny fanantenanay.

*Ô Seigneur, Te vois-Tu désavouer notre opinion de Toi et décevoir notre espoir ?*

كَلَّا يَا كَرِيمُ، فَلَيْسَ هَذَا ظَنُّنَا بِكَ، وَلَا هَذَا فِيكَ طَمَعُنَا

Tsia, ry malala-tànana! Tsy izany velively no fihevitrany Anao, ary tsy izany no fitsiriritanay izay any Aminao.

*Non ! Ô Généreux, ce n'est pas cela l'opinion que nous avons de Toi ni ce que nous convoitons en Toi.*

يَا رَبَّ إِنَّ لَنَا فِيكَ أَمَلًا طَوِيلًا كَثِيرًا، إِنَّ لَنَا فِيكَ رَجَاءً عَظِيمًا،

Tompo ô! Lehibe loatra ny fanantenanay sy ny fiandrandranay Anao.

*Ô Seigneur, c'est que nous avons en Toi un très grand espoir, c'est que nous avons en Toi une espérance grandiose.*

عَصَيْنَاكَ وَنَحْنُ نَرْجُو أَنْ تَسْتُرَ عَلَيْنَا، وَدَعَوْنَاكَ وَنَحْنُ نَرْجُو أَنْ تَسْتَجِيبَ لَنَا، فَحَقَّقْ رَجَاءَنَا مَوْلَانَا،

Manohitra Anao izahay nefa manantena ny fandrakofanao anay, nantsoinay lanao ary manantena ny hamalianao anay, koa tanteraho ny fanantenanay ry Tomponay ô!

*Nous Te désobéissons et nous nous attendons à ce que Tu nous couvres, nous T'appelons et nous espérons que Tu nous répondes, alors réalise notre attente, notre Maître !*

فَقَدْ عَلِمْنَا مَا نَسْتَوْجِبُ بِأَعْمَالِنَا، وَلَكِنْ عَلِمْنَا فِينَا وَعَلِمْنَا بِأَنَّكَ لَا تَصْرَفُنَا عَنْكَ وَإِنْ كُنَّا  
غَيْرَ مُسْتَوْجِبِينَ لِرَحْمَتِكَ،

Efa fantatray izay mendrika anay noho ny asanay, fa lanao kosa dia mahafantatra anay ary fantatray fa tsy hanary anay lanao, na dia tsy mendrika ny famindram-ponao aza izahay.

*Nous savons ce que valent nos actes, mais Tu nous connais et nous savons que Tu ne nous abandonneras pas.*

فَأَنْتَ أَهْلٌ أَنْ تَجُودَ عَلَيْنَا وَعَلَى الْمُذْنِبِينَ يَفْضَلُ سَعَتِكَ، فَاْمُنْ عَلَيْنَا يَمَا أَنْتَ أَهْلُهُ، وَجُدْ  
عَلَيْنَا فَإِنَّا مُحْتَاجُونَ إِلَى نَيْلِكَ،

Mendrika ny halalan-tànana aminay tokoa lanao sy amin'ireo mpanota noho ny halehiben'ny fahasoavanao, koa omeo amin'izay fanananao izany izahay, ary omeo anay an-kahalalahana fa ilainay fatratra ny fanomezanao.

*Tu es Digne d'être Généreux pour nous et pour les pécheurs grâce à Ta largesse, alors, accorde-nous en fonction de ce dont Tu es Digne, sois Généreux à notre égard car nous avons besoin de Tes Dons.*

يَا عَفَّارُ يُنُورِكَ اهْتَدَيْنَا، وَيَفْضَلِكَ اسْتَعْنَيْنَا، وَيَبْعَمِكَ اصْبَحْنَا وَأَمْسَيْنَا،

O ry mpamela heloka! Tariho amin'ny alalan'ny fahazavanao izahay, ataovy hanana ny ampy izahay amin'ny alalan'ny fanomezanao, ary omeo anay andro aman'alina ny fahasoavanao.

*Ô Celui qui pardonne tant, guide-nous par Ta Lumière et enrichis-nous de Tes Faveurs, embrasse-nous de Tes Bienfaits, matin et soir.*

دُنُوبَنَا بَيْنَ يَدَيْكَ نَسْتَغْفِرُكَ اللَّهُمَّ مِنْهَا وَنَتُوبُ إِلَيْكَ،

Eo anoloanao ny fahotany, koa mangataka ny famelana avy Aminao izahay Andriamanitra ô! Ary mibebaka Aminao.

*Nos péchés sont devant Toi, nous T'en demandons pardon, notre Dieu, et nous nous repentons auprès de Toi.*

تَتَحَبَّبُ إِلَيْنَا بِالنَّعَمِ وَتُعَارِضُكَ بِالذُّنُوبِ، خَيْرُكَ إِلَيْنَا نازلٌ، وَشَرُّنا إِلَيْكَ صَاعِدٌ، وَلَمْ يَزَلْ  
وَلَا يَزَالُ

Maneho fitiavana aminay lanao amin'ny alalàn'ny fahatsaranao nefa toherinay lanao amin'ny alalàn'ny fahotana. Midina aminay ny fahatsaranao, miakatra any Aminao ny faharatsianay, ary torak'izany hatrany.

*Tu nous témoignes de l'amour par Tes Bienfaits et nous Te le rendons par les péchés, Ton Bien descend vers nous et notre mal monte vers Toi, et il en est toujours ainsi.*

مَلِكٌ كَرِيمٌ يَأْتِيكَ عَنَّا بِعَمَلٍ قَبِيحٍ، فَلَا يَمْنَعُكَ ذَلِكَ مِنْ أَنْ تَحُوطَنَا بِنِعْمِكَ، وَتَتَفَضَّلَ عَلَيْنَا  
بِالْإِنِّكَ،

Anjely be voninahitra no mitondra ny asa ratsinay mankany Aminao ary tsy manakana Anao anefa izany ny ampihodidina eo aminay ny fahasoavanao sy hanome anay ireo fanomezanao.

*Un noble ange Te présente une laide action de notre part et cela ne T'empêche pas de nous entourer de Tes Bienfaits et de nous accorder la faveur de Tes Dons.*

فَسُبْحَانَكَ مَا أَحْلَمَكَ وَأَعْظَمَكَ وَأَكْرَمَكَ مُبْدِئاً وَمُعِيداً، تَفَدَّسَتْ أَسْمَاؤُكَ وَجَلَّ تَنَاوُكَ، وَكَرُمَ  
صَنَائِعُكَ وَفِعَالُكَ،

Voninahitra ho Anao, Ilay be fangorahana, Ilay lehibe indrindra, Ilay malala-tànana, Ilay nanomboka voalohany sy ilay mamerina indray, hohamasinina anie ireo Anaranao ary halebiazina anie ny fiderana Anao. Be voninahitra ny zava-boaharinao sy ny asanao!

*Alors gloire à Toi, ô le plus Magnanime, le plus Grandiose, le plus Généreux, Commencant et Recommençant, que Tes Noms soient sanctifiés, Ton Eloge magnifiée, Ta Création et Tes Actes honorés !*

أَنْتَ إِلَهِي أَوْسَعُ فَضْلاً، وَأَعْظَمُ حَيْمًا مِنْ أَنْ تُقَابِسَنِي بِفِعْلِي وَخَطِيئَتِي، فَالْعَفْوُ الْعَفْوُ الْعَفْوُ،  
سَيِّدِي سَيِّدِي سَيِّدِي،

Tompoko ô! Tsy manam-petra ny fahasoavanao ary lehibe ny fangorahanao raha ampitahaina amin'ny asa ataoko sy ny fahadisoako, koa mamelà ahy, mamelà ahy, mamela ahy ! Tompoko ô! Tompoko ô ! Tompoko ô !

*Mon Dieu, Ta Faveur est trop ample et Ta Mansuétude trop grandiose pour que Tu m'assimiles à mes actes et à mes erreurs, aussi, pardon, pardon, pardon, mon Maître, mon Maître, mon Maître.*

اللَّهُمَّ اشْعَلْنَا بِذِكْرِكَ، وَأَعِدْنَا مِنْ سَخَطِكَ، وَاجْرُنَا مِنْ عَذَابِكَ، وَارْزُقْنَا مِنْ مَوَاهِبِكَ، وَأَنْعِمْ عَلَيْنَا مِنْ فَضْلِكَ،

Andriamanitra ô! Ataovy mba hiantso Anao lalandava izahay, ka arovy amin'ny fahatezeranao, sy alaviro amin'ny famaizanao, ary omeo anay ireo fanomezanao ; omeo ny fahasoavanao izahay amin'ny alalan'ny fitahianao !

*Notre Dieu, occupe-nous à T'évoquer, protège-nous de Ta Colère, épargne-nous Tes Châtiments, octroie-nous de Tes Dons, donne-nous de Tes Bienfaits par Ta Faveur,*

وَارْزُقْنَا حَجَّ بَيْتِكَ، وَزِيَارَةَ قَبْرِ نَبِيِّكَ صَلَّى اللهُ عَلَيْكَ وَرَحْمَتِكَ وَمَغْفِرَتِكَ وَرِضْوَانِكَ عَلَيْهِ وَعَلَى أَهْلِ بَيْتِهِ إِنَّكَ قَرِيبٌ مُجِيبٌ،

Ataovy mba hitsidika ny tranonao masina sy ny fasan'ny Mpaminaninao izahay, ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahianao , ny famindramponao , ny famelan-kelokao ary ny fankasitrahanao, fa akaiky sy mamaly ny antsonay lanao,

*Accorde-nous le pèlerinage à Ta Maison et la visite de la tombe de Ton Prophète, que Tes Prières, Ta Miséricorde, Ton Pardon, Ta Satisfaction soient sur lui et sur les gens de sa maison, car Tu es Proche, exauçant,*

وَأَرْزُقْنَا عَمَلًا بِطَاعَتِكَ، وَتَوَقَّفْنَا عَلَى مِلَّتِكَ، وَسُنَّةِ نَبِيِّكَ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ،

ataovy mba hanompo Anao sy ho faty eo am-panarahana ny finoanao, ary ny fomba amam-panaon'ny Mpaminaninao izahay, ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fitahiana.

*Accorde-nous d'agir dans l'obéissance (à Toi) et fais-nous mourir dans le respect de Ta Religion et le sunna de Ton Prophète (que les prières de Dieu soient sur lui et sur sa famille).*

اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِي وَلِوَالِدَيَّ وَارْحَمْهُمَا كَمَا رَبَّبَانِي صَغِيرًا، اجْزِهِمَا بِالْإِحْسَانِ إِحْسَانًا  
وَبِالسَّيِّئَاتِ غُفْرَانًا،

Andriamanitra ô! Mamelà ahy lanao sy ny ray aman-dreniko, ary mamindrà fo amin'izy roa sahala amin'ny notaizan'izy ireo ahy fony fahakeliko. Valio soa izy ireo noho ny soa nataony, ary mamelà ny fahadisoany sy ny fahotan'izy ireo.

*Mon Dieu, pardonne-moi ainsi qu'à mes deux parents, fais leur miséricorde comme ils m'ont élevé petit, rétribue-les pour leurs bons actes par Tes Bontés et pour leurs mauvais actes par Ton Pardon.*

اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِلْمُؤْمِنِينَ وَالْمُؤْمِنَاتِ الْأَحْيَاءِ مِنْهُمْ وَالْأَمْوَاتِ، وَتَابِعْ بَيْنَنَا وَبَيْنَهُمْ بِالْخَيْرَاتِ

Andriamanitra ô! Mamelà ireo mpino lahy sy vavy, ny velona sy ny maty amin'izy ireo, ary hampifandraiso aminy tsara izahay.

*Mon Dieu, pardonne aux croyants et aux croyantes, qu'ils soient vivants ou morts, et maintiens une bonne relation entre eux et nous.*

اللَّهُمَّ اغْفِرْ لِحَيِّنَا وَمَيِّتِنَا، وَشَاهِدِنَا وَغَائِبِنَا، ذَكَرْنَا وَأَنْثَانَا، صَغِيرِنَا وَكَبِيرِنَا، حُرَّنَا  
وَمَمْلُوكِنَا،

Andriamanitra ô! Mamelà ny velona, ny maty, na ny eo , na ny tsy eo, na ny lahy na ny vavy, na ny kely, na ny lehibe aminay, na ny olon'afaka na ny mpanompo.

*Mon Dieu, pardonne à nos vivants et à nos morts, à nos présents et à nos absents, hommes ou femmes, petits ou grands, libres ou esclaves.*

كَذَّبَ الْعَادِلُونَ يَا لِلّٰهِ وَضَلُّوا ضَلَالًا بَعِيدًا، وَخَسِرُوا خُسْرَانًا مُّبِينًا،

Nandainga izay nanohitra an'Andriamanitra, niharan'ny fahaverezana lehibe sy ny fatiantoka miharihary izy ireo.

*Ils mentent ceux qui se sont détournés de Dieu, se sont grandement égarés et ont essuyé une défaite éclatante.*

اللّٰهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ، وَآخِمْ لِي بِخَيْرٍ، وَآكْفِنِي مَا أَهَمَّنِي مِنْ أَمْرِ دُنْيَايَ  
وَأٰخِرَتِي

Andriamanitra ô! Tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, enga anie mba ho tsara ny fiarafako , ary alaviro aho amin'izay zavatra mampalahelo rehetra eto an-tany sy ny any an-koatra.

*Notre Dieu, prie sur Mohammed et la famille de Mohammed, achève dans le Bien et épargne-moi les soucis de mon monde ici-bas et de mon Au-delà,*

وَلَا تُسَلِّطْ عَلَيَّ مَنْ لَا يَرْحَمُنِي، وَاجْعَلْ عَلَيَّ مِنْكَ وَاقِيَّةً بَاقِيَةً،

Aza hampifehezinao ahy izay tsy mangoraka ahy, ary arovy aho amin'ny alalàn'ny fiarovana maharitra.

*Ne laisse pas celui qui ne me fait pas miséricorde avoir prise sur moi, préserve-moi d'une protection permanente,*

وَلَا تُسَلِّبْنِي صَالِحَ مَا أَنْعَمْتَ بِهِ عَلَيَّ، وَارْزُقْنِي مِنْ فَضْلِكَ رِزْقًا وَاسِعًا حَلَالًا طَيِّبًا،

Aza alainao ny tsara amin'izay nomenao ahy, ary omeo anjara masoandro sesehena tsara sady madio amin'ny alalan'ny fahasoavana aho!

*Ne me retire pas les bonnes choses que Tu m'as données et pourvois-moi, de Ta faveur, des ressources abondantes, licites, bonnes.*

اللّٰهُمَّ احْرُسْنِي يَحْرَاسَتِكَ، وَاحْفَظْنِي بِحِفْظِكَ، وَآكْلَانِي بِكِلَابَتِكَ، وَارْزُقْنِي حَجَّ بَيْتِكَ  
الْحَرَامِ فِي عَامِنَا هَذَا وَفِي كُلِّ عَامٍ،



Andriamanitra ô! Ambeno amin'ny fiambenanao aho! Arovy amin'ny fiarovanao aho! Ary tsimbino amin'ny fitsimbinanao aho! Ataovy mba hitsidika ny tranonao masina aho amin'ity taona ity, ary ho isan-taona,

*Mon Dieu, garde-moi par Ta Garde, protège-moi par Ta Protection, préserve-moi par Ta Sauvegarde, accorde-moi le pèlerinage à Ta Maison Sacrée, cette année et tous les ans,*

وَرِيَاةَ قَبْرِ نَبِيِّكَ وَالْأَيْمَةَ عَلَيْهِمُ السَّلَامُ، وَلَا تُخْلِنِي يَا رَبِّ مِنْ تِلْكَ الْمَشَاهِدِ الشَّرِيفَةِ،  
وَالْمَوَاقِفِ الْكَرِيمَةِ،

sy ny fitsidihana ny fasan'ny Mpaminaninao ary ireo mpitarika ny mpino, ho amin'izy ireo anie ny fitahiana sy ny fandriampahalemana. Aza sakananao aho tsy ho eo amin'ireo toerana masina sy be voninahitra!

*ainsi que la visite de la tombe de Ton Prophète et des Imams (que la Paix soit sur eux), ne me prive pas, ô Seigneur, de ces nobles vues et de ces stations augustes.*

اللَّهُمَّ تُبِّ عَلَيَّ حَتَّى لَا أَعْصِيكَ، وَالْهَمْنِي الْخَيْرَ وَالْعَمَلَ بِهِ، وَخَشَيْتَكَ بِاللَّيْلِ وَالنَّهَارِ مَا  
أَبْقَيْتَنِي يَا رَبَّ الْعَالَمِينَ،

Andriamanitra ô! Raiso ny fifonako ka tsy hanoherako Anao. Toroy ahy ny tsara sy ny fanatanterahana azy, ary ny fatahorana Anao andro aman'alina mandra-pahafatiko, ô ry Tompon'izao tontolo izao !

*Mon Dieu, reviens à moi pour que je ne Te désobéisse pas et suggère-moi le bien et la bonne action, la crainte de Toi, nuit et jour, et pour le reste des jours, ô Seigneur des mondes.*

اللَّهُمَّ إِنِّي كُلَّمَا قُلْتُ قَدْ تَهَيَّأْتُ وَتَعَبَّأْتُ وَقُمْتُ لِلصَّلَاةِ بَيْنَ يَدَيْكَ وَنَاجَيْتُكَ الْقَبِيْتَ عَلَيَّ لِعَاسَى  
إِذَا أَنَا صَلَّيْتُ، وَسَلَّيْتُ مُنَاجَاتِكَ إِذَا أَنَا نَاجَيْتُ،

Andriamanitra ô! Isaka ny vonona aho, ary mitsangana mba hivavaka eo anoloanao sy hitalaho Aminao, dia rendriky ny torimaso aho, ary tsy raisinao aho raha mba mitalaho.

*Mon Dieu, chaque fois que je prétends m'être préparé et m'être apprêté, et que je me lève pour prier devant Toi et T'implorer, Tu me fais tomber de sommeil quand je prie et Tu me privas de Ton Intimité quand je me confie à Toi.*

مالي كُلِّمَا قُلْتُ فُذْ صَلَحَتْ سِرِّيْرَتِي، وَقَرُبَ مِنْ مَجَالِسِ التَّوَابِيْنَ مَجْلِسِي، عَرَضَتْ لِي  
بَلِيَّةٌ أَزَّ التُّ قَدَمِي، وَحَالَتْ بَيْنِي وَبَيْنَ خُدْمَتِكَ

Inona ary no manjo ahy? Isaka ny mihevi-tena aho fa efa tsara ny eritritro, ka handeha hibe-baka amin'izay aho dia hianjadian'ny fahoriana izay misakana ahy amin'ny fanompoana Anao.

*Qu'ai-je donc ? Chaque fois que je prétends que mes pensées intimes sont bonnes et que je suis de ceux qui se repentent, une adversité surgit qui dérobe mes pas et se dresse entre moi et le fait de Te servir.*

سَيِّدِي لَعْلَكَ عَنْ بَابِكَ طَرَدْتَنِي، وَعَنْ خُدْمَتِكَ نَحَيْتَنِي أَوْ لَعْلَكَ رَأَيْتَنِي مُسْتَحْفًا بِحَقِّكَ  
فَأَقْصَيْتَنِي،

Tompo ô! Angamba noroahinao teo am-baravarana aho, sy nosakananao tsy hanompo Anao, na angamba hitanao fa manambany ny zonao aho ka noalavirinao,

*Mon Seigneur, peut-être m'as-Tu chassé de Ta Porte et m'as-tu écarté de Ton Service ? Peut-être m'as-Tu vu faire peu de cas de Ton Droit alors Tu m'as disqualifié ?*

أَوْ لَعْلَكَ رَأَيْتَنِي مُعْرَضًا عَنْكَ فَعَلَيْتَنِي، أَوْ لَعْلَكَ وَجَدْتَنِي فِي مَقَامِ الْكَاذِبِينَ فَرَفَضْتَنِي،

na angamba hitanao fa nanohitra Anao aho ka nialanao, na angamba hitanao fa mpandainga aho ka tsy noraisinao,

*Ou encore m'as-Tu vu m'opposer à Toi, alors Tu m'as repoussé ? Ou peut-être m'as-Tu trouvé au rang des menteurs alors Tu m'as rejeté ?*

أَوْ لَعْلَكَ رَأَيْتَنِي غَيْرَ شَاكِرٍ لِنِعْمَاتِكَ فَحَرَمْتَنِي، أَوْ لَعْلَكَ فُقِدْتَنِي مِنْ مَجَالِسِ الْعُلَمَاءِ  
فَخَذَلْتَنِي،

na angamba hitanao fa tsy nankasitraka ny fahasovananao aho ka tsy nomenao intsony, na angamba tsy niaradia tamin'ireo manam-pahaizana aho ka dia navelanao,

*Ou bien m'as-Tu vu ingrat devant Tes Bienfaits alors Tu m'as privé/exclu ? Ou peut-être encore m'as Tu vu éviter la compagnie des savants alors que Tu m'as laissé tomber ?*

أَوْ لَعَلَّكَ رَأَيْتَنِي فِي الْعَافِلِينَ فَمِنْ رَحْمَتِكَ أَيْسَّرْتَنِي، أَوْ لَعَلَّكَ رَأَيْتَنِي آلفَ مَجَالِسِ الْبَطَّالِينَ  
فَبَيَّنْتَنِي وَبَيَّنَّهُمْ خَلِّيتَنِي،

na angamba lanao nahita ahy anisan'ireo tsy niraika tamin'ny famindramponao, ka nataonao diso fanantenana aho, na ihany koa aho hitanao nifandray tamin'ireo tsy an'asa mpirenireny, ka navelanao ho isan'izy ireny,

*Peut-être m'as-Tu vu parmi les indifférents alors, de Ta Miséricorde ? Tu m'as fait désespérer ? Ou bien m'as-tu vu sympathiser avec la compagnie des désoeuvrés alors. Tu m'as laissé parmi eux ?*

أَوْ لَعَلَّكَ لَمْ تُحِبَّ أَنْ تَسْمَعَ دُعَائِي فَبَاعَدْتَنِي، أَوْ لَعَلَّكَ يَجْرُمِي وَجَرِيرَتِي كَأَفَيْتَنِي، أَوْ لَعَلَّكَ  
يَقْلَّةَ حَيَاتِي مِنْكَ جَارَيْتَنِي،

na angamba lanao tsy tia nihaino ny fangatahako, ka nanalavitra ahy lanao, na noho ireo fahotako dia nofaizinao aho, na noho ny hakelin'ny henatro manoloana Anao dia nosaziana aho.

*Ou peut-être, n'aimes-Tu pas entendre mes invocations alors Tu m'as éloigné ? Ou encore à cause de mes péchés m'as-Tu sanctionné ? Ou à cause de mon peu de pudeur devant Toi, m'as-Tu puni ?*

فَإِنْ عَفَوْتَ يَا رَبِّ فَطَالَمَا عَفَوْتَ عَنِ الْمُذْنِبِينَ قَبْلِي، لَأَنَّ كَرَمَكَ أَيُّ رَبِّ يَجِلُّ عَنْ مَكَافَاتِ  
الْمُقْصِرِينَ،

Tompo ô ! Mameka ahy tahaka ny namelanao ireo mpanota teo alohako, satria lehibe ny famindram-ponao, mihoatra ny famaliana ireo mpanao tsirambina,

*Ô Seigneur, pardonne-moi comme Tu as pardonné aux pécheurs avant moi, parce que Ta Grâce est supérieure à la rétribution des négligents,*

وَأَنَا عَائِدٌ بِفَضْلِكَ، هَارِبٌ مِنْكَ إِلَيْكَ، مُتَنَجِّزٌ مَا وَعَدْتَ مِنَ الصَّفْحِ عَمَّنْ أَحْسَنَ بِكَ ظَنًّا،

nefa izaho dia mila ny Fahasoavanao, hitsoaka Anao, ho any Aminao, miandry ny famelana nampanantenaina ireo izay nanana eritreritra tsara ny Aminao,

*Et moi, j'ai besoin de Ta Faveur, Te fuyant en allant vers Toi, attendant le pardon promis à ceux qui pensent du bien de Toi.*

إلهي أنتَ أَوْسَعُ فَضْلاً، وَأَعْظَمُ حِلْماً مِنْ أَنْ تُفَاقِسَنِي بِعَمَلِي أَوْ أَنْ تُسْتَزِلَّنِي بِخَطِيئَتِي،

Andriamanitro ô ! Lehibe ny fahasoavanao, ary be ny fangorahanao, ka mahatonga Anao hanatsara ireo asako, na hanomezanao tsiny ahy amin'ireo fahadisoako,

*Mon Dieu, Ta Faveur est trop ample et Ta Mansuétude trop grandiose pour que Tu m'assimiles à mes actes ou que Tu me blâmes pour mes fautes.*

وَمَا أَنَا يَا سَيِّدِي وَمَا خَطْرِي،

ary iza moa izaho ry Tompoko! Ary inona ny amiko?

*Et moi, qui suis-je, quelle est ma valeur ?*

هَبْنِي بِفَضْلِكَ سَيِّدِي، وَتَصَدَّقْ عَلَيَّ بِعَفْوِكَ، وَجَلِّئْنِي بِسِتْرِكَ، وَأَعْفُ عَن تَوْبِيخِي بِكَرَمِ  
وَجْهِكَ،

Omeo ny Fahasoavanao aho ry Tompoko, ary tsimbino amin'ny famelanao, fenoy ny Fiarovanao aho, ary mamela ahy amin'ireo asa ratsiko, amin'ny voninahitry ny Tavanao !

*Fais-moi don de Tes Faveurs, mon Maître, fais-moi l'aumône de Ton Pardon, couvre-moi de Ta Protection et pardonne mes actes détestables par la Noblesse de Ton Visage.*

سَيِّدِي أَنَا الصَّغِيرُ الَّذِي رَبَّيْتَهُ، وَأَنَا الْجَاهِلُ الَّذِي عَلَّمْتَهُ، وَأَنَا الضَّالُّ الَّذِي هَدَيْتَهُ، وَأَنَا  
الْوَضِيعُ الَّذِي رَفَعْتَهُ،

Tompoko ô! Izaho ilay bitika nobeazinao, ilay tsy mahalala izay nampianarinao, ilay very lâlana izay notarihinao, ary ilay nanetritena izay nasandratrao,

*Moi, mon Maître, je suis le petit enfant que Tu as éduqué, l'ignorant que Tu as instruit, l'égaré que Tu as dirigé, l'abaissé que Tu as élevé,*

وَأَنَا الْخَائِفُ الَّذِي أَمَّنْتَهُ، وَالْجَائِعُ الَّذِي أَشْبَعْتَهُ، وَالْعَطْشَانُ الَّذِي أَرَوَيْتَهُ، وَالْعَارِي الَّذِي كَسَوْتَهُ،

ary izaho ilay feno tahotra izay nampitonianao, ilay noana izay novokisanao, ilay mangetaheta izay nataonao afaka hetaheta, ilay tsy mitafy izay nampitafianao,

*(et moi je suis) l'effrayé que Tu as sécurisé, l'affamé que Tu as rassasié, l'assoiffé que Tu as désaltéré, le dévêtu que Tu as revêtu,*

وَالْفَقِيرُ الَّذِي أَغْنَيْتَهُ، وَالضَّعِيفُ الَّذِي قَوَّيْتَهُ، وَالذَّلِيلُ الَّذِي أَعَزَّزْتَهُ، وَالسَّقِيمُ الَّذِي شَفَيْتَهُ، وَالسَّائِلُ الَّذِي أَعْطَيْتَهُ، وَالْمُدْنِبُ الَّذِي سَتَرْتَهُ، وَالْخَاطِئُ الَّذِي أَقَلَّتَهُ،

ilay mahantra izay nataonao manan-karena, ilay osa izay nomenao hery, ilay ambany izay nambonianao, ilay marary izay nositranao, ilay mpangataka izay nomenao, ilay mpanota izay nafeninao ny helony, ilay mpanao hadisoana izay nofafanao ny hadisoany,

*Le pauvre que Tu as enrichi, le faible que Tu as renforcé, l'humilié que Tu as rendu puissant, le malade que Tu as guéri, le mendiant auquel Tu as donné, le pécheur que Tu as couvert, le fautif que Tu as absout,*

وَأَنَا الْقَلِيلُ الَّذِي كَثَّرْتَهُ، وَالْمُسْتَضْعَفُ الَّذِي نَصَرْتَهُ، وَأَنَا الطَّرِيدُ الَّذِي أَوَيْتَهُ،

izaho ilay vitsy izay nohamaroanao, ilay osa izay novonjenao, ilay voaroaka izay nalofanao,

*Je suis le peu nombreux que Tu as multiplié, le faible que Tu as secouru, je suis l'expulsé que Tu as abrité.*

أَنَا يَا رَبِّ الَّذِي لَمْ أَسْتَحْيِكَ فِي الْخَلَاءِ، وَلَمْ أُرَاقِبِكَ فِي الْمَلَأِ، أَنَا صَاحِبُ الدَّوَاهِي الْعُظْمَى، أَنَا الَّذِي عَلَى سَيِّدِهِ اجْتَرَى،

Tompo ô! Izaho ilay tsy nanan-kenatra teo anatrehanao tamin'ny toerana mangina, ary tsy mba nitandrina ny fanarahamasonao teny anivon'ny olona. Izaho ilay tompon'antoka tamin'ny loza lehibe izay tsy nana-tahotra teo anatrehan'ny Tompony,

*Moi, ô Seigneur, je suis celui qui n'est pas intimidé devant Toi dans la solitude et qui ne fait pas attention à Toi en compagnie, je suis celui qui détient de grandes calamités, celui qui a bravé son Maître,*

أَنَا الَّذِي عَصَيْتُ جَبَّارَ السَّمَاءِ، أَنَا الَّذِي أُعْطِيتُ عَلَى مَعَاصِي الْجَلِيلِ الرَّشَاءَ، أَنَا الَّذِي حِينَ  
بُسْرْتُ بِهَا خَرَجْتُ إِلَيْهَا أَسْعَى،

izaho ilay nitsipaka ny Tompo Tsitohan'ny lanitra, izaho ilay nanatsara ny fahotana, ary maika ny ho amin'ny fahotana rehefa mandre izany,

*Moi qui ai désobéi au Tout-Puissant des Cieux, moi qui ai donné au péché une gratification, moi qui me suis précipité vers elle quand on me l'a annoncée,*

أَنَا الَّذِي أَمَهَلْتَنِي فَمَا ارْعَوَيْتُ، وَسَرَرْتَ عَلَيَّ فَمَا اسْتَحْيَيْتُ، وَعَمَلْتُ بِالْمَعَاصِي فَتَعَدَّيْتُ،  
وَأَسْفَطْتَنِي مِنْ عَيْنِكَ فَمَا بِالْبَيْتِ،

izaho ilay nomenao fe-potoana nefa tsy nijanona, ary mbola nafeninao (ny fahotako), ka tsy nanan-kenatra aho, ary nanao fahotana aho, eny nanao ny tafahoatra, ka latsa-boninahitra teo imasonao nefa tsy noraharahaiko,

*Moi à qui Tu as annoncé un délai et qui ne me suis pas arrêté, que Tu as couvert et qui n'ai pas eu honte, qui ai commis des péchés et qui ai passé outre, qui ai été dévalorisé à Tes yeux et qui ne m'en suis pas soucié.*

فِيحِلْمِكَ أَمَهَلْتَنِي وَيَسِيرِكَ سَرَرْتَنِي حَتَّى كَأَنَّكَ أَغْفَلْتَنِي، وَمِنْ عُقُوبَاتِ الْمَعَاصِي جَبَّيْتَنِي  
حَتَّى كَأَنَّكَ اسْتَحْيَيْتَنِي،

koa noho ny fangorahanao dia nomenao fe-potoana aho, ary noho ny rakotra avy Aminao dia notakonanao aho, sahala amin'ny tsy noraharahainao, notazoninao ny famaizana ahy amin'ny fahotako, sahala amin'ny hoe menatra ahy lanao.

*Alors par Ta Mansuétude, Tu m'as donné un délai et par Ton Voile, Tu m'as couvert comme si Tu m'avais négligé, Tu m'as épargné les punitions de mes péchés comme si Tu étais intimidé par moi.*

إِلَهِي لَمْ أَغْصِكَ حِينَ عَصَيْتُكَ وَأَنَا بِرُبُوبِيَّتِكَ جَاغِدٌ، وَلَا يَأْمُرُكَ مُسْتَخْفٌ، وَلَا لِعُقُوبَتِكَ  
مُتَعَرِّضٌ، وَلَا لِوَعِيدِكَ مُتَهَاوِنٌ،

Tompo ô! Tsy nanohitra Anao aho tamin'ny nanoherako Anao tamin'ny tsy firaharahaiko ny maha Tompo Anao, na tamin'ny fanaovana tsinontsinona ny Baikonao, na tamin'ny fandavana ny Sazinao, na tamin'ny tsy firaharahana ny Fampitandremanao.

*Mon Dieu, je n'ai pas désobéi quand je T'ai désobéi par reniement de Ta Seigneurie, ni par mépris de Ton Ordre, ni par refus de Ton Châtiment, ni par insouciance devant Tes Menaces,*

لَكِنْ خَطِيئَةٌ عَرَضَتْ وَسَوَّلَتْ لِي نَفْسِي، وَعَظَمْتَنِي هَوَايَ، وَأَعَانَنِي عَلَيْهَا شِقْوَتِي،

Nisy fahadisoana anefa niseho tamiko, ka namitaka ahy ny fanahiko, ary nandresy ahy ny filàko, ary nanampy trotraka izany ny faharatsiako,

*Mais une faute s'est présentée à moi, mon âme m'a trompé, mes passions ont triomphé, mon infortune m'y a aidé,*

وَعَرَّيْتَنِي سَيْرُكَ الْمُرْخَى عَلَيَّ، فَقَدْ عَصَيْتُكَ وَخَالَفْتُكَ بِجَهْدِي،

ny Rakotrao izay niala tamiko dia nandiso eritreritra ahy, ka nahatonga ahy tsy nankato Anao, ary nanoherako Anao tanteraka.

*Ta Couverture relâchée sur moi m'a illusionné alors je T'ai désobéi et T'ai contesté avec effort.*

فَالآنَ مِنْ عَذَابِكَ مَنْ يَسْتَنْقِذُنِي، وَمِنْ أَيْدِي الْخُصَمَاءِ غَدًا مَنْ يُخَلِّصُنِي، وَيَحْبِلُ مَنْ أُنْصِلُ  
إِنْ أَنْتَ قَطَعْتَ حَبْلَكَ عَنِّي،

Ankehitriny anefa dia iza ary no hanavotra ahy amin'ny Famaizanao? Ary iza no hanafaka ahy rahampitso eo am-pelatànan'ireo mpila kitra? Ary amin'ny tadin'iza no ifikirako raha tapahinao ny avy Aminao?

*Et maintenant de Ton Châtiment qui va me sauver ? Qui va me délivrer des mains des querelleurs ? A la corde de qui m'accrocher si Tu me coupes la Tienne ?*

فَوَاسُوَاتَنَا عَلَيَّ مَا أَحْصَى كِتَابُكَ مِنْ عَمَلِي الَّذِي لَوْلَا مَا أَرْجُو مِنْ كَرَمِكَ وَسَعَةِ رَحْمَتِكَ  
وَنَهْيِكَ إِنِّي أَعْنُ الْفُؤُوطِ لَقَطَطْتُ عِنْدَمَا أَتَذَكَّرُهَا،

Mitaraina amin'ireo asa ratsiko aho izay voarakitra ao amin'ny Bokinao, ka raha tsy manana fanantenana ny fangorahanao aho, sy ny halehiben'ny Fiantranao, ary ny fandranao ahy tsy ho diso fanantenana, dia ho latsaka tanteraka ao anatin'ny fahadisoam-panantenana aho rehefa mahatsiaro izany,

*Je me lamente de mes actes que Ton Livre a enregistré qui, sans mon espoir en Ta Générosité et en la largesse de Ta Miséricorde et sans Ton Interdiction de désespérer, me feraient sombrer dans le désespoir, à leur souvenir.*

يا خَيْرَ مَنْ دَعَاهُ دَاعٍ، وَأَفْضَلَ مَنْ رَجَاهُ رَاجٍ،

Ô r'Ilay tsara indrindra hangatahin'ny mpangataka! Ilay Mendrika indrindra antenain'ny manantena!

*Ô le Meilleur que l'on puisse invoquer, ô le Meilleur en qui l'on puisse espérer !*

اللَّهُمَّ بِذِمَّةِ الْإِسْلَامِ أَتَوَسَّلُ إِلَيْكَ، وَبِحُرْمَةِ الْقُرْآنِ أَعْتَمِدُ إِلَيْكَ، وَبِحُبِّي النَّبِيِّ الْأُمِّيِّ الْفَرَشِيِّ  
الْهَاشِمِيِّ الْعَرَبِيِّ النَّهْأَمِيِّ الْمَكِّيِّ الْمَدَنِيِّ أَرْجُو الرِّزْقَةَ لَدَيْكَ،

Andriamanitra ô! Amin'ny alalan'ny fahasoavan'ny finoana Islamo, no angatahiko fanelanelanana eo anatrehanao, ary amin'ny hasin'ny Kor'any no ianteherako Aminao, ary amin'ny fitiavana ny Mpaminany ilay tsy nampianarina, ilay koraishita hashimita arabo tihamiya makiya madaniya no angatahiko fanakaikhezana Anao.

*Mon Dieu, par la conscience de l'Islam, j'intercède auprès de Toi, par l'honneur du Coran, je m'appuie sur Toi, par l'amour du Prophète, l'illétre, le Koraichite, le Hachimi, l'Arabe, le Tiham, le Medinois, je supplie Ta Proximité.*

فَلَا تُوحِشْ اسْتِئْذِنَاسَ إِيمَانِي، وَلَا تَجْعَلْ ثَوَابِي ثَوَابَ مَنْ عَبَدَ سِوَاكَ،

Aza esorina amiko ny finoako miafina Anao, ary aoka ny valisoa omenao ahy tsy tahaka ny valisoan'ireo nanompo hafa ankoatra Anao.

*Ne me retire pas l'intimité de la foi, ne rends ma rétribution celle de ceux qui ont adoré un autre que Toi !*

فَإِنَّ قَوْمًا آمَنُوا بِالسَّنَنِ لِيَحْفَتُوا بِهِ دِمَاءَهُمْ فَأَذْرَكُوا مَا آمَلُوا،



Fa misy ireo olona izay mino eo imolotra fotsiny, mba tsy halatsa-drà azy ireo, ka nahazoany izay niriany.

*Des gens ont cru au niveau de la parole pour empêcher que leur sang ne soit versé et ont obtenu ce qu'ils ont voulu,*

وَإِنَّا آمَنَّا بِكَ يَا أَسِينَتِنَا وَقُلُوبِنَا لَتَعْفُوَ عَنَّا، فَأَذْرَكْنَا مَا آمَلْنَا، وَتَبَّتْ رَجَائِكَ فِي صُدُورِنَا،

Fa izahay dia mino Anao tokoa am-bava sy am-po, mba hamelanao anay, koa ataovy azonay izay nantenainay, ary hamafiso ao am-ponay ny fanantenana Anao.

*Et nous, nous avons cru en Toi au niveau de la parole et du cœur pour que Tu nous pardonnes, alors fais-nous accéder à ce que nous espérons, affermis en nous notre espérance en Toi,*

وَلَا تُزِعْ قُلُوبِنَا بَعْدَ إِذْ هَدَيْتَنَا، وَهَبْ لَنَا مِنْ لَدُنْكَ رَحْمَةً إِنَّكَ أَنْتَ الْوَهَّابُ،

Tomponay ô! Aoka tsy havilinao ny fonay rehefa avy notarihinao tamin'ny làla-marina; ary omeo ny famindram-ponao izahay. Eny! Ianao tokoa ilay fatra mpanome soa.

*N'égare pas nos cœurs après nous avoir guidés, accorde-nous une miséricorde de Ta Part, parce que Tu es le Donateur.*

فَوَعِزَّتِكَ لَوْ ائْتَهَرْتَنِي مَا بَرَحْتُ مِنْ بَابِكَ، وَلَا كَفَفْتُ عَنْ تَمَلُّوكَ لِمَا أَلْهَمَ قَلْبِي مِنَ الْمَعْرِفَةِ بِكَرَمِكَ وَسِعَةِ رَحْمَتِكَ،

Tompo ô ! Amin'ny alalan'ny Herinao, na dia horoasinao aza aho dia tsy hiala ny varavaranao, ary tsy hitsahatra ny hanome voninahitra Anao amin'ny fahafantaran'ny foko ny fahalalahan-tànanao sy ny halehiben'ny Fiantranao.

*Ô mon Maître, par Ta Puissance, même si Tu me chassais, je ne quitterais pas Ta Porte et ne cesserais de Te courtoiser, connaissant, par inspiration de mon cœur, Ta Générosité et la largesse de Ta Miséricorde.*

إِلَى مَنْ يَذْهَبُ الْعَبْدُ إِلَّا إِلَى مَوْلَاهُ، وَإِلَى مَنْ يَلْتَجِيُ الْمَخْلُوقُ إِلَّا إِلَى خَالِقِهِ،

Ho any amin'iza moa no handehanan'ny mpanompo, raha tsy ho any amin'ny Tompony ihany, ary ho any amin'iza moa no hialofan'ny zava-boahary raha tsy any amin'ny Mpahary azy.

*Vers qui s'en va le serviteur si ce n'est vers son Maître ? Vers qui se réfugie la créature si ce n'est vers son Créateur ?*

إِلَهِي لَوْ قَرَنْتَنِي بِالْأَصْفَادِ، وَمَعَنْتَنِي سَيِّبَكَ مِنْ بَيْنِ الْأَشْهَادِ، وَدَلَلْتَ عَلَيَّ فُضَايِحِي عُيُونَ الْعِبَادِ،

Andriamanitra ô ! Na dia gadrainao amin'ny fatotra aza aho, ka lavinao ny fanomezana ho ahy ampahibemaso, ary asehonao miharihary eo anatrehan'ireo mpanompo ireo zavatra mahamenatra nataoko,

*Mon Dieu, même si Tu m'entravais de carcans, que Tu me refusais Tes Dons publiquement, que Tu divulguais mes scandales devant les serviteurs,*

وَأَمَرْتُ بِي إِلَى النَّارِ، وَحَلَّتْ بَيْنِي وَبَيْنَ الْأَبْرَارِ، مَا قَطَعْتُ رَجَائِي مِنْكَ وَمَا صَرَقْتُ تَأْمِيلِي لِلْعَفْوِ عَنْكَ، وَلَا حَرَجَ حُبُّكَ مِنْ قَلْبِي،

ary didianao ho any amin'ny afobe aho, ary sarahinao amin'ireo olomendrika, dia tsy hotapahiko velively ny fanantenako Anao, ary tsy ho diso fanantenana velively aho amin'ny famelanao, ary tsy hiala ato am-poko velively ny fitiavako Anao.

*Que Tu m'ordonnais l'Enfer et que Tu me séparais des Purs, je ne perdrais pas pour autant espoir, je ne désespèrerais pas de Ton Pardon, je ne sortirais pas de mon cœur, mon amour pour Toi.*

أَنَا لَا أُنْسِي أَيْدِيكَ عِنْدِي، وَسَيَّرَكَ عَلَيَّ فِي دَارِ الدُّنْيَا،

Tsy ho hadinoiko velively ireo fahasoavanao, na ny Rakotrao miaro ahy ety an-tany.

*Je n'oublie pas Tes Bienfaits ni Ton Voile protecteur dans la demeure d'ici-bas.*

سَيِّدِي أَخْرَجَ حُبَّ الدُّنْيَا مِنْ قَلْبِي، وَاجْمَعُ بَيْنِي وَبَيْنَ الْمُصْطَفَى وَآلِهِ خَيْرَتِكَ مِنْ خَلْقِكَ وَخَاتَمِ النَّبِيِّينَ مُحَمَّدَ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ،

Tompo ô! Esory ato am-poko ny fitiavana ny fiainana an-tany, ary ampiaraho amin'ilay olom-boafidy sy ny fianakaviany aho, izay tsara indrindra amin'ireo zavaboaharinao, ilay farany amin'ireo mpaminany, dia i Mohammad, ny fitahian'Andriamanitra anie ho aminy sy ny fianakaviany.

*Mon Maître, enlève de mon cœur l'amour pour la vie d'ici-bas, réunis-moi avec le Choisi et sa famille, la meilleure de Tes créatures, le sceau des Prophètes, Mohammed (que Dieu prie sur lui et sa famille),*

وَأَقْلُنِي إِلَىٰ دَرَجَةِ التَّوْبَةِ إِلَيْكَ، وَأَعْنِي بِالْبُكَاءِ عَلَىٰ نَفْسِي،

Ento ho any amin'ny ambaratongan'ny fiverenana tanteraka any Aminao aho, ary ampio aho mba hitomany amin'ny tenako.

*Emmène-moi au degré du retour à Toi et assiste-moi par les lamentations sur mon sort.*

فَقَدْ أَقْنَيْتُ بِالنَّسْوِيفِ وَالْأَمَالِ عُمْرِي، وَقَدْ نَزَلْتُ مَنزِلَةَ الْاَيْسِينَ مِنْ خَيْرِي،

Efa matiantoka tamin'ny fangatahanandro lava aho, sy ny fanantenana hanam-potoana hatrany, ary ankehitriny dia diso fanantenana tanteraka aho amin'ireo hasoavana nananako.

*Déjà, je suis allé à ma perte en reportant toujours au lendemain, croyant avoir encore le temps, et maintenant, j'en suis à désespérer de mes biens.*

فَمَنْ يَكُونُ أَسْوَأَ حَالاً مِنِّي

Ka iza àry no ratsy fipetraka indrindra mihoatra ahy!

*Qui serait dans une situation pire que la mienne !*

إِنَّ أَنَا نُؤْتَتْ عَلَىٰ مِثْلِ حَالِي إِلَىٰ قَبْرِي، لَمْ أَمْهَدْهُ لِرَفْدَتِي، وَلَمْ أَقْرُسْهُ بِالْعَمَلِ الصَّالِحِ لِصُجْعَتِي،

Raha hoentina any am-pasana amin'izany misy ahy izany aho, nefa tsy mba nanomana ny fatoriako any, ary tsy namelatra ny asa soa mba handriako eo amin'izany.

*Je suis transporté dans cette situation dans ma tombe que je n'ai pas préparée pour mon sommeil ni n'ai tapissée de bonnes actions sur lesquelles m'allonger.*

وَمَالِي لَا أَبْكِي وَلَا أَنْزِي إِلَى مَا يَكُونُ مَصِيرِي، وَأَرَى نَفْسِي تُخَادِعُنِي، وَأَيَّامِي تُخَاتِلُنِي،  
وَقَدْ خَفَقَتْ عِنْدَ رَأْسِي أَجْبَحَةُ الْمَوْتِ،

Inona àry no manjo ahy? Tsy mitomany aho, ary tsy fantatro izay fiafarako. Mahita ny tenako namadika ahy aho, sy ireo androko namitaka ahy, nefa ny helatry ny fahafatesana efa mby eo an-dohako.

*Qu'est-ce qu'il m'arrive ? Je ne pleure pas et je ne sais pas ce que je vais devenir. Je vois mon âme qui m'a trahi et mes jours qui m'ont trompé. Déjà les ailes de l'ange de la mort battent au-dessus de ma tête.*

فَمَالِي لَا أَبْكِي أَبْكِي، لِيُخْرَجَ نَفْسِي، أَبْكِي لِطَلْمَةِ قَبْرِي، أَبْكِي لِضِيقِ لِحْدِي،

Inona àry no manjo ahy? Tsy mahatamany aho, mba hitomany amin'ny fivoahan'ny fanahiko, hitomany noho ny haizin'ny fasana, hitomany noho ny fanereny,

*Qu'est-ce qu'il m'arrive ? Je ne me mets pas à pleurer, à pleurer pour la sortie de mon âme, à pleurer pour l'obscurité de la tombe, à pleurer pour l'étroitesse de la sépulture,*

أَبْكِي لِسُؤَالِ مُنْكَرٍ وَنَكِيرِ إِيَّايَ، أَبْكِي لِخُرُوجِي مِنْ قَبْرِي عُرْيَانًا دَلِيلًا حَامِلًا ثِقْلِي عَلَى ظَهْرِي،

hitomany amin'ny fanontaniana ataon'i Mounkar sy Nakir (Anjely roa) amiko, hitomany amin'ny fitsanganako avy ao am-pasana, tsy mitafy, feno henatra, mitondra ny enta-mavesatro ao an-damosina.

*à pleurer pour l'interrogatoire de Mounkar et Nakîr, à pleurer pour ma résurrection de la tombe, nu, misérable, portant mon fardeau sur le dos !*

أَنْظُرُ مَرَّةً عَنْ يَمِينِي وَأُخْرَى عَنْ شِمَالِي، إِذِ الْخَلَائِقُ فِي شَأْنٍ غَيْرِ شَأْنِي (لِكُلِّ أَمْرٍ مِنْهُمْ يَوْمَئِذٍ شَأْنٌ يُعْنِيهِ)

Mijery indray mandeha any ankavanako aho, dia mijery indray mandeha any ankaviako ihany koa, nefa ny zavaboahary rehetra dia samy sahirana amin'ny raharaha hafa ankoatra ny ahy, dia samy hiavo-tena ny tsirairay amin'izany andro izany.

*Je regarde une fois à droite, une autre fois à gauche, tandis que les créatures sont toutes préoccupées par des affaires autres que la mienne. Ce jour-là, chacun aura une préoccupation le concernant exclusivement.*

\* وَجُوهٌ يَوْمَئِذٍ مُّسْفِرَةٌ \* ضَاحِكَةٌ مُّسْتَبْشِرَةٌ \* وَوُجُوهٌ يَوْمَئِذٍ عَلَيْهَا غَبَرَةٌ \* تَرَاهُوهَا قَتِرَةٌ،  
وَدِيلَةٌ

hamirapiratra ny endriky ny sasany amin'izany andro izany, feno tsiky sy miramirana, fa ho maloka kosa ny endriky ny sasany amin'izany andro izany, ho rakotry ny haizina sy ny henatra,

*Ce jour-là, certains auront des visages rayonnants, souriants, joyeux, et, d'autres des visages couverts de poussière, accablés de noirceur et d'humiliation.*

سَيِّدِي عَلَيْكَ مُعَوَّلِي وَمُعْتَمِدِي وَرَجَائِي وَتَوَكَّلِي، وَيَرْحَمَتِكَ تَعَلَّقِي،

Tompo ô! Ianao no andriko sy fiankinako, fanantenako, tokiko, ary ny Famindram-ponao no ifikirako,

*Mon Maître, Tu es mon appui, mon support, mon espoir, ma confiance et à Ta Miséricorde, je m'attache.*

نُصِيبُ بِرَحْمَتِكَ مَنْ تَشَاءُ وَتَهْدِي بِكَرَامَتِكَ مَنْ تُحِبُّ،

Omenao ny indrafonao izay sitrakao, ary tarihinao amin'ny alalan'ny fahasoavanao izay tianao,

*Tu atteins qui Tu veux par Ta Miséricorde, Tu diriges qui Tu aimes par Ta Noblesse.*

فَلَكَ الْحَمْدُ عَلَى مَا نَقَيْتَ مِنَ الشَّرِّ قَلْبِي، وَلَكَ الْحَمْدُ عَلَى بَسْطِ لِسَانِي،

Koa Anao ny Voninahitra tamin'ny nandiovanao ny foko amin'ny fampitambarana Anao amin'ny hafa, ary Dera ho Anao tamin'ny namahanao ny lelako,

*Alors, Louange à Toi pour avoir purifié mon cœur de l'associationnisme et Louange à Toi pour avoir déployé ma langue.*

أَقِيلْسَانِي هَذَا الْكَلَّ اشْكُرْكَ، أَمْ يَغَايَةِ جُهْدِي فِي عَمَلِي أَرْضِيكَ،

Ka moa amin'ny alalan'ny lelako izay efa trotraka ve no hisaorako Anao, sa amin'ny alalan'ny fiezahako mafy amin'ny asako no hankasitrahako Anao?

*Est-ce que de ma langue exténuée je Te remercie, ou est-ce que je Te satisfais avec le summum de mes efforts dans mon acte ?*

وَمَا قَدْرُ لِسَانِي يَا رَبِّ فِي جَنْبِ شُكْرِكَ، وَمَا قَدْرُ عَمَلِي فِي جَنْبِ نِعْمِكَ وَأِحْسَانِكَ،

Inona moa izay lanjan'ny teniko ry Tompo manoloana ny Fankasitrahanao, ary inona ny lanjan'ireo asako manoloana ny Fahasoavanao sy ny Fahatsaranao?

*Quel est le poids de ma parole, ô Seigneur, à côté de Ton Remerciement et quel est le poids de mes actes à côté de Tes Bienfaits et de Tes Bontés ?*

إِلَهِي إِنَّ جُودَكَ بَسَطَ أَمَلِي، وَشُكْرَكَ قَبَلَ عَمَلِي،

Andriamanitra ô! Ny halalahan-tànanao no manokatra ny fanantenako, ary ny Fankasitrahanao no mahavoaray ny asako.

*Mon Dieu, Ta Largesse a déployé mon espoir et Ton Remerciement a agréé mon acte.*

سَيِّدِي الْبُكَّ رَغْبَتِي، وَالْبُكَّ رَهْبَتِي، وَالْبُكَّ تَأْمِيلِي، وَقَدْ سَافَنِي إِلَيْكَ أَمَلِي، وَعَلَيْكَ يَا وَاحِدِي عَكَفْتُ هَمَّتِي، وَفِيمَا عِنْدَكَ انْبَسَطْتُ رَغْبَتِي،

Tompo ô! Any Aminao no hiantefan'ny faniriako sy ny fahatahorako ary ny fanantenako, efa nitarika ahy sahady any Aminao ny fanantenako, r'llay Tokako! Miankina tanteraka eo Aminao ny hafanampoko, ary any amin'izay rehetra any Aminao no hironan'ny faniriako,

*Mon Maître, à Toi mon désir, ma crainte et mon espoir, et déjà, mon espoir m'a conduit à Toi, mon ardeur a pris appui sur Toi, ô mon Unique, mon désir s'est étendu à ce qu'il y a chez Toi.*

وَلَكَ خَالِصٌ رَجَائِي وَخَوْفِي، وَبِكَ أُنِسْتُ مَحَبَّتِي، وَاللَّيْلُ أَقْبَيْتُ بِيَدِي، وَيَحْبُلُ طَاعَتِكَ  
مَدَدْتُ رَهْبَتِي،

Ho Anao irery ihany ny fanantenako sy ny tahotro, ary Aminao no iantefan'ny fitiavako, lanao no hanandratako ny tânako, ary amin'ny alalan'ny tadin'ny fankatoavana Anao no hametrahaiko ny tahotro,

*Mon espoir et ma peur ne sont que pour Toi, mon amour s'est familiarisé à Toi, et c'est vers Toi que j'ai levé les bras et à la corde de mon obéissance à Toi que j'ai étendu ma crainte révérentielle.*

يَا مَوْلَايَ يَذْكُرُكَ عَاشَ قَلْبِي، وَيَمُنَاجَاتِكَ بَرَدْتُ أَلَمَ الْخَوْفِ عَنِّي،

Ry Tompoko ô! Ny fahatsiarovana Anao no aina mamelona ny foko, ary ny fahatokiako Anao no mampitony ny hirifirin'ny tahotra amiko,

*Ô mon Maître, mon cœur vit en T'évoquant et j'ai apaisé les souffrances de ma peur en me confiant à Toi,*

فِيَا مَوْلَايَ وَيَا مُؤَمِّلِي وَيَا مُنْتَهَى سُؤْلِي فَرَّقَ بَيْنِي وَبَيْنَ ذُنُوبِي الْمَانِعِ لِي مِنْ لَزُومِ طَاعَتِكَ،

noho izany ry Tompoko ô! R'llay andrin'ny fanantenako! R'llay tanjon'ny fangatahako! Alaviro amiko ny fahotako izay manakana ahy amin'ny fandalana mandrakariva ny fankatoavana Anao,

*Alors mon Maître, ô Sujet de mon espoir, ô Objectif de ma quête, dissocie-moi de mes péchés qui m'empêchent de respecter mon obéissance à Toi.*

فَإِنَّمَا أَسْأَلُكَ لِقَدِيمِ الرَّجَاءِ فِيكَ، وَعَظِيمِ الطَّمَعِ مِنْكَ، الَّذِي أَوْجَبَتْهُ عَلَيَّ نَفْسِكَ مِنَ الرَّأْفَةِ  
وَالرَّحْمَةِ،

koa mangataka fanantenana mandrakizay Aminao aho, ary ny faniriako lehibe Anao, ka nandidiano ny Tenanao ny fitsimbinana sy ny famindram-po.

*Je Te demande, pour l'éternité de l'espoir en Toi et la grandeur de ma convoitise de Toi que Tu T'es astreint à Toi-même, la Bienveillance et la Miséricorde.*

فَالأَمْرُ لَكَ، وَحَدَكَ لَا شَرِيكَ لَكَ وَالْخَلْقُ كُلُّهُمْ عِيَالِكَ وَفِي قَبْضَتِكَ، وَكُلُّ شَيْءٍ خَاضِعٌ لَكَ  
تَبَارَكْتَ يَا رَبَّ الْعَالَمِينَ،

Anao irery ihany ny didy, tsy misy mpikambana Aminao, lanao no miandraikitra ny zava-boahary rehetra ary fehezinao, ka milefitra eo anatrehanao ny zavatra rehetra, voninahitra anie ho Anao ry Tompon'izao tontolo izao.

*L'ordre est pour Toi, uniquement pour Toi, point d'associé à Toi, la Création tout entière est à Ta Charge et toute chose T'est soumise dans Ton Etreinte, que Tu sois Béni, ô Seigneur des mondes !*

إِلَهِي ارْحَمْنِي إِذَا انْقَطَعَتْ حُجَّتِي وَكَلَّ عَنْ جَوَابِكَ لِسَانِي، وَطَاشَ عِنْدَ سؤَالِكَ إِيَّايَ لُبِّي،

Andriamanitra ô! Miantra ahy lanao, rehefa tsy manana porofo intsony aho, sady tsy afa-mamaly Anao intsony ny lelako, ary mavesatra ny saiko manoloana ny fanontaniana.

*Mon Dieu, fais-moi Miséricorde quand je suis à cours d'argument, quand ma langue est incapable de Te répondre, quand ma raison s'étourdit devant Tes Questions.*

فِيَا عَظِيمَ رَجَائِي لَا تُخَيِّبْنِي إِذَا اشْتَدَّتْ فَاقَتِي، وَلَا تُرَدِّدْنِي لِجَهْلِي، وَلَا تَمْنَعْنِي لِقَوْلِي  
صَبْرِي، أَعْطِنِي لِفَقْرِي وَارْحَمْنِي لِضَعْفِي،

Ô r'llay fanantenako lehibe! Aza atao diso fanantenana aho rehefa mihamafy ny fahantrako, ary aza atosika aho noho ny tsy fahalalako, na sakanana noho ny hakelin'ny faharetako, fa omeo aho noho ny fahantrako, ary iantrao aho noho ny fahalemeko.

*Ô mon grand Espoir, ne me déçois pas quand mon dénuement a augmenté, ne me repousse à cause de mon ignorance, ne me révoque pas pour mon peu de patience, donne-mo de quoi suppléer à mon indigence, aie pitié de ma faiblesse !*

سَيِّدِي عَلَيْكَ مُعْتَمِدِي وَمَعْوَلِي وَرَجَائِي وَتَوَكَّلِي، وَبِرَحْمَتِكَ تَعَلَّقِي، وَبِفَنَائِكَ أَحْطُ رَحْلِي،



Tompo ô! lanao no andriko, fiankinako, fanantenako, fianteherako, ny Famindram-ponao no ifikirako, ary eo an-tokontaninao no hametrahako ny entako.

*Mon Maître, Tu es mon support, mon appui, mon espoir, ma confiance, à Ta Miséricorde, je me suis accroché et dans Ta Cour, j'ai déposé mes bagages,*

وَبِجُودِكَ أَقْصِدُ طَلِبَتِي، وَبِكَرَمِكَ أَيُّ رَبِّ اسْتَفْتِيحُ دُعَائِي، وَلَدَيْكَ أَرْجُو فَاقْتِي، وَبِعِنَاكَ  
أَجْبُرُ عَيْلَتِي،

Amin'ny alalan'ny fahalalahan-tànanao, no hanolorako Aminao ny fangatahiko, ary amin'ny alalan'ny hatsaram-panahinao ry Tompoko no hanombohako ny fitalahoako, ary eo anatrehanao no hitalahoako ireo filàko, ary amin'ny alalan'ny fananan-karenanao no hitsaboko ny fahantrako.

*Par Ta Largesse, je T'adresse ma requête, par Ta Générosité, ô Seigneur, je commence mon invocation, auprès de Toi, j'implore pour mon besoin, par Ta Richesse je panse ma pauvreté,*

وَتَحْتَ ظِلِّ عَفْوِكَ قِيَامِي، وَالْإِلَى جُودِكَ وَكَرَمِكَ أَرْفَعُ بَصْرِي، وَالْإِلَى مَعْرُوفِكَ أَدِيمُ نَظْرِي،

Eo ambany haloky ny famelanao no hijoroako, ary any amin'ny fahalalahan-tànanao sy ny hatsaram-panahinao no hiandrahandran'ny masoko, ary any amin'ny fahasoavanao no hiantefan'ny fijeriko.

*A l'ombre de Ton Pardon, je me dresse, vers Ta largesse et Ta Générosité, je lève mes yeux et vers Ta Faveur, je pose mon regard,*

فَلَا تُحْرِقْنِي بِالنَّارِ وَأَنْتَ مَوْضِعُ أَمَلِي، وَلَا تُسْكِنِي الْهَوَايَةَ فَإِنَّكَ قُرَّةُ عَيْنِي،

Koa aza doroinao amin'ny afo aho, satria lanao no fanantenako, ary aza alatsakao anaty fahasimbana aho, fa lanao no fifalian'ny masoko.

*Alors, ne me brûle pas par le Feu alors que Tu es mon Espoir, ne m'établis pas dans les abîmes de l'Enfer alors que Tu es le plaisir de mes yeux.*

يَا سَيِّدِي لَا تُكْذِبْ ظَنِّي بِإِحْسَانِكَ وَمَعْرُوفِكَ فَإِنَّكَ نَفْتِي، وَلَا تَحْرِمْنِي ثَوَابَكَ فَإِنَّكَ الْعَارِفُ  
بِقُورِي،

Tompoko ô! Aoka tsy holavinao ny eritreritro ny amin'ny Fahatsaranao sy ny Fahasoavanao, satria lanao Tokiko, ary aoka tsy ho sakananao ho amiko ny Fanomezanao, fa lanao no Mahalala ny fahantrako.

*Ô mon Maître, ne désavoue pas mon opinion sur Tes Bienfaits et Ta Faveur car Tu es ma confiance, ne me prive pas de Tes Récompenses car Tu connais mon indigence.*

إلهي إِنْ كَانَ قَدْ دَنَا أَجْلِي وَلَمْ يُقَرِّبْنِي مِنْكَ عَمَلِي فَقَدْ جَعَلْتَ الْأَعْتِرَافَ إِلَيْكَ يَذُنُّبِي وَسَائِلَ عَلَيَّ،

Andriamanitro ô! Raha toa ka hatomotra ny androko, nefa tsy nampanakaiky ahy Taminao ireo asako, dia efa niaiky ny fahotako teo anatrehanao aho, mba ho fialantsiniko.

*Mon Dieu, si le moment de ma mort est venu et qu'aucun de mes actes ne me rapproche de Toi, alors je place la reconnaissance de mes péchés devant Toi comme moyens de mes prétextes.*

إلهي إِنْ عَفَوْتَ فَمَنْ أَوْلَى مِنْكَ بِالْعَفْوِ، وَإِنْ عَذَّبْتَ فَمَنْ أَعْدَلُ مِنْكَ فِي الْحُكْمِ،

Andriamanitro ô! Raha mamela ahy lanao, dia iza moa no mendrika hamela ankoatra Anao? Ary raha manafay lanao, dia iza no marimpitsarana mihoatra Anao?

*Mon Dieu, si Tu me pardonnes, qui serait plus à même de pardonner que Toi ? Si tu me châties, qui serait plus juste que Toi dans le jugement ?*

أَرْحَمَ فِي هَذِهِ الدُّنْيَا عُزْبَتِي، وَعِنْدَ الْمَوْتِ كُرْبَتِي، وَفِي الْقَبْرِ وَحْدَتِي،

Hiantrao ny fivahinianako irery ety amin'ny fiainana an-tany, sy ny fijaliako eo am-pialanaina, ary ny fiainako samirery ao am-pasana,

*Aie pitié de mon dépaysement, dans ce monde ici-bas, de mon affliction au moment de la mort, de ma solitude dans ma tombe,*

وَفِي اللَّحْدِ وَحْشَتِي، وَإِذَا نُشِرْتُ لِلْحِسَابِ بَيْنَ يَدَيْكَ ذُلٌّ مَوْفِي،

ny fitokana-moniko amin-tahotra anaty fasana, ary rehefa hatsangana ho tsaraina eo anatrehanao aho ao anaty fahambaniana,

*De mon isolement dans ma sépulture, et de l'humiliation de ma position quand je serai ressuscité pour le Jugement devant Toi,*

وَأَغْفِرْ لِي مَا خَفِيَ عَلَيَّ مِنَ الْإِدْمِينِ مِنْ عَمَلِي، وَأَدِّمْ لِي مَا يَه سَتَّرْتَنِي،

mamela ahy amin'ireo fihetsika ratsy nafenina ny zanak'olombelona, ary aoka ho tazoninao ireo izay efa nafeninao ny amiko,

*Pardonne-moi les actes qui ont été cachés aux hommes et maintiens Ta dissimulation sur ce que Tu m'as déjà couvert,*

وَأَرْحَمْنِي صَرِيحاً عَلَى الْفِرَاشِ نُقَلِّبُنِي أَيْدِي أَحِبَّتِي،

aoka lanao hiantra ahy eo am-pandrian'ny fahafatesako, izay hamadihan'ny tanan'ireo olon-tiako ahy,

*Aie pitié de moi, sur mon lit de mort, les mains de mes bien-aimés me retournant,*

وَتَفَضَّلْ عَلَيَّ مَمْدُوداً عَلَى الْمُعْتَسِلِ يُقَلِّبُنِي صَالِحُ جِيرَتِي،

aoka ianao hanambony ahy rehefa eo am-pitsorana ho sasana aho, ka hamadihan'ireo namana tsy mahafofy ny vatako,

*Sois Condescendant à mon égard quand je serai allongé sur le lavoir, le corps retourné par un ami vertueux,*

وَتَحَنَّنْ عَلَيَّ مَحْمُولاً قَدْ تَنَاوَلَ الْأَقْرَبَاءُ أَطْرَافَ جِنَازَتِي،

aoka lanao hangoraka ahy rehefa ho lanjaina aho, ka handraisan'ireo fianakaviako ny zoron'ny filanjana ahy,

*Attendris-Toi sur mon sort quand je serai porté, les proches passant aux extrémités de mon cercueil,*

وَجَدُّ عَلِيٍّ مَنفُولاً قَدْ نَزَلَتْ بِكَ وَحِيداً فِي حُفْرَتِي، وَارْحَمَ فِي ذَلِكَ الْبَيْتِ الْجَدِيدِ غُرْبَتِي،  
حَتَّى لَا أَسْتَأْسِسَ بِغَيْرِكَ،

aoka lanao hiantra ahy rehefa ho entina iny aho, ka halatsaka ao anaty lavaka irery miaraka Aminao aho, iantrao ny fifindrako monina amin'izany fonenana vaovao izany, mba tsy hifandraisako amin'ny hafa ankoatra Anao.

*Sois Généreux quand, transporté, je serai déposé dans la fosse, seul, avec Toi, aie pitié de mon dépaysement dans cette nouvelle demeure pour ne pas me familiariser à autre que Toi.*

يَا سَيِّدِي إِنْ وَكَلْتَنِي إِلَى نَفْسِي هَلَكْتُ، سَيِّدِي فَيَمَنْ اسْتَعَيْتُ إِنْ لَمْ تُقَلِّنِي عَنْرَتِي، فَإِلَى مَنْ  
أَفْرَعُ إِنْ فُقِدْتُ عِنَابَتَكَ فِي ضَجْعَتِي، وَإِلَى مَنْ أَلْتَجِي إِنْ لَمْ تُنْقَسْ كُرْبَتِي

Tompoko ô! Raha avelanao irery amin'ny tenako aho, dia ho very tokoa, koa amin'iza ry Tompoko no hitadiavako vonjy raha tsy mamela ny fahadisoako lanao, ary amin'iza no hamborahako ny tahotro raha very amiko ny fahianao mandritra ny torimasoko, ary any amin'iza no hialofako raha tsy misinda ny alaheloko lalim-paka?

*Ô Mon Maître, si Tu me laissais à moi-même, je serais perdu, alors mon Maître, auprès de qui chercher secours si Tu ne pardonnes pas mes erreurs, auprès de qui exprimer mes craintes si je perds Ta Providence durant mon sommeil, et vers qui me réfugier si mon affliction n'est pas soulagée ?*

سَيِّدِي مَنْ لِي وَمَنْ يَرْحَمُنِي إِنْ لَمْ تَرْحَمْنِي، وَفَضَلَ مَنْ أَوْمَلُ إِنْ عَدِمْتُ فَضْلَكَ يَوْمَ  
فَاقَتِي، وَإِلَى مَنْ الْفِرَارُ مِنَ الدُّنُوبِ إِذَا انْقَضَى أَجْلِي،

Tompoko ô! Iza no hamonjy ahy, ary iza no hiantra ahy, raha tsy mangoraka ahy lanao? Fahasoavan'iza no hantenaiko raha tsy misy amiko intsony ny fahasoavanao amin'ny andron'ny fahantrako? Ary any amin'iza no handosirako ireo fahotana raha tapitra ny androko?

*Mon Maître, qui sera en ma faveur et qui me fera miséricorde si Tu ne le fais pas ? De qui espérer les bonnes grâces si elles me manquent le jour de mon dénuement ? Vers qui fuir des péchés si mon moment est arrivé ?*

سَيِّدِي لَا تُعَذِّبْنِي وَأَنَا أَرْجُوكَ،

Tompoko ô! Aza faizinao aho, fa lanao no hitarainako,

*Mon Maître, ne me châtie pas alors que je Te supplie !*

إِلَهِي حَقِّقْ رَجَائِي، وَأَمِنْ خَوْفِي، فَإِنَّ كَثْرَةَ ذُنُوبِي لَا أَرْجُو فِيهَا إِلَّا عَفْوَكَ،

Andriamanitro ô! Tanteraho ny fanantenako, ary ampitonia ny tahotra, fa ny habetsahan'ny fahotako dia tsy ananako fanantenana raha tsy noho ny famelanao,

*Mon Dieu, réalise mon espoir, rassure ma peur car la multitude de mes péchés ne m'en fait espérer que Ton pardon !*

سَيِّدِي أَنَا أَسْأَلُكَ مَا لَا اسْتَحِقُّ وَأَنْتَ أَهْلُ النَّقْوَى وَأَهْلُ الْمَعْفَوَةِ،

Tompoko ô! Mangataka Aminao izay tsy mendrika ahy aho, nefa lanao no Tompon'ny fananam-pahatahorana sy ny famelàna,

*Mon Maître, je Te demande ce que je ne mérite pas et Toi, Tu es le Maître de la piété et du pardon,*

فَاعْفُرْ لِي وَالْيَسْنِي مِنْ نَظْرِكَ تَوْبًا يُعْطِي عَلَيَّ التَّيْبَعَاتِ، وَتَعْفُرْهَا لِي وَلَا أَطَالِبُ بِهَا، إِنَّكَ  
دُوَّ مِّنْ قَدِيمٍ، وَصَفْحَ عَظِيمٍ، وَتَجَاوُزَ كَرِيمٍ،

koa mamela ahy, ary tafio amin'ny lamban'ny Fijerinao aho, izay manarona ny voka-dratsin'ny fahotako, ary mamela ahy amin'izany, aza hangatahina na inona na inona aho, fa lanao no Tompon'ny fahasavana mandrakizay, ny famelàna lehibe sy ny fandeferana lalina,

*Aussi pardonne-moi, revêts-moi d'un vêtement de Ton Regard qui couvre les conséquences de mes péchés et pardonne-les moi, ne m'en demande rien car Tu détiens une Grâce éternelle, un Pardon grandiose et une Tolérance généreuse.*

إِلَهِي أَنْتَ الَّذِي تُفِيضُ سَيِّبَكَ عَلَيَّ مَنْ لَا يَسْأَلُكَ وَعَلَى الْجَاهِدِينَ بِرُبُوبِيَّتِكَ،

Andriamanitro ô! lanao no manome sesehena ny harenao ho an'izay tsy mangataka Aminao, sy ho an'ireo mitsipaka ny maha Tompo Anao,

*Mon Dieu, Tu dispenses Tes richesses à celui qui ne Te les demande pas et à ceux qui contestent Ta Seigneurie,*

فَكَيْفَ سَيِّدِي يَمَنْ سَأَلَكَ وَأَيَقِنَ أَنَّ الْخَلْقَ لَكَ، وَالْأَمْرَ إِلَيْكَ، تَبَارَكْتَ وَتَعَالَيْتَ يَا رَبَّ  
الْعَالَمِينَ،

koa ahoana moa ry Tompoko ho an'izay mangataka Aminao, sy miaiky tanteraka fa ny fahariana sy ny didy dia miverina Aminao, Voninahitra sy ny Fahamboniana anie ho Anao, ry Tompon'izao tontolo izao !

*Alors, mon Maître, que dire de celui qui Te sollicite et qui a la certitude que la Création et l'Ordre Te reviennent, que Tu sois Béni et Exalté, ô Seigneur des mondes !*

سَيِّدِي عَبْدُكَ بِيَابِكَ أَقَامَهُ الْخِصَاصَةَ بَيْنَ يَدَيْكَ يَفْرَعُ بَابَ إِحْسَانِكَ يَدْعَايَهُ،

Tompoko ô! Indro ny mpanomponao eo am-bavaravaranao, mitsangana eo anatrehanao iharan'ny fahantrana, mandondona ny varavaran'ny fahatsaranao amin'ny alalan'ny fangatahany,

*Mon Maître, Ton serviteur est à Ta Porte, l'indigence l'ayant dressé devant Toi, et il frappe à la porte de Tes Bontés par ses invocations,*

فَلَا تُعْرِضْ بَوَجْهِكَ الْكَرِيمِ عَنِّي، وَأَقْبَلْ مِنِّي مَا أَقُولُ،

koa aza ahodinao amiko ny fahamendrehan'ny Tavanao, ary ekeo ho ahy izay ambarako,

*Alors, ne détourne pas Ton noble Visage de moi et accepte de moi ce que je dis.*

فَقَدْ دَعَوْتُ بِهَذَا الدُّعَاءِ وَأَنَا أَرْجُو أَنْ لَا تَرُدَّنِي، مَعْرِفَةً مِنِّي بِرَأْفَتِكَ وَرَحْمَتِكَ،

efa nangataka taminao izany fangatahana izany aho, ary nitalaho Anao mba tsy hanosika ahy, noho ny fahafantarako ny hamoram-ponao, sy ny fiantranao,

*Je T'implore de cette invocation et Te supplie de ne pas me repousser, connaissant Ta Bienveillance et Ta Miséricorde.*



*Donne-moi ce que je demande, pour moi, ma famille, mes parents, mes enfants, mes proches et mes frères en Toi,*

وَأَرْغِدْ عَيْشِي، وَأَظْهَرُ مُرُوتِي، وَأَصْلِحْ جَمِيعَ أَحْوَالِي، وَأَجْعَلْنِي مِمَّنْ أَطَلَّتْ عُمُرُهُ،  
وَحَسَّنَتْ عَمَلُهُ،

aoka ataonao ho tsara ny fiainako, ataovy miharihary ny fisandratana ny fanahiko, hatsarao ny amiko manontolo, ary ataovy ho isan'ireo nomenao fahavelomana lava aho, sy ho isan'ireo nohatsarainao ny asany.

*Rends ma vie prospère, fais apparaître ma grandeur d'âme, améliore l'ensemble de ma situation et place-moi parmi ceux dont Tu as prolongé l'âge, dont Tu as rendu bons les actes,*

وَأَثَمَمْتَ عَلَيْهِ نِعْمَتَكَ، وَرَضَيْتَ عَنْهُ وَأَحْيَيْتَهُ حَيَاةً طَيِّبَةً فِي أَدْوَمِ السُّرُورِ، وَأَسْبَغَ الْكِرَامَةَ،  
وَأَتَمَّ الْعَيْشَ،

ary ho isan' izay nofenoinao ho azy ny Fahasoavanao, nankasitrahanao izy, novelominao tao anatin'ny fiainana tsara, fahasambarana maharitra sy fahamendrehana tanteraka, ary fiainana feno.

*Pour qui Tu as achevé Ton Bienfait, dont Tu as été Satisfait, que Tu as fait vivre d'une bonne vie dans le bonheur permanent et la dignité la plus étendue, dont Tu as complété la vie,*

إِنَّكَ تَفْعَلُ مَا تَشَاءُ وَلَا تَفْعَلُ مَا يَشَاءُ غَيْرُكَ،

Satria lanao dia manao izay sitrakao, fa tsy vitan'izay hafa ankoatra Anao izay tiany,

*Car Tu fais ce que Tu veux et ne fait ce qu'il veut que Toi.*

اللَّهُمَّ خُصَّنِي مِنْكَ بِخَاصَّةِ ذِكْرِكَ، وَلَا تَجْعَلْ شَيْئًا مِمَّا أَتَقَرَّبُ بِهِ فِي أَنْاءِ اللَّيْلِ وَأَطْرَافِ  
النَّهَارِ رِيَاءً وَلَا سُمْعَةً وَلَا أَشْرًا وَلَا بَطْرًا، وَأَجْعَلْنِي لَكَ مِنَ الْخَاشِعِينَ،

Andriamanitra ô! Omeo fomba manokana ho fahatsiarovana Anao aho, ary aoka ny fomba rehetra hanatonako Anao anatin'ny alina sy ny andro mba tsy hisy fisehosehoana na ho fitadiavana laza, na feno fahambaniana, na ho fanamboniantena, fa apetraho ho isan'ireo mpatahotra Anao aho.



*Mon Dieu, octroie-moi de T'évoquer de façon spécifique, ne rends pas ce par quoi je me rapproche de Toi au cœur de la nuit et aux limites du jour, ostentatoire ou dans le but de la renommée, ou impudent ou arrogant, et place-moi parmi ceux qui Te craignent !*

اللَّهُمَّ أَعْطِنِي السَّعَةَ فِي الرِّزْقِ، وَالْأَمْنَ فِي الْوَطَنِ، وَفِرَّةَ الْعَيْنِ فِي الْأَهْلِ وَالْمَالِ وَالْوَلَدِ،  
وَالْمَقَامَ فِي نِعْمِكَ عِنْدِي، وَالصَّحَّةَ فِي الْجِسْمِ، وَالْقُوَّةَ فِي الْبَدَنِ، وَالسَّلَامَةَ فِي الدِّينِ،

Andriamanitra ô! Omeo vatsim-pahasoavana sesehena aho, fandriampahalemana eto an-tanindrazako, fifaliana eo anivon'ny fianakaviana sy ny harena ary ny zanaka, manoloana ny fahasoavanao eo amiko, ny fahasalaman'ny vatana, ny herin'ny tena, ary ny fahatoniana eo amin'ny finoana.

*Mon Dieu, accorde-moi l'abondance dans les ressources, la sécurité dans la patrie, la joie dans la famille, les biens, les enfants, le rang dans Ton Bienfait chez moi, la santé du corps, la force dans le corps, le salut dans la religion.*

وَأَسْتَعْمَلُنِي بِطَاعَتِكَ وَطَاعَةِ رَسُولِكَ مُحَمَّدٍ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ أَبَدًا مَا اسْتَعْمَرْتَنِي،

Aoka aho mba hankato Anao, sy ny irakao Mohammad, ho aminy sy ny fianakaviany anie ny Fitahianao, raha mbola velon'aina aho.

*Fais-moi agir en T'obéissant ainsi qu'à Ton Messenger Mohammed, que Dieu prie sur lui et sur sa famille, toujours, tant que durera ma vie,*

وَأَجْعَلْنِي مِنْ أَوْفَرِ عِبَادِكَ عِنْدَكَ نَصِيبًا فِي كُلِّ خَيْرٍ أَنْزَلْتَهُ وَنَزَلْتَهُ فِي شَهْرِ رَمَضَانَ فِي  
لَيْلَةِ الْقَدْرِ،

Ataovy ho isan'ny mpanomponao mahazo tombontsoa indrindra any Aminao aho, amin'ireo fahasoavana izay nampidininao, sy izay nampidininao tamin'ny volana masina Ramadhan, nandritra ny alin'ny lahatra,

*Fais de moi un de Tes serviteurs qui bénéficie le plus chez Toi, de tout Bien que Tu as fait descendre et que Tu fais descendre pendant le mois de Ramadan, durant la nuit d'al-qadr,*

وَمَا أَنْتَ مُنْزَلُهُ فِي كُلِّ سَنَةٍ مِنْ رَحْمَةٍ تَنْشُرُهَا، وَعَافِيَةٌ تُلَيْسُهَا، وَبَلِيَّةٌ تَدْفَعُهَا، وَحَسَنَاتٍ تَتَقَبَّلُهَا، وَسَيِّئَاتٍ تَتَجَاوَرُ عَنْهَا،

ary izay nampidininao isan-taona amin'ny famindram-ponao izay naelinao, amin'ny fahasalamana izay arakotrao, ny loza izay sakananao, ary ny fahatsarana nekenao, sy ny faharatsiana tsy nojerena,

*Et de ce que Tu fais descendre chaque année en Miséricorde répandue, en santé revêtue et en épreuve repoussée, en bonnes actions accueillies et en mauvaises négligées.*

وَأَرْزُقْنِي حَجَّ بَيْتِكَ الْحَرَامِ فِي عَامِنَا هَذَا وَفِي كُلِّ عَامٍ، وَأَرْزُقْنِي رِزْقًا وَاسِعًا مِنْ فَضْلِكَ الْوَاسِعِ،

Tahio aho mba hamangy ny Tranonao Masina amin'ity taona ity, sy ho isan-taona , ary omeo vatsim-pahasoavana sesehena aho amin'ny alalan'ny Fahasoavanao lehibe.

*Accorde-moi le pèlerinage à Ta Maison sacrée, cette année-là et tous les ans, enrichis-moi de ressources abondantes par Ta Faveur étendue,*

وَأَصْرِفْ عَنِّي يَا سَيِّدِي الْأَسْوَاءَ، وَأَقْضِ عَنِّي الدَّيْنَ وَالظُّلْمَاتِ، حَتَّى لَا آتَانِي بِشَيْءٍ مِنْهُ،

Esory amiko Tompo ny faharatsiana, ary foano amiko ny trosako sy ny tsy rariny rehetra, ka tsy hisy zavatra hanjo ahy.

*Epargne-moi, ô mon Maître, les malheurs, acquitte-moi des dettes, les injustices jusqu'à n'en subir aucun dommage,*

وَخُذْ عَنِّي يَا سَمَاعَ وَأَبْصَارَ أَعْدَائِي وَحُسَادِي وَالْبَاغِينَ عَلَيَّ، وَأَنْصِرْنِي عَلَيْهِمْ،

Arovy aho, toy izany koa ny fihainoako sy ny fijeriko manoloana ireo fahavalako, ireo mpialona, ireo olon-dratsy, koa avoty aho manoloana azy ireo.

*Garde-moi ainsi que mon ouïe et ma vue, de mes ennemis, de mes envieux, des injustes à mon encontre, assiste-moi contre eux,*

وَأَقِرَّ عَيْنِي وَفَرِّحْ قَلْبِي، وَاجْعَلْ لِي مِنْ هَمِّي وَكَرْبِي فَرَجًا وَمَخْرَجًا،

Omeo haravoana ny masoko, ary ampifalio ny foko, hamaivano ny fahasahiranan-tsaiko sy ny fijaliako, ary lanao hanaisotra izany.

*Réjouis mes yeux, égaie mon cœur, dissipe, pour moi, mes soucis et mon affliction et donne-leur une issue,*

وَأَجْعَلْ مَنْ أَرَادَنِي بِسُوءٍ مِنْ جَمِيعِ خَلْقِكَ تَحْتَ قَدَمَيَّ، وَأَخْفِنِي شَرَّ الشَّيْطَانِ، وَشَرَّ  
السُّلْطَانِ، وَسَيِّئَاتِ عَمَلِي،

Aoka izay rehetra mitady hanao ratsy ahy amin'ireo zavaboaharinao rehetra mba ho ataonao eo ambany tongotro, alaviro amiko ny faharatsian'ny devoly sy ireo manam-pahafana, ary ny asa ratsiko.

*Place sous mes pieds celui de l'ensemble de Tes créatures qui veut me nuire, repousse de moi le mal du démon, le mal du pouvoir et de mes mauvaises actions,*

وَطَهِّرْنِي مِنَ الدُّنُوبِ كُلِّهَا، وَأَجْرِنِي مِنَ النَّارِ بِعَفْوِكَ، وَأَدْخِلْنِي الْجَنَّةَ بِرَحْمَتِكَ، وَزَوِّجْنِي  
مِنَ الْحُورِ الْعِينِ بِفَضْلِكَ،

Diovy amin'ny fahotana rehetra aho, ary arovy amin'ny afobe, amin'ny alalan'ny famelanao, ampidiro ao am-paradisa aho amin'ny alalan'ny famindram-ponao, ary ampanambadio ny vehivavin'ny Paradisa aho amin'ny alalan'ny Fahasoavanao.

*Purifie-moi de tous mes péchés, protège-moi du feu par Ton Pardon, fais-moi entrer dans le Paradis par Ta Miséricorde, marie-moi avec des Houris aux grands yeux par Ta Faveur,*

وَأَلْحِقْنِي يَا وَلِيَّائِكَ الصَّالِحِينَ مُحَمَّدٌ وَآلِهِ الْأَبْرَارِ الطَّيِّبِينَ الطَّاهِرِينَ الْأَخْيَارِ صَلَوَاتِكَ عَلَيْهِمْ  
وَعَلَى أَجْسَادِهِمْ وَأَرْوَاحِهِمْ وَرَحْمَةِ اللَّهِ وَبَرَكَاتِهِ

Ampifandraiso amin'ireo olom-boafidinao mendrika aho, i Mohammad sy ny fianakaviany mendrika sy madio, olon'ny fahatsarana, ny fitahiana anie ho amin'izy ireo, ho amin'ny vatany sy ny fanahiny, ary toy izany koa ny famindram-pon'Andriamanitra sy ny fahasoavany.

*Fais-moi rejoindre Tes Proches-Elus, Tes Purs, Mohammed et sa famille, les pieux, les bons, les purs, les meilleurs, que Tes Prières soient sur eux, sur leur corps et sur leur esprit ainsi que Ta Miséricorde et Ta Bénédiction.*

إِلَهِي وَسَيِّدِي وَعَزَّتِكَ وَجَلَالِكَ لِنِّينِ طَالِبْتَنِي بِذُنُوبِي لِأَطَالِبْتِكَ بِعَفْوِكَ، وَلِنِّينِ طَالِبْتَنِي بِلُؤْمِي لِأَطَالِبْتِكَ بِكَرَمِكَ، وَلِنِّينِ أَدْخَلْتَنِي النَّارَ لِأُخِيرَنَّ أَهْلَ النَّارِ بِحُبِّي لَكَ،

Andriamanitra ô! Tompoko ô! Amin'ny alalan'ny Herinao sy ny Fahambonianao, raha mitaky amiko ireo fahotako lanao dia hiangaviako tokoa ny famelanao , ary raha mitaky amiko ireo asako tsy mendrika lanao, dia italahoako tanteraka Aminao ny fahatsaram-ponao, ary raha ampidirinao anaty afobe aho, dia holazaiko marina amin'ireo olon'ny afobe ny fitiavako lalina Anao.

*Mon Dieu, mon Maître, par Ta Puissance et Ta Majesté, si Tu T'enquières de mes péchés auprès de moi, je Te revendiquerai Ton Pardon, si Tu T'enquières de mes actes déloyaux auprès de moi, je Te revendiquerai Ta Générosité, et si Tu me fais entrer dans le feu, j'informerai ses habitants de mon amour pour Toi.*

إِلَهِي وَسَيِّدِي إِنْ كُنْتَ لَا تَغْفِرُ إِلَّا لِأَوْلِيَائِكَ وَأَهْلِ طَاعَتِكَ فَإِلَى مَنْ يَفْرَعُ الْمُذْنِبُونَ،

Andriamanitra ô! Tompoko ô! Raha toa lanao tsy mamela heloka afa-tsy ireo olom-boafidinao sy ireo olon'ny fankatoavana Anao, dia any amin'iza àry no hialofan'ireo mpanota?

*Mon Dieu, mon Maître, si Tu ne pardones qu'à tes proches élus et qu'à ceux qui t'obéissent, vers qui les pécheurs vont-ils se réfugier ?*

وَأَنْ كُنْتَ لَا تُكْرِمُ إِلَّا أَهْلَ الْوَفَاءِ بِكَ فِيمَنْ يَسْتَعِيثُ الْمُسِيؤُونَ

Ary raha tsy manome voninahitra afa-tsy ireo olona feno fahatokiana Anao lanao, dia amin'iza no itadiavan'ireo olon-dratsy famonjena?

*Si Tu n'honores que ceux qui Te sont fidèles, qui les mauvaises gens vont-elles appeler au secours ?*

إِلَهِي إِنْ أَدْخَلْتَنِي النَّارَ فِي ذَلِكَ سُرُورٌ عَدُوِّكَ، وَأَنْ أَدْخَلْتَنِي الْجَنَّةَ فِي ذَلِكَ سُرُورٌ نَبِيِّكَ، وَأَنَا وَاللَّهِ أَعْلَمُ أَنَّ سُرُورَ نَبِيِّكَ أَحَبُّ إِلَيْكَ مِنْ سُرُورِ عَدُوِّكَ،

Andriamanitra ô! Raha ampidirinao anaty afobe aho, dia ho faly amin'izany ireo fahavalonao, ary raha ampidirinao anaty Paradisa, dia ho faly amin'izany ny Mpaminaninao, ary izaho eo anatrehan'Andriamanitra, dia

mahafantatra fa ny fifalian'ny Mpaminaninao dia tena tianao tokoa mihoatra ny fifalian'ny fahavalonao.

*Mon Dieu, si Tu me fais entrer dans le feu, Tes ennemis en seront contents, et si Tu me fais entrer dans le Paradis, Ton Prophète en sera content, et moi je sais, par Dieu, que le contentement de Ton Prophète est plus aimable à Tes Yeux que celui de Tes ennemis.*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ أَنْ تَمْلَأَ قَلْبِي حُبًّا لَكَ، وَخَشْيَةً مِنْكَ، وَتَصَدِّيقًا بِكِتَابِكَ، وَإِيمَانًا بِكَ، وَفِرْقًا مِنْكَ، وَشَوْقًا إِلَيْكَ، يَا ذَا الْجَلَالِ وَالْإِكْرَامِ

Andriamanitra ô! Mangataka marina Aminao tokoa aho, mba hamenoanao ny foko ny fitiavana Anao sy ny fahatahorako Anao, ny fanekena ny Bokinao, ny finoana Anao, ny fanahiana hisaraka Aminao, ny fahatsiarovana Anao, ô r'Illy be voninahitra sy feno fahamendrehana!

*Mon Dieu, je Te demande d'emplir mon cœur d'amour pour Toi, de crainte de Toi, d'attestation de Ton Livre, de foi en Toi, de peur de Toi, d'aspiration à Toi, Ô Majestueux et Noble.*

حَبِّبْ إِلَيَّ لِقَاءَكَ وَأَحْبِبْ لِقَائِي، وَاجْعَلْ لِي فِي لِقَائِكَ الرَّاحَةَ وَالْفَرَجَ وَالْكَرَامَةَ،

Ataovy mitia ny fihaonana Aminao aho, ary tiavo koa ny fihaonana amiko, koa aoka anie izany fihaonana Aminao izany ho fitsaharana ho ahy, sy ho fanafahana ary ho fahamendrehana.

*Fais-moi aimer Ta rencontre et aime la mienne, procure-moi, dans Ta rencontre, la quiétude, le soulagement, la noblesse.*

اللَّهُمَّ الْحَقْنِي بِصَالِحٍ مِنْ مَضَى، وَاجْعَلْنِي مِنْ صَالِحٍ مَنْ بَقِيَ وَخُذْ بِي سَبِيلَ الصَّالِحِينَ،

Andriamanitra ô! Ampifandraiso amin'ny olo-marina efa lasa aho, ary ataovy ho isan'izay olo-marina mbola tavela aho, ary ento aho homba ny làlan'ireo olo-mendrika.

*Mon Dieu, accorde-moi de rejoindre les Justes du passé, place-moi parmi les purs restants, fais-moi prendre le chemin des purs.*

وَاعْتَبِرْ عَلَى نَفْسِي يَمَا تُعِينُ يَه الصَّالِحِينَ عَلَى أَنْفُسِهِمْ، وَاخْتِمِ عَمَلِي يَا حَسْبِيهِ، وَاجْعَلْ  
تَوَابِي مِنْهُ الْجَنَّةَ بِرَحْمَتِكَ،

Ampio aho hifehy ny tenako, tahaka ny nanampianao ireo olo-mendrika hifehy ny tenany, farano amin'ny fahatsarana ny asako, ary aoka ho ny Paradisa no valin'izany amin'ny alalan'ny Famindram-ponao.

*Aide-moi à me maîtriser comme Tu as aidé les Purs à se maîtriser, achève mes actions de la meilleure façon, fais que le récompense en soit le Paradis, par Ta Miséricorde,*

وَاعْتَبِرْ عَلَى صَالِحِ مَا أَعْطَيْتَنِي، وَتَبَيَّنْ يَا رَبِّ، وَلَا تُرُدَّنِي فِي سُوءِ اسْتَنْفَذْتَنِي مِنْهُ يَا رَبَّ الْعَالَمِينَ،

Ampio aho amin'ny fahatsarana izay nomenao ahy, ary hamafiso ny diako ry Tompo! Ary aza valiana amiko ny faharatsiana izay efa nanavotanao ahy, ô r'Ilay Tompon'izao tontolo izao!

*Aide-moi pour le bienfait que Tu m'as donné, raffermis mes pas, ô Seigneur, et ne me renvoie pas à un mal dont Tu m'as sauvé, ô Seigneur des mondes.*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ إِيْمَانًا لَا أَجَلَ لَهُ دُونَ لِقَائِكَ، أَحْيِنِي مَا أَحْيَيْتَنِي عَلَيْهِ وَتَوَقَّنِي إِذَا تَوَقَّيْتَنِي عَلَيْهِ، وَأَبْعَثْنِي إِذَا بَعَثْتَنِي عَلَيْهِ

Andriamanitra ô! Mangataka Aminao finoana tsy mety ritra aho raha tsy mihaona Aminao, velomy ao anatin'ny finoana aho amin'ny fiainana nomenao ahy, ary ho faty ao anatin'ny finoana amin'ny fotoanan'ny fahafatesana, ary hatsangano amin'ny maty ao anatin'ny finoana aho amin'ny fotoana hanangananao ahy,

*Mon Dieu, je Te demande une foi qui n'arrive pas à terme sans Ta rencontre, fais-moi vivre dans la foi toute ma vie et fais-moi mourir dans la foi au moment de la mort et ressuscite-moi dans la foi au moment de ma résurrection,*

وَأَبْرِيءٌ قَلْبِي مِنَ الرِّيَاءِ وَالشُّكِّ وَالسُّمْعَةِ فِي دِينِكَ، حَتَّى يَكُونَ عَمَلِي خَالِصًا لَكَ،

Ary diovy ny foko amin'ny fisehosehoana sy ny fisalasalana ary ny fitadiavana laza ao anatin'ny finoanao, ka hahatonga ny asako ho anao madiodio.

*Purifie mon cœur de l'ostentation, du doute, de la recherche de la notoriété dans ma religion afin que mon acte ne soit que pour Toi.*

اللَّهُمَّ اعْطِنِي بَصِيرَةً فِي دِينِكَ، وَفَهْمًا فِي حُكْمِكَ، وَفِقْهًا فِي عِلْمِكَ، وَكَفْلَيْنِ مِنْ رَحْمَتِكَ،  
وَوَرَعًا يَحْجِزُنِي عَنْ مَعَاصِيكَ،

Andriamanitra ô! Omeo fahafantarana ny finoanao aho, fahazoana ny fitsaranao, fahiratan-tsaina amin'ny fahalalanao, sy ireo anjara roa avy amin'ny famindram-ponao (eto an-tany sy any an-koatra), ary fiantrana manakana ahy tsy hanohitra Anao.

*Mon Dieu, accorde-moi la clairvoyance dans Ta Religion, la compréhension de Ton Jugement, la perspicacité de Ton Savoir, la double part de Ta Miséricorde et la pitié qui m'empêche de Te désobéir,*

وَبَيِّضْ وَجْهِي يَنْوْرِكَ، وَأَجْعَلْ رَغْبَتِي فِيْمَا عِنْدَكَ، وَتَوَقَّنِي فِي سَبِيلِكَ، وَعَلَى مِلَّةِ رَسُوْلِكَ  
صَلَّى اللهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ،

Hazavao ny tavako amin'ny alalan'ny fahazavanao, ary aoka ny faniriako ho any amin'izay anananao, aoka ho faty amin'ny làlanao sy ny finoan'ilay Mpaminaninao aho, ny fitahian'Andriamanitra anie ho eo aminy sy ny fianakaviany.

*Blanchis mon visage par Ta Lumière, oriente mes désirs dans ce que tu as et fais-moi mourir sur Ton chemin, selon la religion de Ton Messager (que Dieu prie sur lui et sur sa famille).*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَعُوذُ بِكَ مِنَ الْكَسَلِ وَالْفُسْخِ وَالْهَمِّ وَالْجُبْنِ وَالْبُخْلِ وَالْعَقْلَةِ وَالْفُسُوءِ وَالْمَسْكَنَةِ  
وَالْفَقْرِ وَالْفَاقَةِ وَكُلِّ بَلِيَّةٍ، وَالْفَوَاحِشِ مَا ظَهَرَ مِنْهَا وَمَا بَطَنَ،

Andriamanitra ô! Mitady fiarovana Aminao aho hanoherana ny hakamoana sy ny tsy fahombiazana, ny fahasahiranana-tsaina, ny hakanosana, ny fahihirana, ny tsirambina, ny hamafisam-po, ny fahantrana, ny tsy fahampiana, ny fitsapana sy ny fitondratena tsy mendrika, na miharihary izany na miafina.

*Mon Dieu, j'invoque Ta Protection contre la paresse, l'échec, les soucis, la lâcheté, l'avarice, l'insouciance, la dureté, la misère, la pauvreté, le besoin, et contre toute épreuve et débauche, ce qui en est apparent et ce qui en est profond.*

وَأَعُوذُ بِكَ مِنْ نَفْسٍ لَا تَقْنَعُ، وَبَطْنٍ لَا يَسْبَعُ، وَقَلْبٍ لَا يَخْشَعُ، وَدُعَاءٍ لَا يُسْمَعُ وَعَمَلٍ لَا يَنْفَعُ،

Mitady fiarovana Aminao aho, hanoharana ny fanahy tsy mety afa-po, ny kibo tsy mahalala voky, ny fo tsy manam-pahatahorana, ny fangatahana tsy misy mpihaino, ary ny asa tsy misy tombontsoa.

*Je cherche protection auprès de Toi contre une âme qui ne se satisfait pas, un ventre qui ne se rassasie jamais, un cœur qui ne craint point, une invocation qui n'est pas écoutée, un acte qui n'est d'aucune utilité,*

وَأَعُوذُ بِكَ يَا رَبِّ عَلَى نَفْسِي وَدِينِي وَمَالِي وَعَلَى جَمِيعِ مَا رَزَقْتَنِي مِنَ الشَّيْطَانِ الرَّجِيمِ  
إِنَّكَ أَنْتَ السَّمِيعُ الْعَلِيمُ،

Mitady fiarovana Aminao aho ry Tompo, ho an'ny fanahiko, ny finoako, ny harenako, sy izay fahasoavana rehetra nomenao ahy, manoloana ilay satana voaozona, satria lanao Ilay Mandre sy Mahalala ny zavatra rehetra.

*Et je cherche protection auprès de Toi pour mon âme, ma religion, mes biens et tout ce que Tu m'as donné, ô Seigneur, contre le démon chassé, parce que Tu es Celui qui entend tout et qui sait tout.*

اللَّهُمَّ إِنَّهُ لَا يُجِيرُنِي مِنْكَ أَحَدٌ وَلَا أَحَدٌ مِنْ دُونِكَ مُلْتَحِداً، فَلَا تَجْعَلْ نَفْسِي فِي شَيْءٍ مِنْ عَذَابِكَ، وَلَا تُرِدَّنِي يَهْلِكَةً وَلَا تُرِدَّنِي يَعْذَابِ الْيَمِّ،

Andriamanitra ô! Tsy misy afaka hiaro ahy ankoatra Anao, ary tsy mahita fialofana afa-tsy lanao aho, koa aza avela hilatsaka amin'izay mety ho famaizanao aho, aza averinao anaty fahaverezana aho, ary aza averinao amina famaizana manaintaina.

*Mon Dieu, c'est que personne ne peut me protéger de Toi et je ne trouve aucun abri en dehors de Toi, alors ne me place pas dans quoique ce soit de Ton châtement, ne me renvoie pas avec une perdition et ne me chasse pas avec un châtement douloureux.*

اللَّهُمَّ تَقَبَّلْ مِنِّي وَأَعْلُ ذِكْرِي، وَارْفَعْ دَرَجَتِي، وَحَطِّ وَرْزِي، وَلَا تُدَكِّرْنِي بِخَطِيئَتِي،  
وَاجْعَلْ ثَوَابَ مَجْلِسِي وَثَوَابَ مَنْطِقِي وَثَوَابَ دُعَائِي رِضَاكَ وَالْجَنَّةَ،



Andriamanitra ô! Ekeo izay avy amiko, ary hasandrato ny anarako, ambonio ny toerana misy ahy, hamaivano ny enta-mavesatro, ary aza ampahatsiahivina ahy ireo fahadisoako, aoka ny valin'ny fiarahana mivory nataoko, sy ny fomba fisainako, ary ny fitalahoako ho ny fankasitrahanao sy ny Paradisa.

*Mon Dieu, accepte de moi, exalte mon nom auprès de Toi, élève mon grade, soulage mon fardeau, ne m'évoque pas par mes défauts et donne-moi, en récompense de ma compagnie, de ma façon de penser, de mon invocation, Ton Agrément et le Paradis,*

وَأَعِظْنِي يَا رَبِّ جَمِيعَ مَا سَأَلْتُكَ، وَزِدْنِي مِنْ فَضْلِكَ، إِنِّي إِلَيْكَ رَاغِبٌ يَا رَبَّ الْعَالَمِينَ،

Omeo ahy ry Tompo, izay rehetra nangatahako Taminao, ary ampitomboy ho ahy ny fahasoavanao, fa any Aminao no iriako tanteraka r'Ilay Tompon'izao tontolo izao!

*Donne-moi, ô Seigneur, l'ensemble de ce que je T'ai demandé et augmente-moi Tes Faveurs, car c'est à Toi que j'aspire, ô Seigneur des mondes.*

اللَّهُمَّ إِنَّكَ أَنْزَلْتَ فِي كِتَابِكَ أَنْ نَعْفُوَ عَمَّنْ ظَلَمْنَا، وَقَدْ ظَلَمْنَا أَنْفُسَنَا فَأَعْفُ عَنَّا فَإِنَّكَ أَوْلَى بِذَلِكَ مِنَّا،

Andriamanitra ô! Marina tokoa fa nampidina tao amin'ny Bokinao lanao, ny hamelanay izay nanao tsy rariny taminay, ary efa nanao tsy rariny tamin'ny tenanay izahay, koa mamela anay, fa lanao no mendrika hanao izany mihoatra anay.

*Notre Dieu, Tu nous a révélé, dans Ton Livre, que nous devons pardonner à ceux qui nous ont opprimés or nous avons été injustes envers nous-mêmes, alors pardonne-nous parce que Tu es le plus à même de cela que nous,*

وَأَمَرْتَنَا أَنْ لَا نَرُدَّ سَائِلًا عَنْ أَبْوَابِنَا وَقَدْ جِئْتُكَ سَائِلًا فَلَا تُرِدَّنِي إِلَّا بِقِضَاءِ حَاجَتِي،

Nandidy anay lanao mba tsy handroahanay izay mangataka eo am-baravarananay, ary izaho koa efa tonga nangataka Taminao nefa tsy noroahinao raha tsy tanteraka ny filàko.

*Tu nous as ordonné de ne pas renvoyer les mendiants de nos portes et je suis venu quémendant, alors ne me renvoie pas sans m'avoir donné satisfaction.*

وَأَمَرْتَنَا بِالْإِحْسَانِ إِلَى مَا مَلَكَتْ أَيْمَانُنَا وَتَحْنُ أَرْقَاوَكُ فَاعْتِقْ رِقَابَنَا مِنَ النَّارِ،

Ary nandidy anay lanao mba ho tsara toetra manoloana ireo mpanampy anay, ary izahay dia mpanomponao, koa avoty amin'ny afobe izahay (ny vozonay).

*Tu nous a ordonné d'être bons avec nos serviteurs et nous sommes Tes serviteurs alors libère-nous du feu.*

يَا مَفْرَعِي عِنْدَ كُرْبَتِي، وَيَا عَوْنِي عِنْدَ شِدَّتِي، إِلَيْكَ فَرَعْتُ وَبِكَ اسْتَعْنَيْتُ وَكَلْتُ، لَا أَلُودُ بِسِوَاكَ وَلَا أَطْلُبُ الْفَرَجَ إِلَّا مِنْكَ،

Ô r'Ilay fialofako rehefa amin'ny fijaliako, ô r'Ilay Mpampitony ahy rehefa amin'ny fahasahiranako, any Aminao no hitadiavako fanampiana, lanao no hangatahako famonjena, any Aminao no hialofako, fa tsy manana fialofana ankoatra Anao aho, ary tsy mitady fanamaivanana amin'ny hafa afa-tsy any Aminao.

*Ô Toi Refuge dans mon affliction, ô Toi Salut lors de ma gêne, vers Toi je cherche assistance, à Toi je demande secours et auprès de Toi je me réfugie et je ne me réfugie pas chez autre que Toi ni ne recherche le soulagement auprès d'autre que Toi.*

فَاعْتِنِي وَفَرِّجْ عَنِّيكَ يَا مَنْ يُفَكُّ الْأَسِيرَ، وَيَعْفُو عَنِ الْكَثِيرِ إِقْبَلْ مِنِّي الْيَسِيرَ وَأَعْفُ عَنِّي الْكَثِيرَ إِنَّكَ أَنْتَ الرَّحِيمُ الْغَفُورُ،

Vonjeo aho, afaho aho, ô r'Ilay manaiky ny kely indrindra (amin'ny asa soanay), ary mamela ny maro (amin'ny asa ratsinay), ekeo ny kely vitako, ary mamela ny maro nataoko, fa lanao Ilay be famindram-po sy be fangorahana.

*Aussi, secoure-moi, ô Celui qui accepte nos bienfaits si minimes, qui pardonne nos mauvaises actions si nombreuses, accepte de moi ce peu et pardonne-moi pour ces mauvaises actions si nombreuses, car Tu es le Très-Miséricordieux, le Tout-Pardonneur!*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ إِيمَانًا تُبَاشِرُ بِهِ قَلْبِي وَيَقِينًا حَتَّى أَعْلَمَ أَنَّهُ لَنْ يُصِيبَنِي مَا كَتَبْتَ لِي  
وَرَضَّنِي مِنَ الْعَيْشِ بِمَا قَسَمْتَ لِي يَا أَرْحَمَ الرَّاحِمِينَ

Andriamanitra ô! Mangataka finoana mamalifaly ny foko Aminao aho, sy fahatokiana marina tanteraka, mba hahafantarako fa tsy hisy hanjo ahy mihitsy, raha tsy efa voasoratrao ho ahy izany, ataovy faly amin'ny fiainako aho araka izay nomaninao ho ahy, ô r'Ilay be indrafo indrindra amin'ireo mpamindra fo!

*Mon Dieu, je Te demande une foi qui réjouit mon cœur et une certitude sincère, au point de savoir que rien ne m'arrive que Tu ne l'aies décidé pour moi, fais-moi consentir à ma vie, rends-moi satisfait de ce que Tu m'y as réservé, ô le plus Miséricordieux des miséricordieux !*

دُعَاءُ الْجَوْشَنِ الْكَبِيرِ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ بِاسْمِكَ يَا اللَّهُ يَا رَحْمَنُ يَا رَحِيمُ يَا كَرِيمُ يَا مُفِيمُ يَا عَظِيمُ يَا قَدِيمُ يَا عَلِيمُ يَا  
حَلِيمُ يَا حَكِيمُ سُبْحَانَكَ يَا لَا إِلَهَ إِلَّا أَنْتَ الْغَوْثُ الْغَوْثُ خَلَّصْنَا مِنَ النَّارِ يَا رَبِّ

## FANGATAHANA – DOUA' AL JAUSHAN AL KABIR

AMIN'NY ANARAN'ANDRIAMANITRA, ILAY BE FIANTRANA, ILAY BE  
INDRAFO

1

Andriamanitra ô! Tena marina fa izaho dia mangataka Aminao amin'ny Anaranao,

Ô Allah!

Ô ry Be Antra!

Ô ry Be Indrafo!

Ô ry Be fahalààhan-tànana!

Ô ry Ilay Misy mandrakariva!

Ô ry Ilay Avo Indrindra!

Ô ry Ilay Taloha Indrindra!

Ô ry Mahay ny zava-drehetra!

Ô ry Ilay feno hatsarampo Indrindra!

Ô ry Ilay Be Fahendrena Indrindra!

« Dera ho Anao! Ô ry Ilay Tsisy Tompo Andriamanitra hafa ankoatra Anao , vonjeo aho! Vonjeo aho! Arovy amin'ny afobe izahay ry Tompo Andriamanitra! ».

**L'invocation - Al jaoushan Al kabir**

**Au nom de Dieu Tout- Miséricordieux, le Très-Miséricordieux**

*Mon dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Dieu, ô Tout-Miséricordieux, ô Très Miséricordieux, ô Très généreux, ô Permanent, ô Grandiose, ô Eternel, ô Très-Savant, ô Plein de Mansuétude, ô Très Sage !*

*Gloire à Toi, ô point de divinité autre que Toi, au secours, au secours, au secours, sauve-nous du Feu, ô Seigneur !*

يا سَيِّدَ السَّادَاتِ يا مُجِيبَ الدَّعَوَاتِ يا رَافِعَ الدَّرَجَاتِ يا وَلِيَّ الحَسَنَاتِ يا غَافِرَ الخَطِيئَاتِ يا مُعْطِيَ المَسْأَلَاتِ يا قَابِلَ التَّوْبَاتِ يا سَامِعَ الأصْوَاتِ يا عَالِمَ الخَفِيَّاتِ يا دَافِعَ البَلِيَّاتِ

2

Ô ry Ilay Mpanjakan'ireo mpanjaka!

Ô ry Ilay Mpamaly ny hataka rehetra!

Ô ry Ilay Mpampiakatra ny (voninahitra) Avo!

Ô ry Mpiantoka ny hasoavana rehetra!

Ô ry Ilay Mpamela ny hadisoana!

Ô ry Ilay Mpanome ny valin'ny hataka (Mpamaly hataka)!

Ô ry Ilay Mpandray ny fifonana!

Ô ry Ilay Mandre ny feo rehetra!

Ô ry Ilay Mahalàlà ny zava-miafina rehetra!

Ô ry Ilay Mpiarao amin'ny loza rehetra!

*Ô Souverain des souverains, ô Celui qui exauce les invocations, ô Celui qui élève les degrés, ô Celui qui dispense les bienfaits, ô Celui qui pardonne les fautes, ô Celui qui répond aux demandes, ô Celui qui répond accepte le repentir, ô Celui qui entend les voix, ô Celui qui connaît les secrets, ô Celui qui repousse les malheurs !*

يا خَيْرَ الغَافِرِينَ يا خَيْرَ الفَاحِشِينَ يا خَيْرَ النَّاصِرِينَ يا خَيْرَ الحَاكِمِينَ يا خَيْرَ الرَّاظِقِينَ يا خَيْرَ الوَارِثِينَ يا خَيْرَ الحَامِدِينَ يا خَيْرَ الدَّاكِرِينَ يا خَيْرَ المُنْزَلِينَ يا خَيْرَ المُحْسِنِينَ

3

Ô ry Ilay mendrika indrindra amin'ireo mpamela heloka!

Ô ry Ilay mendrika indrindra amin'ireo mpandresy!

Ô ry Ilay mendrika indrindra amin'ireo mpamonjy!

Ô ry Ilay mendrika indrindra amin'ireo mpitsara!

Ô ry Ilay mendrika indrindra amin'ireo mpanome ny anjara masoandro!

Ô ry Ilay mendrika indrindra amin'ireo mpandova!

Ô ry Ilay mendrika indrindra amin'ireo mpidera!

Ô ry Ilay mendrika indrindra amin'ireo mpahatsiaro!

Ô ry Ilay mendrika indrindra amin'ireo mpampidina (ny hasoavana ho ety an-tany!

Ô ry Ilay mendrika indrindra amin'ireo mpanao soa!

*Ô le Meilleur de ceux qui pardonnent, ô le Meilleur des conquérants, ô le Meilleur des défenseurs, ô le Meilleur des juges, ô le Meilleur des pourvoyeurs, ô le Meilleur des héritiers, ô le Meilleur de ceux qui louent, ô le Meilleur de ceux qui évoquent, ô le Meilleur de ceux qui fond descendre, ô le Meilleur des bienfaiteurs !*

يَا مَنْ لَهُ الْعِزَّةُ وَالْجَمَالُ يَا مَنْ لَهُ الْقُدْرَةُ وَالْكَمَالُ يَا مَنْ لَهُ الْمُلْكُ وَالْجَلَالُ يَا مَنْ هُوَ الْكَبِيرُ  
الْمُتَعَالُ يَا مَنْشَىءَ السَّحَابِ الثَّقَالِ يَا مَنْ هُوَ شَدِيدُ الْمِحَالِ يَا مَنْ هُوَ سَرِيعُ الْحِسَابِ يَا مَنْ  
هُوَ شَدِيدُ الْعِقَابِ يَا مَنْ عِنْدَهُ حُسْنُ الثَّوَابِ يَا مَنْ عِنْدَهُ أُمَّ الْكِتَابِ

4

Ô ry Ilay manana ny fahamboniana avo indrindra sy ny hatsarana fatratra indrindra!

Ô ry Ilay manana ny hery sy ny fahafenoana tanteraka!

Ô ry Ilay manana ny fanjakana sy fahalebeazana faran-tampony indrindra!

Ô ry Ilay Lehibe indrindra sy Avo indrindra!

Ô ry Ilay Mpampikorisa ireo rahona matevina (eny an-danitra)!

Ô ry Ilay tsy azo fefena ny heriny!

Ô ry Ilay mailaka indrindra amin'ny fanisana ireo asa vita!

Ô ry Ilay hentitra amin'ny fanasaziana!

Ô ry Ilay manana ny valisoa tsara indrindra!

Ô ry Ilay manana ny fototry Boky Masina!

*Ô Celui qui détient la Force et la Beauté, ô Celui qui détient la Puissance et la Perfection, ô Celui qui détient la Possession et la Majesté, ô Celui qui est le Très-Grand le Très-Elevé, ô Celui qui est à l'origine des nuages chargés [d'eau], ô Celui qui est coercible dans Sa Force, ô Celui qui est rapide dans les comptes, ô Celui qui est sévère dans Son châtement, ô Celui chez qui se trouvent les meilleures récompenses, ô Celui chez qui se trouve la mère du Livre !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ بِاسْمِكَ يَا حَنَّانُ يَا مَنَّانُ يَا دَيَّانُ يَا بُرْهَانَ يَا سُلْطَانَ يَا رِضْوَانَ يَا غُفْرَانَ  
يَا سُبْحَانَ يَا مُسْتَعَانَ يَا ذَا الْمَنِّ وَالْبَيَانِ

5

Andriamanitra ô! Tena marina fa izaho dia mangataka Aminao amin'ny Anaranao,

Ô ry Ilay Be fangorahana!

Ô ry Ilay Mpanome!

Ô ry Ilay Tompon'ny finoana!

Ô ry Ilay Porofo mendrika indrindra!

Ô ry Ilay Tompon'ny Fahefana faran-tampony!

Ô ry Ilay Tompon'ny fahafaham-po rehetra!

Ô ry Ilay Tompon'ny Famelan-keloka rehetra!

Ô ry Ilay Deraina sy Ankalazaina mandrakariva!

Ô ry Ilay Italahoana famonjena!

Ô ry Ilay Tompon'ny hasoavana sy ny fanaporofoana miharihary!

*Mon Dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Tendre, ô Donateur, ô Maître de la Religion, ô Preuve, ô Autorité, ô Satisfaction, ô Pardon, ô Gloire, ô Celui dont on implore le secours, ô Détenteur de la Grâce et du Manifeste !*

يَا مَنْ تَوَاضَعَ كُلُّ شَيْءٍ لِعِظْمَتِهِ يَا مَنْ اسْتَسَلَّمَ كُلُّ شَيْءٍ لِقُدْرَتِهِ يَا مَنْ ذَلَّ كُلُّ شَيْءٍ لِعِزَّتِهِ  
يَا مَنْ خَضَعَ كُلُّ شَيْءٍ لِهَيْبَتِهِ يَا مَنْ انْقَادَ كُلُّ شَيْءٍ مِنْ حَسْبِيَّتِهِ يَا مَنْ تَسَقَّطَتِ الْجِبَالُ مِنْ  
مَخَافَتِهِ يَا مَنْ قَامَتِ السَّمَاوَاتُ بِأَمْرِهِ يَا مَنْ اسْتَفْرَتِ الْأَرْضُونَ بِإِذْنِهِ يَا مَنْ يُسَبِّحُ الرَّعْدُ  
يَحْمَدُهُ يَا مَنْ لَا يَعْتَدِي عَلَى أَهْلِ مَمْلَكَتِهِ

6

Ô ry Ilay anetren'ny zavatra rehetra tena, noho ny Halehibeazany!

Ô ry Ilay ankatoavin'ny zavatra rehetra noho ny Heriny!

Ô ry Ilay iondrehan'ny zavatra rehetra eo anatrehany noho ny Voninahiny!

Ô ry Ilay iondrehan'ny zavatra rehetra eo anatrehany noho ny

Fiandrianany!

Ô ry Ilay tsaohin'ireo voahary rehetra noho ny fatahorana Azy!

Ô ry Ilay noho ny fahatahorana Azy dia mihovitrovitra ireo tendrombohitra rehetra!

Ô ry Ilay nampijoro ireo lanitra noho ny Baikony!

Ô ry Ilay noho ny alàlana nomeny dia nitombina ny tany!

Ô ry Ilay ankalazain'ny kotrobaratra ny Voninahiny!

Ô ry Ilay tsy mba manao ny tsy rariny amin'ireo olona izay monina ao amin'ny fanjakany!

*Ô Celui devant qui toute chose s'est humiliée pour Sa Grandeur, ô Celui devant qui toute chose s'est soumise pour Sa Puissance, ô Celui devant qui toute chose s'est abaissée pour Sa Gloire, ô Celui devant qui toute chose s'est pliée pour Sa Majesté, ô Celui par crainte duquel toute chose s'est résignée, ô Celui par peur duquel les montagnes se sont fendues, ô Celui par ordre duquel les cieux se sont dressés, ô Celui avec l'autorisation duquel les terres se sont stabilisées, ô Celui dont le tonnerre glorifie les louanges, ô Celui qui ne fait pas de tort aux habitants de Son Royaume !*

يا غافِرَ الخطايا يا كاشِفَ البَلايا يا مُنْتَهِي الرَّجايا يا مُجْرِلَ العَطايا يا واهِبَ الهدايا يا رازِقَ البرايا يا قاضيَ المَنايا يا سامِعَ الشكايا يا باعِثَ البرايا يا مُطْلِقَ الأسارى

7

Ô ry Ilay Mpamela ny hadisoana!  
Ô ry Ilay Mpanaisotra ny loza amin'antambo mitatao!  
Ô ry Ilay fiafaran'ny fanantenana rehetra!  
Ô ry Ilay Mpanome sesehena!  
Ô ry Ilay Fatra mpanome!  
Ô ry Ilay Mpamatsy ireo zava-boahary rehetra!  
Ô ry Ilay mandahatra ny fahafatesana!  
Ô ry Ilay Mpihaino ny fitarainana!  
Ô ry Ilay Mpanangana ny maty!  
Ô ry Ilay mpamotsotra ireo nogadraina!

*Ô Celui qui pardonne les fautes, ô Celui qui dissipe les malheurs, ô Celui chez qui aboutissent les espoirs, ô Celui qui donne à profusion, ô Celui qui comble de cadeaux, ô Celui qui pourvoit [aux moyens de subsistance] des créatures, ô Celui qui décide de la mort, ô Celui qui entend les plaintes, ô Celui qui ressuscite les créatures, ô Celui qui libère les prisonniers !*

يا ذا الحَمْدِ وَالثناءِ يا ذا الفِخْرِ وَالْبهاءِ يا ذا المَجْدِ وَالسَّناءِ يا ذا العَهْدِ وَالوَفاءِ يا ذا العَفْوِ وَالرِّضاءِ يا ذا المَنِّ وَالعَطاءِ يا ذا الفُضْلِ وَالقضاءِ يا ذا العِزِّ وَالْبقاءِ يا ذا الجُودِ وَالسَّخاءِ يا ذا الألاءِ وَالنِّعماءِ

8

Ô ry Tompon'ny fiderana sy ny fisaorana!

Ô ry Tompon'ny hatsarana sy ny Famirapiratana!  
Ô ry Tompon'ny Voninahitra sy ny Halehibeazana!  
Ô ry Tompon'ny fifanarahana sy ny fanatanterahana azy!  
Ô ry Tompon'ny Famelan-keloka sy ny Fankasitrahana feno!  
Ô ry Tompon'ny hasoavana sy ny fanomezana!  
Ô ry Tompon'ny Fanapahana sy ny Lahatra!  
Ô ry Tompon'ny Fahefana faratampony sy ny fisiana maharitra!  
Ô ry Tompon'ny Fahalâlâhan-tànana sy ny fanomezana tsy voafetra!  
Ô ry Tompon'ny Hasoavana sy ny Hatsarana rehetra!

*Ô Maître de la Louange, et de l'Eloge, ô Maître de la Magnificence et de la Splendeur, ô Maître de la Gloire et de l'Eminence, ô Maître du Pacte et de la Loyauté, ô Maître du Pardon et de la satisfaction, ô Maître de la Grâce et du Don, ô Maître de la Séparation et du Décret Arrêté, ô Maître du Pouvoir et de la Permanence, ô Maître de la Largesse et de la Libéralité, ô Maître des Bienfaits et des bontés !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ يَا مَنِيعُ يَا دَافِعُ يَا رَافِعُ يَا صَانِعُ يَا نَافِعُ يَا سَامِعُ يَا جَامِعُ يَا شَافِعُ  
يَا وَاسِعُ يَا مُوسِعُ

9

Andriamanitra ô! Tena marina fa izaho dia mangataka Aminao amin'ny Anaranao,

Ô ry Ilay Mpiaro!

Ô ry Ilay Mpisakana ny loza mitatao!

Ô ry Ilay Mpanandraotra!

Ô ry Ilay Mpamolavola!

Ô ry Ilay Mahaso!

Ô ry Ilay Maheno ny zava-drehetra!

Ô ry Ilay Mpamory!

Ô ry Ilay Mpanelanelana!

Ô ry Ilay Midadasika!

Ô ry Ilay Mpanome ankahalâlâhana.

*Mon Dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Celui qui protège, ô Celui qui protège, ô Celui qui repousse [les malheurs], ô Celui qui élève, ô Celui qui façonne, ô Celui qui est bénéfique, ô Celui qui écoute, ô Celui qui rassemble, ô Celui qui intercède, ô Celui qui étend [Sa Miséricorde...], ô Celui qui donne largement !*



يا صانعَ كُلِّ مَصْنُوعٍ يا خالقَ كُلِّ مَخْلُوقٍ يا رازِقَ كُلِّ مَرْزُوقٍ يا مالِكَ كُلِّ مَمْلُوكٍ يا  
كاشِفَ كُلِّ مَكْرُوبٍ يا فارِحَ كُلِّ مَهْمُومٍ يا راحِمَ كُلِّ مَرْحُومٍ يا ناصرَ كُلِّ مَخْذُولٍ يا ساتِرَ  
كُلِّ مَعْيُوبٍ يا مَلْجَأَ كُلِّ مَطْرُودٍ

10

Ô ry Ilay Mpamboatra ny zava-boahary rehetra!  
Ô ry Ilay Mpahary ny zava-boahary rehetra!  
Ô ry Ilay Mpamatsy ireo mila vatsy rehetra!  
Ô ry Ilay Tompon'ny fananana rehetra!  
Ô ry Ilay Mpanaisotra ny sorisory!  
Ô ry Ilay Mampitony ireo be tebiteby!  
Ô ry Ilay Mpamindrafo ireo mendrika izany!  
Ô ry Ilay Mpamonjy ireo izay nilaozana!  
Ô ry Ilay Mpanafina ny kilema rehetra!  
Ô ry Ilay Fialofan'ireo voaroaka!

*Ô Celui qui façonne toute œuvre façonnée, ô Celui qui crée toute créature, ô Celui  
qui pourvoit [aux besoins] de tout pourvu, ô Celui qui possède tout possédé, ô  
Celui qui dissipe [les soucis] de tout affligé, ô Celui qui soulage tout anxieux, ô  
Celui qui fait miséricorde à tout pitoyable, ô Celui qui porte assistance à tout  
délaisse, ô Celui qui dissimule tout défectueux, ô Celui qui accueille tout chassé !*

يا عُدَّتِي عِنْدَ شِدَّتِي يا رِجائِي عِنْدَ مُصِيبَتِي يا مُونِسي عِنْدَ وَحْشَتِي يا صاحِبِي عِنْدَ غُرْبَتِي  
يا وَلِيِّ عِنْدَ نِعْمَتِي يا غِيائِي عِنْدَ كُرْبَتِي يا دَلِيلِي عِنْدَ حَيْرَتِي يا غَنائِي عِنْدَ افْتِقارِي يا  
مَلْجَئِي عِنْدَ اضْطِرارِي يا مُعِينِي عِنْدَ مَفْرَعِي

11

Ô ry Ilay Vatsy andrandraiko amin'ny fahasarotam-piainana!  
Ô ry Ilay Fanantenako amin'ny loza izay mianjady amiko!  
Ô ry Ilay Namako tsy mahafofy ahy rehefa irery aho!  
Ô ry Ilay Sakaizako lalandava rehefa any am-pivahinianana aho!  
Ô ry Ilay Tompoko ao anatin'ny fahasambarako!  
Ô ry Ilay Mpanavotra rehefa tra-doza aho!  
Ô ry Ilay Mpitari-dalana rehefa anaty fisalasalana aho!  
Ô ry Ilay Hany harenako rehefa tojo ny tsy fisiana aho (rehefa latsaka ao  
anaty fahantrana aho)!  
Ô ry Ilay Mandafiarovako rehefa tra-pahaterena aho!  
Ô ry Ilay Mpanampy ahy rehefa eo anoloan'ny zava-mahatsiravina aho!

Ô ma Provision lors de l'adversité, ô mon Espoir lors du malheur, ô mon Ami lors de la solitude, ô mon Compagnon lors du dépaysement, ô mon Bienfaiteur lors du bien-être, ô mon Secours lors de l'affliction, ô mon Guide lors de mes hésitations, ô ma Richesse lors de mon indigence, ô mon Refuge lors du besoin, ô mon Aide lors de l'épouvante !

يَا عَلَامَ الْعُيُوبِ يَا عَقَارَ الدُّنُوبِ يَا سِتَارَ الْعُيُوبِ يَا كَاشِفَ الْكُرُوبِ يَا مُقَلِّبَ الْقُلُوبِ يَا  
طَبِيبَ الْقُلُوبِ يَا مُنَوِّرَ الْقُلُوبِ يَا أَنْيْسَ الْقُلُوبِ يَا مُفَرِّجَ الْهَمُومِ يَا مُنْقَسَ الْعُمُومِ

12

Ô ry Ilay Mpahalala ny zava- miafina rehetra!  
Ô ry Ilay Mpamela ny heloka!  
Ô ry Ilay Mpanafina ny tsy fahalavorariana rehetra!  
Ô ry Ilay Mpanaisotra ny alahelo mianjady rehetra!  
Ô ry Ilay Mpanova ny fo rehetra!  
Ô ry Ilay Mpitsabo ny fo rehetra!  
Ô ry Ilay Mpanazava ny fo rehetra!  
Ô ry Ilay Sakaizan'ny fo rehetra!  
Ô ry Ilay Mpanafaka ny sorisory rehetra!  
Ô ry Ilay Mpanalefaka ny alahelo rehetra!

Ô Celui qui connaît parfaitement les mystères, ô Celui qui ne cesse de pardonner les péchés, ô Celui qui ne cesse de dissimuler les défauts, ô Celui qui dissipe les afflictions, ô Celui qui retourne les cœurs, ô Celui qui soigne les cœurs, ô Celui qui illumine les cœurs, ô Celui qui apprivoise les cœurs, ô Celui qui libère des soucis, ô Celui qui soulage des chagrins !

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ يَا سَمِيكَ يَا جَلِيلُ يَا جَمِيلُ يَا وَكِيلُ يَا كَفِيلُ يَا دَلِيلُ يَا قَبِيلُ يَا مُدِيلُ يَا مُنِيلُ  
يَا مُقِيلُ يَا مُحِيلُ

13

Andriamanitra ô ! Tena marina fa izaho dia mangataka Aminao amin'ny Anaranao.  
Ô ry Ilay be Fiandrianana!  
Ô ry Ilay Tsara indrindra!  
Ô ry Ilay Mpisolo tena indrindra!  
Ô ry Ilay Mpiantoka tsara indrindra!  
Ô ry Ilay Mpitari-dalana!

Ô ry Ilay fatra-panaiky!  
Ô ry Ilay Mpanome ny fandresena!  
Ô ry Ilay Mpanome!  
Ô ry Ilay Mpamotsotra ny heloka!  
Ô ry Ilay Mpanova ny zava- misy!

*Mon Dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Majestueux, ô Beau, ô Mandataire, ô Caution, ô Guide, ô Garant, ô Celui qui procure la victoire, ô Celui qui met en possession, ô Celui qui absout, ô Celui qui retourne les situations !*

يَا دَلِيلَ الْمُتَحِيرِينَ يَا غِيَاثَ الْمُسْتَغِيثِينَ يَا صَرِيحَ الْمُسْتَصْرِخِينَ يَا جَارَ الْمُسْتَجِيرِينَ يَا أَمَانَ  
الْخَائِفِينَ يَا عَوْنَ الْمُؤْمِنِينَ يَا رَاحِمَ الْمَسَاكِينِ يَا مَلَجَأَ الْعَاصِينَ يَا غَافِرَ الْمُذْنِبِينَ يَا مُجِيبَ  
دَعْوَةِ الْمُضْطَرِّينَ

14

Ô ry Ilay Mpitari-dàlan'ireo ao anatin'ny fahaverezan-kevitra (Fifanjevoan-kevitra)!

Ô ry Ilay Mpamonjin'ireo izay miantso vonjy!  
Ô ry Ilay Mpanampin' ireo izay mitady fanampiana!  
Ô ry Ilay Fialofan'ireo mitady fialofana!  
Ô ry Ilay Fandriampahaleman'ireo izay malemy!  
Ô ry Ilay Mpanampy ireo mpino!  
Ô ry Ilay Mpiantra ireo mahantra!  
Ô ry Ilay Fialokalofan'ireo mpanota!  
Ô ry Ilay Mpamela heloka ireo mpanota!  
Ô ry Ilay Mpamaly ny hatak'ireo anatin'ny haterena!

*Ô Guide de ceux qui sont dans la confusion, ô Secours de ceux qui appellent au secours, ô Aide de ceux qui crient à l'aide, ô Abri de ceux qui cherchent un abri, ô Sécurité de ceux qui ont peur, ô Soutien des croyants, ô Miséricorde des indigents, ô Refuge des désobéissants, ô Celui qui pardonne aux pécheurs, ô Celui qui exauce les demandes de ceux qui sont dans le besoin !*

يَا ذَا الْجُودِ وَالْإِحْسَانِ يَا ذَا الْفَضْلِ وَالْإِمْتِنَانِ يَا ذَا الْأَمْنِ وَالْأَمَانِ يَا ذَا الْفُدْسِ وَالسُّبْحَانَ  
يَا ذَا الْحِكْمَةِ وَالْبَيَانِ يَا ذَا الرَّحْمَةِ وَالرِّضْوَانِ يَا ذَا الْحُجَّةِ وَالذِّبْهَانَ يَا ذَا الْعُظْمَةِ وَالسُّلْطَانَ  
يَا ذَا الرَّأْفَةِ وَالْمُسْتَعَانَ يَا ذَا الْعَفْوِ وَالْعُفْرَانَ

15

Ô ry Ilay Tompon'ny fahalàlahan-tànana sy ny hatsarana rehetra!  
Ô ry Ilay Tompon'ny fanomezana tombondahiny sy ny hatsarana rehetra!  
Ô ry Ilay Tompon'ny fiadanana sy ny fandriampahalemana!

Ô ry Ilay Tompon'ny fahamasinana sy ny fahadiovana!  
 Ô ry Ilay Tompon'ny fahendrena sy ny porofo miharihary!  
 Ô ry Ilay Tompon'ny fahamendrehana sy ny fahafaham-po!  
 Ô ry Ilay Tompon'ny porofo mivaingana sy ny fanaporofoina tsy azo  
 kianina!  
 Ô ry Ilay Tompon'ny fahamboniana sy ny fahefana!  
 Ô ry Ilay Tompon'ny hasoavana sy ny fanampiana!  
 Ô ry Ilay Tompon'ny famelan-keloka sy ny famotsoran-keloka!

*Ô Maître de la Largesse et de la Bonté, ô Maître de la Faveur et de la Gratitude, ô Maître de la Sûreté et de la Sécurité, ô Maître de la Sainteté et de la Pureté, ô Maître de la Sagesse et du Manifeste, ô Maître de la Miséricorde et de la Grande Satisfaction, ô Maître de l'Argument et de la Preuve, ô Maître de la Magnificence et de l'Autorité, ô Maître de la Bonté et de l'Assistance, ô Maître du Pardon et de la Rémission [des péchés] !*

يَا مَنْ هُوَ رَبُّ كُلِّ شَيْءٍ يَا مَنْ هُوَ إِلَهُ كُلِّ شَيْءٍ يَا مَنْ هُوَ خَالِقُ كُلِّ شَيْءٍ يَا مَنْ هُوَ صَانِعُ  
 كُلِّ شَيْءٍ يَا مَنْ هُوَ قَبْلُ كُلِّ شَيْءٍ يَا مَنْ هُوَ بَعْدَ كُلِّ شَيْءٍ يَا مَنْ هُوَ فَوْقَ كُلِّ شَيْءٍ يَا مَنْ  
 هُوَ عَالِمٌ بِكُلِّ شَيْءٍ يَا مَنْ هُوَ قَادِرٌ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ يَا مَنْ هُوَ يَبْقَى وَيَبْقَى كُلُّ شَيْءٍ

16

Ô ry Ilay Tompon'ny zavatra rehetra!  
 Ô ry Ilay Andriamanitry ny zavatra rehetra!  
 Ô ry Ilay Mpahary ny zavatra rehetra!  
 Ô ry Ilay Mpamboatra ny zavatra rehetra!  
 Ô ry Ilay Talohan'ny zavatra rehetra!  
 Ô ry Ilay Aorian'ny zavatra rehetra!  
 Ô ry Ilay Ambonin'ny zavatra rehetra!  
 Ô ry Ilay Mahalala ny zavatra rehetra!  
 Ô ry Ilay Mahefa ny zavatra rehetra!  
 Ô ry Ilay Misy aorian'ny fahafonganan'ny zavatra rehetra!

*Ô Celui qui est le Seigneur de toute chose, ô Celui qui est le Dieu de toute chose, ô Celui qui est de le Dieu de toute chose, ô Celui qui est le Créateur de toute chose, ô Celui qui est l'Artisan de toute chose, ô Celui qui est avant toute chose, ô Celui qui est après toute chose, ô Celui qui est au-dessous de toute chose, ô Celui qui a connaissance de toute chose, ô Celui qui est Puissant sur toute chose, ô Celui qui subsiste alors que toute chose disparaît !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ يَا سَمِيكَ يَا مُؤْمِنُ يَا مُهَيِّمُنُ يَا مُكَوِّنُ يَا مُلَقِّنُ يَا مُبَيِّنُ يَا مُهُوِّنُ يَا مُمَكِّنُ يَا  
 مُزَيِّنُ يَا مُعَلِّمُنُ يَا مُفَسِّمُ

17

Andriamanitra ô! Tena marina fa izaho dia mangataka Aminao amin'ny Anaranao,

Ô ry Ilay Mpiambina Mahatoky!

Ô ry Ilay Tompon'ny tanjaka!

Ô ry Ilay Mpanorina!

Ô ry Ilay Mpanoro ny zavatra tokony atao!

Ô ry Ilay Mpanoro lalana!

Ô ry Ilay Mpanamora ny zavatra rehetra!

Ô ry Ilay Mpanome fahefana!

Ô ry Ilay Mpandravaka!

Ô ry Ilay Mpilaza!

Ô ry Ilay Mpaninjara ny harena!

*Mon Dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Sécurisant, ô Vigilant, ô Constituant, ô Initiateur, ô Indicateur, ô Faciliteur [des choses], ô Renforceur, ô Embellisseur, ô Annonceur, ô Répartisseur [des richesses] !*

يَا مَنْ هُوَ فِي مُلْكِهِ مُقِيمٌ يَا مَنْ هُوَ فِي سُلْطَانِهِ قَدِيمٌ يَا مَنْ هُوَ فِي جَلَالِهِ عَظِيمٌ يَا مَنْ هُوَ عَلَى عِبَادِهِ رَحِيمٌ يَا مَنْ هُوَ يَكُلُّ شَيْءٍ عَلَيِّمْ يَا مَنْ هُوَ يَمُنُّ عَصَاهُ حَلِيمٌ يَا مَنْ هُوَ يَمُنُّ رَجَاهُ كَرِيمٌ يَا مَنْ هُوَ فِي صُنْعِهِ حَكِيمٌ يَا مَنْ هُوَ فِي حِكْمَتِهِ لَطِيفٌ يَا مَنْ هُوَ فِي لَطْفِهِ قَدِيمٌ

18

Ô ry Ilay Misy mandrakariva eo amin'ny fanjakaNy!

Ô ry Ilay Maharitra mandrakizay amin'ny fahefaNy!

Ô ry Ilay Avo indrindra amin'ny haja amam-boninahyNy!

Ô ry Ilay Be fiantrana amin'ny mpanompoNy!

Ô ry Ilay Mahafantatra ny zavatra rehetra!

Ô ry Ilay Mora fo amin'ireo izay nanota Taminy (tsy nanaiky ny teniny)!

Ô ry Ilay Malaky miantra ireo izay mametraka ny fanantenany Aminy!

Ô ry Ilay izay manana ny fahendrena amin'ny zava-namboariNy!

Ô ry Ilay Malemy fanahy ao anatin'ny fahendrena ananaNy!

Ô ry Ilay Malemy fanahy mandrakizay!

*Ô Celui qui demeure dans Sa Possession, ô Celui qui est Eternel dans Son Pouvoir, ô Celui qui est Grandiose dans Sa Majesté, ô Celui qui est Miséricordieux pour Ses serviteurs, ô Celui qui a connaissance de toute chose, ô Celui qui est Plein de Mansuétude envers celui qui Lui désobéit, ô Celui qui est Généreux avec celui qui place ses espoirs en Lui, ô Celui qui est Sage dans Sa Fabrication, ô Celui qui est subtil dans Sa Sagesse, ô Celui qui est Eternel dans Sa Subtilité !*

يَا مَنْ لَا يُرْجَى إِلَّا فَضْلُهُ يَا مَنْ لَا يُسْأَلُ إِلَّا عَفْوُهُ يَا مَنْ لَا يُنْظَرُ إِلَّا بِرُّهُ يَا مَنْ لَا يُخَافُ  
إِلَّا عَدْلُهُ يَا مَنْ لَا يَدُومُ إِلَّا مُلْكُهُ يَا مَنْ لَا سُلْطَانَ إِلَّا سُلْطَانُهُ يَا مَنْ وَسَعَتْ كُلَّ شَيْءٍ رَحْمَتُهُ  
يَا مَنْ سَبَّتْ رَحْمَتُهُ غَضَبَهُ يَا مَنْ أَحَاطَ بِكُلِّ شَيْءٍ عِلْمُهُ يَا مَنْ لَيْسَ أَحَدٌ مِثْلُهُ

19

O ry llay ny sitrany ihany no angatahina!  
O ry llay ny famelany ihany no hitalahoana!  
O ry llay ny hatsarany ihany no jerena!  
O ry llay tsy ananana fahatahorana afa-tsy ny fitsarany!  
O ry llay tsy maharitra afa-tsy ny fanjakany!  
O ry llay tsisy fahefana afa-tsy ny fahefany!  
O ry llay ny fangorahany dia mahenika ny zavatra rehetra!  
O ry llay ny fangorahaNy dia mialoha ny hatezeraNy!  
O ry llay ny fahalalany dia mahasahana ny zavatra rehetra!  
O ry llay tsisy mitovy Aminy na dia iray aza!

*Ô Celui dont seule Sa Faveur est suppliée, ô Celui dont seul Son Pardon est sollicité, ô Celui dont seule Sa Bonté est regardée, ô Celui dont seule Sa Justice est redoutée, ô Celui dont seule Sa Possession est durable, ô Celui dont il n'y a de pouvoir que le Sien, ô Celui dont la Miséricorde englobe toute chose, ô Celui dont la Miséricorde précède le Courroux, ô Celui dont le Savoir comprend toute chose, ô Celui à qui personne ne ressemble !*

يَا فَارِجَ الْهَمِّ يَا كَاشِفَ الْغَمِّ يَا غَافِرَ الذَّنْبِ يَا قَابِلَ التَّوْبِ يَا خَالِقَ الْخَلْقِ يَا صَادِقَ الْوَعْدِ يَا  
مُوفِيَ الْعَهْدِ يَا عَالِمَ السِّرِّ يَا فَالِقَ الْحَبِّ يَا رَازِقَ الْأَنَامِ

20

O ry llay Mpanalefaka ny fahoriana!  
O ry llay Mpanaisotra ny sorisory!  
O ry llay Mpamela heloka!  
O ry llay Mpanaiky ny fifonana Aminy!  
O ry llay Mpahary ny zava-boahary!  
O ry llay Mitana ny teny fanomezana nataoNy!  
O ry llay Manatanteraka ny fampanantenaNy!  
O ry llay Mahafantatra ny tsiambaratelo miafina!  
O ry llay Mampitriatra ny zavatra faran'ny bitika indrindra!  
O ry llay Mpamatsy ny voahary!

*Ô Celui qui soulage la peine ô Celui qui dissipe l'ennui, ô Celui qui pardonne le péché, ô Celui qui accepte le repentir, ô Celui qui crée la création, ô Celui accompli Sa Promesse, ô Celui qui tient Son Engagement, ô Celui qui connaît le secret, ô Celui qui fend l'atome, ô Celui qui subvient [aux moyens de subsistance] des créatures !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ بِاسْمِكَ يَا عَلِيُّ يَا وَفِيُّ يَا غَنِيُّ يَا مَلِيُّ يَا حَقِيُّ يَا رَضِيُّ يَا زَكِيُّ يَا بَدِيُّ يَا قُرِيُّ يَا وَلِيُّ

21

- O ry Ilay midadasika ny Fanomezany!
- O ry Ilay Mpamela ny heloka!
- O ry Ilay nahary ny lanitra!
- O ry Ilay mendrika ny Fitsapany!
- O ry Ilay tsara ny Fankasitrahany!
- O ry Ilay hatrizay ny Halehibeazany!
- O ry Ilay tsy mivadika amin'ny teny nomeny!
- O ry Ilay haja amam-boninahitra ny Valisoa omeny!

*Ô Celui dont la Permanence est continue, ô Celui qui entend l'invocation, ô Celui dont le Don est vaste, ô Celui qui pardonne la faute, ô Celui qui créé (de rien) le ciel, ô Celui dont l'Épreuve est bonne, ô Celui dont la Louange est belle, ô Celui dont l'Eminence est éternelle, ô Celui qui tien [sa promesse], ô Celui dont la Récompense est noble !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ يَا سَتَّارُ يَا عَفَّارُ يَا قَهَّارُ يَا جَبَّارُ يَا صَبَّارُ يَا بَارُّ يَا مُخْتَارُ يَا فَتَّاحُ  
يَا نَقَّاحُ يَا مُرْتَّاحُ

65

- Andriamanitra ô! Tena marina fa izaho dia mangataka amin'ny Anaranao,
- O ry Ilay Mpanafina hatrany!
- O ry Ilay Mpamela heloka hatrany!
- O ry Ilay Mpanjaka hatrany!
- O ry Ilay Mpandidy hatrany!
- O ry Ilay Mpandefitra hatrany!
- O ry Ilay Mpanao soa hatrany!
- O ry Ilay Mpisafidy hatrany!
- O ry Ilay Mpamoha hatrany ny loharanon-karena!
- O ry Ilay Mpanome hatrany!
- O ry Ilay Hasambarana sy Fiadanana hatrany!

*Mon Dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Celui qui dissimule constamment, ô Celui qui pardonne constamment, ô Celui qui domine constamment, ô Celui qui contrait constamment, ô Celui qui patiente constamment, ô Celui qui fait le bien constamment, ô Elu, ô Celui qui ouvre constamment les portes [des richesses], ô Celui qui donne constamment, ô Celui qui est reposé !*

يَا مَنْ خَلَقَنِي وَسَوَّانِي يَا مَنْ رَزَقَنِي وَرَبَّانِي يَا مَنْ أَطْعَمَنِي وَسَقَانِي يَا مَنْ قَرَّبَنِي وَأَذْنَانِي  
يَا مَنْ عَصَمَنِي وَكَفَانِي يَا مَنْ حَفَظَنِي وَكَلَانِي يَا مَنْ أَعَزَّنِي وَأَغْنَانِي يَا مَنْ وَقَفَنِي وَهَدَانِي  
يَا مَنْ أَنْسَنِي وَأَوَّانِي يَا مَنْ أَمَاتَنِي وَأَحْيَانِي

66

- ry Ilay nahary sy nanome endrika ahy!
- ry Ilay namatsy sy nitaiza ahy!
- ry Ilay nanome sakafo sy nampisotro rano ahy
- ry Ilay mampanakaiky ahy (amin'ny hatsarana rehetra)
- ry Ilay Mpiaro ampy ahy tanteraka!
- ry Ilay Mpiaro sy Mpikolokolo ahy!
- ry Ilay nankahery sy nanome ny ampy ahy!
- ry Ilay nanome fahombiazana sy nitari-dàlana ahy!
- ry Ilay miaraka amiko sy mampiantrano ahy!
- ry Ilay mamono sy mamelona ahy!

*Ô Celui qui m'a créé et modelé, ô Celui qui m'a pourvu et éduqué, ô Celui qui m'a nourri et abreuvé, ô Celui qui m'a approché et rapproché, ô Celui qui m'a défendu et suffi, ô Celui qui m'a protégé et a veillé sur moi, ô Celui qui m'a renforcé et enrichi, ô Celui qui m'a donné la réussite et m'a dirigé, ô Celui qui m'a tenu compagnie et m'a abrité, ô Celui qui m'a fait mourir et m'a donné la vie !*

يَا مَنْ يُحِقُّ الْحَقَّ بِكَلِمَاتِهِ يَا مَنْ يَقْبَلُ التَّوْبَةَ عَنْ عِبَادِهِ يَا مَنْ يَحُولُ بَيْنَ الْمَرْءِ وَقَلْبِهِ يَا مَنْ  
لَا تُنْفَعُ الشَّفَاعَةُ إِلَّا بِإِذْنِهِ يَا مَنْ هُوَ أَعْلَمُ بِمَنْ ضَلَّ عَنْ سَبِيلِهِ يَا مَنْ لَا مُعَقِّبَ لِحُكْمِهِ يَا مَنْ  
لَا رَادَّ لِقَضَائِهِ يَا مَنْ انْقَادَ كُلُّ شَيْءٍ لِأَمْرِهِ يَا مَنْ السَّمَاوَاتُ مَطْوِيَّاتٌ بِيَمِينِهِ يَا مَنْ يُرْسِلُ  
الرِّيَّاحَ بُشْرًا بَيْنَ يَدَيْ رَحْمَتِهِ

67

- ry Ilay manatanteraka ny fahamarinana amin'ny Teniny!
- ry Ilay mandray ny fibebahan'ireo mpanompony!
- ry Ilay Akaiky indrindra!
- ry Ilay tsy mitera-bokatsoa ny fanelanelanana raha tsy alalana avy Aminy!
- ry Ilay mahafantatra tsara ireo izay diso làlana!
- ry Ilay tsy arahana fitsarana hafa ny fitsarana izay ataony!
- ry Ilay tsy azo lavina ny didy apetrany!
- ry Ilay ankatoavin'ny zavatra rehetra ny Didiny!
- ry Ilay eo am-pelantanany ny fifehazana ireo lanitra!
- ry Ilay mandefa ny rivotra mpilaza ny vaovao mahafaly avy amin'ny Famindram-pony!



*Ô Celui qui réalise la Vérité par ses paroles, ô Celui qui accepte le repentir de ses serviteurs, ô Celui qui demeure entre l'homme et son cœur, ô Celui sans l'autorisation n'est pas profitable, ô Celui qui est le mieux informé de celui qui s'est égaré de son chemin, ô Celui dont le Jugement n'est pas suivi d'un autre [d'autre que Lui], ô Celui dont le Décret Arrêté n'est pas réfuté, ô Celui à l'Ordre duquel toute chose est soumise, ô Celui dans la Main droite duquel les cieux sont pliés, ô Celui qui envoie les vents annonciateurs de la bonne nouvelle entre les mains de Sa Miséricorde !*

يَا مَنْ جَعَلَ الْأَرْضَ مِهَادًا يَا مَنْ جَعَلَ الْجِبَالَ أَوْتَادًا يَا مَنْ جَعَلَ الشَّمْسَ سِرَاجًا يَا مَنْ جَعَلَ  
الْقَمَرَ نُورًا يَا مَنْ جَعَلَ اللَّيْلَ لِيَاسًا يَا مَنْ جَعَلَ النَّهَارَ مَعَاشًا يَا مَنْ جَعَلَ النَّوْمَ سُبَاتًا يَا مَنْ  
جَعَلَ السَّمَاءَ بِنَاءً يَا مَنْ جَعَلَ الْأَشْيَاءَ أَزْوَاجًا يَا مَنْ جَعَلَ النَّارَ مِرْصَادًا

68

- ry Ilay namboatra ny tany ho toerana azo ipetrahana!
- ry Ilay nanao ny tendrombohitra ho andry!
- ry Ilay nametraka ny masoandro ho mpanazava mamirapiratra!
- ry Ilay nametraka ny volana ho hazavana!
- ry Ilay nametraka ny alina ho rakotra!
- ry Ilay nametraka ny antoandro ho fotoam-pitadiavana ny fivelomana!
- ry Ilay nametraka ny torimaso ho fialan-tsasatra!
- ry Ilay nametraka ny lanitra toy ny trano goavana!
- ry Ilay nahary ny zavatra tsiroaroa!
- ry Ilay nanao ny afobe ho toeram-piandrasana ireo tsy mpino!

*Ô Celui qui a disposé la terre comme un lit de repos, ô Celui qui a disposé les montagnes comme des piliers, ô Celui qui a placé le soleil comme un luminaire éblouissant, ô Celui qui a fait de la lune une lumière, ô Celui qui a fait de la nuit un revêtement, ô Celui qui a fait du jour le moment [Pour pourvoir aux besoins] de la vie, ô Celui qui a fait du sommeil un repos, ô Celui qui a disposé le ciel comme un édifice, ô Celui qui a placé les choses par couples, ô Celui qui a placé le feu [de l'enfer] à l'affût [des mécréants] !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ يَا سَمِيعُ يَا شَفِيعُ يَا رَفِيعُ يَا مَنِيعُ يَا سَرِيعُ يَا بَدِيعُ يَا كَبِيرُ يَا قَدِيرُ  
يَا خَبِيرُ يَا مُجِيرُ

69

- Andriamanitra ô! Tena marina fa izaho dia mangataka amin'ny Anaranao,
- ry Ilay Fatra mpandre!
- ry Ilay Mpanelanelana!
- ry Ilay Mpanandraatra !
- ry Ilay Mpiaro!

- O ry Ilay Mailaka indrindra!
- O ry Ilay Mpahary!
- O ry Ilay Lehibe Indrindra!
- O ry Ilay Tsitoa indrindra!
- O ry Ilay Manam-pahalalana indrindra!
- O ry Ilay Mpamonjy!

*Mon Dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Celui qui entend, ô Celui qui intercède, ô Celui qui élève, ô Celui qui immunise, ô Celui qui est rapide, ô Celui qui crée, ô Très Grand, ô Très Puissant, ô Bien Informé, ô Sauveur !*

يا حَيًّا قَبْلَ كُلِّ حَيٍّ يا حَيًّا بَعْدَ كُلِّ حَيٍّ يا حَيُّ الَّذِي لَيْسَ كَمِثْلِهِ حَيٌّ يا حَيُّ الَّذِي لا يُشَارِكُهُ  
 حَيٌّ يا حَيُّ الَّذِي لا يَحْتَاجُ إِلى حَيٍّ يا حَيُّ الَّذِي يُمِيتُ كُلَّ حَيٍّ يا حَيُّ الَّذِي يَرْزُقُ كُلَّ حَيٍّ  
 يا حَيًّا لَمْ يَرِثِ الحَيَاةَ مِنْ حَيٍّ يا حَيُّ الَّذِي يُحْيِي المَوْتى يا حَيُّ يا قَيُّومُ لا تَأْخُذْهُ سِنَّةٌ وَلا  
 نَوْمٌ

70

- O ry Ilay Velona mandrakizay tsy nanam-piandohana!
- O ry Ilay Velona mandrakizay tsy manam-piafarana!
- O ry Ilay Velona mandrakizay izay tsy misy mitovy Aminy!
- O ry Ilay Velona mandrakizay tsy misy mpiombon'antoka miaraka Aminy!
- O ry Ilay Velona mandrakizay izay tsy mila ny fanampian'ny zava-mananaina!
- O ry Ilay Velona mandrakizay izay mampandalo ireo zava-mananaina rehetra ny fahafatesana!
- O ry Ilay Velona mandrakizay, izay mamatsy ireo zava-mananaina rehetra!
- O ry Ilay Velona mandrakizay, izay tsy mandova ny fiainan'ny zava-mananaina!
- O ry Ilay Velona mandrakizay, izay manangana ireo maty!
- O ry Ilay Velona mandrakizay, izay tsy takatry ny saina, tsy mety rendremana sy sondrian-torimaso!

*Ô Vivant avant tout vivant, ô Vivant après tout vivant, ô Vivant auquel aucun vivant ne ressemble, ô Vivant auquel aucun vivant ne participe, ô Vivant qui n'a pas besoin de vivant, ô Vivant qui fait mourir tout vivant, ô Vivant qui subvient [aux besoins] de tout vivant, ô Vivant qui n'hérite la vie d'aucun vivant, ô Vivant qui donne la vie aux morts, ô Vivant, ô Substanteur, ni l'assoupissement, ni le sommeil n'ont de prise sur Lui !*

يَا مَنْ لَهُ ذِكْرٌ لَا يُنْسَى يَا مَنْ لَهُ نُورٌ لَا يُطْفِئُ يَا مَنْ لَهُ نِعَمٌ لَا تُعَدُّ يَا مَنْ لَهُ مُلْكٌ لَا يَزُولُ يَا  
مَنْ لَهُ ثَنَاءٌ لَا يُحْصَى يَا مَنْ لَهُ جَلَالٌ لَا يُكَيَّفُ يَا مَنْ لَهُ كِمَالٌ لَا يُدْرَكُ يَا مَنْ لَهُ قِضَاءٌ لَا  
يُرَدُّ يَا مَنْ لَهُ صِفَاتٌ لَا تُبَدَّلُ يَا مَنْ لَهُ نِعْمَتٌ لَا تُغَيَّرُ

71

O ry Ilay manana ny fahatsiarovana tsy mety hadinoina mihitsy!  
O ry Ilay manana ny Hazavana tsy mety maty!  
O ry Ilay manana ny Hasoavana tsy tambo isaina!  
O ry Ilay Tompon'ny fananana tsy mety ritra!  
O ry Ilay manana laza tsy tambo isaina!  
O ry Ilay manana Voninahitra izay tsy azo saintsainina!  
O ry Ilay manana ny Fahalavorariana izay tsy voavinavina!  
O ry Ilay manana ny Didy tsy azo idivirana!  
O ry Ilay manana ireo toetra raikitra izay tsy azo ovana!  
O ry Ilay manana ireo Laza tsara izay tsy mety ovana!

*Ô Celui qui détient une Evocation qui ne s'oublie pas, ô Celui qui détient une  
Lumière qui ne s'éteint pas, ô Celui qui détient un Bien-fait qui ne se dénombre  
pas, ô Celui qui détient une Possession qui disparaît pas, ô Celui qui détient un  
Eloge qui n'est pas dénombré, ô Celui qui détient une Majesté qui ne se qualifie  
pas, ô Celui qui détient une Perfection qui ne saisit pas, ô Celui qui détient un  
Décret Arrêté qui ne se réfute pas, ô Celui qui détient des Attributs qui ne  
s'échangent pas, ô Celui qui détient des Qualifications qui ne changent pas !*

يَا رَبَّ الْعَالَمِينَ يَا مَالِكَ يَوْمَ الدِّينِ يَا غَايَةَ الطَّالِبِينَ يَا ظَهَرَ اللَّاحِجِينَ يَا مُدْرَكَ الْهَارِبِينَ يَا  
مَنْ يُجِبُّ الصَّابِرِينَ يَا مَنْ يُجِبُّ النَّوَابِينَ يَا مَنْ يُجِبُّ الْمُتَطَهِّرِينَ يَا مَنْ يُجِبُّ الْمُحْسِنِينَ يَا  
مَنْ هُوَ أَعْلَمُ بِالْمُهْتَدِينَ

72

O ry Ilay Tompon'izao tontolo izao!  
O ry Ilay Tompon'ny Andro Fitsarana!  
O ry Ilay Tanjona kendren'ireo izay mangataka!  
O ry Ilay Mpanohana ireo mpitsoa-ponenana!  
O ry Ilay Mpisambotra ireo mpandositra!  
O ry Ilay Mitia ireo mpiaritra  
O ry Ilay Mpankasitraka ireo mpibebaka!  
O ry Ilay mitia indrindra ireo madio!  
O ry Ilay tia ireo mpanao asa soa!  
O ry Ilay Mpahalala tsara ireo voatari-dàlana!

Ô Seigneur des mondes, ô Possesseur du Jour du Jugement, ô But de ceux qui demandent, ô Soutien des réfugiés, ô Celui qui saisit les fuyards, ô Celui qui aime les patients, ô Celui qui aime les repentants, ô Celui qui aime ceux qui se purifient, ô Celui qui aime ceux qui font le bien, ô Celui qui connaît le mieux ceux qui sont bien dirigés !

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ بِاسْمِكَ يَا شَفِيقُ يَا رَفِيقُ يَا حَفِيزُ يَا مُحِيطُ يَا مُقِيتُ يَا مُغِيثُ يَا مُعِزُّ يَا مُذِلُّ يَا مُبْدِيُّ يَا مُعِيدُ

73

Andriamanitra ô! Tena marina fa izaho dia mangataka amin'ny Anaranao,  
 O ry Ilay Be fiahiana indrindra!  
 O ry Ilay Mpiaradia mahatoky!  
 O ry Ilay Mpiaro azo antoka!  
 O ry Ilay Malemy fanahy indrindra!  
 O ry Ilay Mpamatsy mahafatra-po!  
 O ry Ilay Mpamonjy Lehibe indrindra!  
 O ry Ilay Mpanandraatra!  
 O ry Ilay Mpanetry ireo mpiavonavona!  
 O ry Ilay Mpanomboka ny zavatra rehetra!  
 O ry Ilay Mpamerina amin'ny laoniny indray ny zavatra rehetra!

*Mon Dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Plein de sollicitude, ô Compagnon, ô Protecteur, ô Compréhensif, ô Nourricier, ô Secours, ô Celui qui honore, ô Celui qui humilie, ô Celui qui débute, ô Celui qui recommence !*

يَا مَنْ هُوَ أَحَدٌ يَلَا ضِدًّا يَا مَنْ هُوَ قَرْدٌ يَلَا نِدًّا يَا مَنْ هُوَ صَمَدٌ يَلَا عَيْبَ يَا مَنْ هُوَ وَثَرٌ يَلَا  
 كَيْفَ يَا مَنْ هُوَ قَاضٍ يَلَا حَيْفَ يَا مَنْ هُوَ رَبٌّ يَلَا وَزِيرَ يَا مَنْ هُوَ عَزِيزٌ يَلَا ذُلًّا يَا مَنْ هُوَ  
 غَنِيٌّ يَلَا فَقْرَ يَا مَنْ هُوَ مَلِكٌ يَلَا عَزْلَ يَا مَنْ هُوَ مَوْصُوفٌ يَلَا شَبِيهَ

74

O ry Ilay Tokana tsy manam-paharoa!  
 O ry Ilay Tokana tsy misy izay mitovy Aminy!  
 O ry Ilay tsy hay takarina tsy manan-kilema!  
 O ry Ilay Tokana Ambony indrindra tsy iharam-panontaniana!  
 O ry Ilay Mpitsara tsy manao ny tsy ara-drariny!  
 O ry Ilay Tompo tsy manana mpanampy!  
 O ry Ilay Be Voninahitra izay tsy azo ambaniana!  
 O ry Ilay Ampy amin'ny Tenany ihany tsy mitady filàna!  
 O ry Ilay Mpanjaka tsy azo aongana velively!  
 O ry Ilay Mendrika indrindra tsy misy izay manahaka Azy!

*Ô Celui qui est Un sans adversaire, ô Celui qui est Unique sans égal, ô Celui qui est Impénétrable sans défaut, ô Celui qui est Seul Suprême sans comment, ô Celui qui est Juge sans injustice, ô Celui qui est Seigneur sans assistant, ô Celui qui est Plein de Gloire sans humiliation, ô Celui qui se suffit à lui-même sans besoin, ô Celui qui est Roi sans destitution, ô Celui qui est qualifié sans ressemblance !*

يَا مَنْ ذِكْرُهُ شَرَفٌ لِلذَّاكِرِينَ يَا مَنْ شُكْرُهُ قُوْرٌ لِلشَّاكِرِينَ يَا مَنْ حَمْدُهُ عِزٌّ لِلْحَامِدِينَ يَا مَنْ طَاعَتُهُ نَجَاةٌ لِلْمُطِيعِينَ يَا مَنْ بَابُهُ مَقْتُوْحٌ لِلطَّالِبِينَ يَا مَنْ سَبِيلُهُ وَاضِحٌ لِلْمُنْبِيِّينَ يَا مَنْ آيَاتُهُ بُرْهَانٌ لِلنَّاظِرِينَ يَا مَنْ كِتَابُهُ تَذَكُّرَةٌ لِلْمُتَّقِينَ يَا مَنْ رِزْقُهُ عُمُوْمٌ لِلطَّائِعِينَ وَالْعَاصِينَ يَا مَنْ رَحْمَتُهُ قَرِيبٌ مِنَ الْمُحْسِنِينَ

75

O ry Ilay Voninahitra ho an'ireo mpahatsiaro Azy ny Fahatsiarovana Azy!

O ry Ilay Fanavotana ho an'ireo mahay mankasitraka Azy ny

Fankasitrahana Azy!

O ry Ilay Voninahitra ho an'ireo mpidera Azy ny Fiderana Azy!

O ry Ilay Famonjena ho an'ireo mpankato Azy ny Fankatoavana Azy!

O ry Ilay mamoha ny varavarany ho an'ireo izay mangataka Aminy!

O ry Ilay mazava ny lâlany, ho an'ireo izay mibebaka Aminy!

O ry Ilay porofo ho an'ireo izay mandinika ny famantarany!

O ry Ilay fampahatsiahivana ho an'ireo izay manam-pahatahorana ny Bokiny!

O ry Ilay ho an'ny rehetra ny fanomezany, ho an'ireo mpankato, sy ireo mpanohitra !

O ry Ilay akaiky indrindra ny famindram-pony ho an'ireo izay mpanao asa soa!

*Ô Celui dont l'évocation est un honneur pour ceux qui évoquent, ô Celui dont le remerciement est un triomphe pour ceux qui remercient, ô Celui dont la louange est une gloire pour ceux qui louent, ô Celui envers qui l'obéissance est un salut pour ceux qui obéissent, ô Celui dont la porte est ouverte pour ceux qui demandent, ô Celui dont la voie est claire pour ceux qui se repentent, ô Celui dont les signes sont une preuve pour ceux qui regardent, ô Celui dont le livre est un rappel pour ceux qui craignent, ô Celui dont la richesse est généralisée à ceux qui obéissent et à ceux qui désobéissent, ô Celui dont la miséricorde est proche pour ceux qui font le bien !*

يَا مَنْ تَبَارَكَ اسْمُهُ يَا مَنْ تَعَالَى جَدُّهُ يَا مَنْ لَا إِلَهَ غَيْرُهُ يَا مَنْ جَلَّ تَنَاوُهُ يَا مَنْ تَقَدَّسَتْ أَسْمَاؤُهُ يَا مَنْ يَدُوْمُ بَقَاؤُهُ يَا مَنْ الْعَظْمَةُ بِهَاؤُهُ يَا مَنْ الْكِبْرِيَاءُ رِدَاؤُهُ يَا مَنْ لَا تُحْصَى الْاَوَّةُ يَا مَنْ لَا تُعَدُّ تَعْمَاؤُهُ

76

O ry Ilay feno Fahasoavana ny Anarany!  
O ry Ilay Ambony ny Voninahiny!  
O ry Ilay tsy misy Andriamani-kafa Ankoatra Azy!  
O ry Ilay ambony indrindra ny Fiderana Azy!  
O ry Ilay Masina ireo Anarany!  
O ry Ilay mandrakizay ny Fisiany!  
O ry Ilay mampirapiratra ny Fahamboniany!  
O ry Ilay Haingony ny fanamboniantena!  
O ry Ilay tsy tambo isaina ny hatsarampony!  
O ry Ilay tsy voatanisa ny fahasoavany!

*Ô Celui dont le Nom est béni, ô Celui dont la Richesse est très élevée, ô Celui en dehors duquel il n'y a pas de divinité, ô Celui dont la Louange est illustre, ô Celui dont les Noms sont sanctifiés, ô Celui dont la Permanence est continue, ô Celui dont la Magnificence est Sa splendeur, ô Celui dont l'Arrogance est Sa Parure, ô Celui dont les Bontés ne se dénombrent pas, ô Celui dont les Bienfaits ne se comptent pas !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ يَا مُعِينُ يَا أَمِينُ يَا مُبِينُ يَا مَتِينُ يَا مَكِينُ يَا رَشِيدُ يَا حَمِيدُ يَا مُجِيدُ  
يَا شَدِيدُ يَا شَهِيدُ

77

Andriamanitra ô! Tena marina fa izaho dia mangataka amin'ny Anaranao ,  
O ry Ilay Mpanampy!  
O ry Ilay Mahatoky!  
O ry Ilay Miharihary ny Fisiany!  
O ry Ilay tsy voazongozona!  
O ry Ilay Hentitra indrindra!  
O ry Ilay Mpitari-dàlana Tsara indrindra!  
O ry Ilay Ankalazaina indrindra!  
O ry Ilay Deraina indrindra!  
O ry Ilay maherivaika ny Famaizany!  
O ry Ilay Vavolombelona!

*Mon Dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Aide, ô Fidèle, ô Evident, ô Inébranlable, ô Ferme, ô Bien-dirigé, ô Très-Loué, ô Très-Glorifié, ô Très-Rigoureux, ô Témoin !*

يا ذا العرش المجيد يا ذا القول السديد يا ذا الفعل الرشيد يا ذا البطش الشديد يا ذا الوعد  
والوعد يا من هو الولي الحميد يا من هو فعال لما يريد يا من هو قريب غير بعيد يا من  
هو على كل شيء شهيد يا من هو ليس بظلام للعبيد

78

O ry Ilay Tompon'ny Seza Fiandrianana be voninahitra!  
O ry Ilay Tompon'ny teny ara-drariny!  
O ry Ilay Tompon'ny fihetsika voadinika!  
O ry Ilay Tompon'ny hery mahatora-kovitra!  
O ry Ilay Tompon'ny fampanantenana sy ny fandrahonana  
(fampitandremana)  
O ry Ilay Tompo mendri-piderana indrindra!  
O ry Ilay tanteraka avokoa ny Filàny!  
O ry Ilay Akaiky indrindra!  
O ry Ilay Vavolombelona amin'ny zavatra rehetra!  
O ry Ilay tsy mba miangatra amin'ireo mpanompony!

*Ô Celui qui détient le Trône glorieux, ô Celui qui détient la Parole juste, ô Celui qui  
détient l'Acte bien dirigé, ô Celui qui détient la Force redoutable, ô Celui qui détient  
la Promesse et la Menace, ô Celui qui est le Maître très loué, ô Celui qui est  
Efficace pour qui veut, ô Celui qui est Proche et non pas éloigné, ô Celui qui est  
Témoign de toute chose, ô Celui qui n'est pas injuste envers ses serviteurs !*

يا من لا شريك له ولا وزير يا من لا شبيه له ولا نظير يا خالق الشمس والقمر المنير يا  
مُعني البائس الفقير يا رازق الطفل الصغير يا راحم الشيخ الكبير يا جابر العظم الكسير يا  
عصمة الخائف المستجير يا من هو بعباده خير بصير يا من هو على كل شيء قدير

79

O ry Ilay tsy manana mpikambana Aminy sy mpanampy Azy!  
O ry Ilay tsy misy mitovy Aminy sy tahaka Azy!  
O ry Ilay Mpaharin' ny masoandro amam-bolana manjopiaka!  
O ry Ilay Mpanome ny ampy ireo mahantra fadiranovana!  
O ry Ilay Mpamatsy ireo ankizy madinika!  
O ry Ilay Mpangoraka ireo antitra!  
O ry Ilay Mpitsabo ny taolana tapaka!  
O ry Ilay Mpiaro ireo izay matahotra ka mitady fiarovana!  
O ry Ilay Mahafantatra sy Mahita tsara ny ataon'ireo mpanompony!  
O ry Ilay Mahefa ny zavatra rehetra!

*Ô Celui qui n'a pas d'associé ni d'assistant, ô Celui qui n'a pas de pareil ni de  
semblable, ô Celui qui a créé le soleil et la lune lumineuse, ô Celui qui enrichit le*

*pauvre misérable, ô Celui qui pourvoit [aux subsistances] du petit enfant, ô Celui qui s'apitoie sur le vieil-homme, ô Celui qui panse l'os brisé, ô Celui qui protège celui qui a peur à la recherche d'un abri, ô Celui qui est Bien-Informé et Clairvoyant envers ses serviteurs, ô Celui qui est puissant sur toute chose !*

يَا ذَا الْجُودِ وَالنِّعَمِ يَا ذَا الْفَضْلِ وَالْكَرَمِ يَا خَالِقَ اللُّوْحِ وَالْقَلَمِ يَا بَارِيَّ الدَّرِّ وَالنَّسَمِ يَا ذَا  
الْبَأْسِ وَالنَّقَمِ يَا مُلْهَمَ الْعَرَبِ وَالْعَجَمِ يَا كَاشِفَ الضُّرِّ وَالْأَلَمِ يَا عَالِمَ السِّرِّ وَالْهَمَمِ يَا رَبَّ  
الْبَيْتِ وَالْحَرَمِ يَا مَنْ خَلَقَ الْأَشْيَاءَ مِنَ الْعَدَمِ

80

O ry Ilay Malala-tànana indrindra Be Fahasoavana!  
O ry Ilay Be Fahasoavana sy Malalantànana indrindra!  
O ry Ilay Mpahary ny Takelaka (mirakitra ireo anjara sy lahatra) sy ny Fanoratana!  
O ry Ilay Mpahary ny atôma sy ireo fanahy!  
O ry Ilay Tompon'ny fitantanana hentitra sy ny Famaizana!  
O ry Ilay Mpanolotsaina ireo zanak'olombelona rehetra!  
O ry Ilay Mpanala ny loza sy ny fijaliana mihatra!  
O ry Ilay Mahalala ireo tsiambaratelo sy fikasana tsara!  
O ry Tompon'ilay Trano Masina!  
O ry Ilay Nahary ny zavatra rehetra avy tamin'ny tsy nisy!

*Ô Détenteur de la Largesse et du Bienfait, ô Détenteur de la Grâce et de la Générosité, ô Créateur de la Table et de la Plume, ô Créateur de l'atome et des âmes, ô Détenteur de la Rigueur et du Châtiment, ô Inspirateur des arabes et des étrangers, ô Celui qui dissipe le malheur et la souffrance, ô Celui qui connaît le secret et les résolutions, ô Seigneur de la Maison sacrée, ô Celui qui crée les choses de rien !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ بِاسْمِكَ يَا فَاعِلُ يَا جَاعِلُ يَا قَائِلُ يَا كَامِلُ يَا فَاصِلُ يَا وَاصِلُ يَا عَادِلُ يَا  
غَالِبُ يَا طَالِبُ يَا وَاهِبُ

81

Andriamanitra o! Tena marina fa izaho dia mangataka amin'ny Anaranao,  
O ry Ilay miasa tsy an-kijanona!  
O ry Ilay mametraka ny zavatra rehetra!  
O ry Ilay fatra mpanaiky!  
O ry Ilay Tongalafatra indrindra!  
O ry Ilay Mpanasaraka!  
O ry Ilay Mpampitohy!  
O ry Ilay Marina indrindra!



- O ry Ilay Mpandresy!
- O ry Ilay Mpangataka!
- O ry Ilay Mpanome!

*Mon Dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Celui qui agit, ô Celui qui dispose, ô Celui qui accepte, ô Celui qui parfait, ô Celui sépare, ô Celui qui relie, ô Celui qui est juste, ô Celui l'emporte, ô Celui qui demande, ô Celui qui donne !*

يَا مَنْ أَنْعَمَ يَطْوِلِهِ يَا مَنْ أَكْرَمَ بَجُودِهِ يَا مَنْ جَادَ بِلُطْفِهِ يَا مَنْ تَعَزَّرَ يُؤَدِّرْتِهِ يَا مَنْ قَدَّرَ  
يُحْكَمْتِهِ يَا مَنْ حَكَّمَ يَنْدَبِيرِهِ يَا مَنْ دَبَّرَ يَعْلَمُهُ يَا مَنْ تَجَاوَزَ يَحْلُمُهُ يَا مَنْ دَنَا فِي عُلُوِّهِ يَا مَنْ  
عَلَا فِي دُنُوِّهِ

82

- O ry Ilay manome fahasoavana amin'ny alalan'ny Faharetany!
- O ry Ilay manome voninahitra amin'ny alalan'ny Fahalalahan-tàny!
- O ry Ilay Malala-tànana noho ny Hamoram-pony!
- O ry Ilay Mahery noho ny Hatanjahany!
- O ry Ilay nanome fatra ny zavatra tsirairay amin'ny Fahendreny!
- O ry Ilay manana ny fahendrena feno amin'ny fitantanany
- O ry Ilay nandrindra ny zavatra rehetra amin'ny alalan'ny Fahalalàny!
- O ry Ilay namela hatrany ny hadisoana noho ny Fangorahany!
- O ry Ilay Akaiky indrindra na dia Ambony dia Ambony aza!
- O ry Ilay Ambony indrindra na dia Akaiky dia Akaiky aza!

*Ô Celui qui a accordé par Sa Longanimité, ô Celui qui a honoré par Sa Largesse, ô Celui qui a été Généreux par Sa Subtilité, ô Celui qui s'est raffermi par Sa Puissance, ô Celui qui a donné sa mesure [à chaque chose] par Sa Sagesse, ô Celui qui est Sage dans Son Intendance, ô Celui qui a arrangé par Son Savoir, ô Celui qui a passé outre par Sa Mansuétude, ô Celui qui s'est Approché dans Sa Hauteur, ô Celui qui s'est Elevé dans Sa Proximité !*

يَا مَنْ يَخْلُقُ مَا يَشَاءُ يَا مَنْ يَفْعَلُ مَا يَشَاءُ يَا مَنْ يَهْدِي مَنْ يَشَاءُ يَا مَنْ يُضِلُّ مَنْ يَشَاءُ يَا مَنْ  
يُعَدِّبُ مَنْ يَشَاءُ يَا مَنْ يَغْفِرُ لِمَنْ يَشَاءُ يَا مَنْ يُعِزُّ مَنْ يَشَاءُ يَا مَنْ يُدِلُّ مَنْ يَشَاءُ يَا مَنْ  
يُصَوِّرُ فِي الْأَرْحَامِ مَا يَشَاءُ يَا مَنْ يَخْتَصُّ بِرَحْمَتِهِ مَنْ يَشَاءُ

83

- O ry Ilay mahary izay tiany araka ny Sitrapony!
- O ry Ilay manao izay tiany araka ny Sitrapony!
- O ry Ilay mitari-dàlana izay tiany araka ny Sitrapony!
- O ry Ilay manary izay tiany araka ny Sitrapony!
- O ry Ilay manasazy izay tiany araka ny Sitrapony!
- O ry Ilay mamela heloka izay tiany araka ny Sitrapony!

O ry Ilay manandratra izay tiany araka ny Sitrapony!  
 O ry Ilay manetry izay tiany araka ny Sitrapony!  
 O ry Ilay manome endrika ny zava-boahary any ambohoka arak' izay tiany!  
 O ry Ilay misafidy arak' izay tiany ireo izay homeny ny Famindram-pony!

*Ô Celui qui crée ce qu'il veut, ô Celui qui fait ce qu'il veut, ô Celui qui guide qui Il veut, ô Celui qui égare qui Il veut, ô Celui qui tourmente qui Il veut, ô Celui qui pardonne à qui Il veut, ô Celui qui renforce qui Il veut, ô Celui qui abaisse qui Il veut, ô Celui qui forme dans les matrices ce qu'il veut, ô Celui qui gratifie qui Il veut de Sa Miséricorde !*

يا مَنْ لَمْ يَتَّخِذْ صَاحِبَةً وَلَا وِلْدًا يَا مَنْ جَعَلَ لِكُلِّ شَيْءٍ قَدْرًا يَا مَنْ لَا يُشْرِكُ فِي حُكْمِهِ أَحَدًا  
 يَا مَنْ جَعَلَ الْمَلَائِكَةَ رُسُلًا يَا مَنْ جَعَلَ فِي السَّمَاءِ بُرُوجًا يَا مَنْ جَعَلَ الْأَرْضَ قَرَارًا يَا مَنْ  
 خَلَقَ مِنَ الْمَاءِ بَشَرًا يَا مَنْ جَعَلَ لِكُلِّ شَيْءٍ أَمْدًا يَا مَنْ أَحَاطَ بِكُلِّ شَيْءٍ عِلْمًا يَا مَنْ أَحْصَى  
 كُلَّ شَيْءٍ عَدَدًا

84

O ry Ilay tsy manam-bady aman-janaka!  
 O ry Ilay nanome fatra amin'ny zavatra rehetra!  
 O ry Ilay tsy misy miara-manjaka Aminy!  
 O ry Ilay nanao ireo Anjelin'ny ho Iraka!  
 O ry Ilay nametraka ireo kintana eny an'abakabaka!  
 O ry Ilay nanao ny tany tsy mihetsiketsika!  
 O ry Ilay nahary ny olombelona avy tamin' ny rano!  
 O ry Ilay nametraka fetra amin'ny zavatra rehetra!  
 O ry Ilay mahenika ny zavatra rehetra ny Fahalalàny!  
 O ry Ilay mpahalala ny isan'ny zavatra rehetra!

*Ô Celui qui n'a as pris de compagne ni d'enfant, ô Celui qui a donné à chaque chose sa mesure, ô Celui qui ne fait partager son gouvernement à personne, ô Celui qui a fait des Anges Ses Messagers, ô Celui qui a placé dans le ciel des astres, ô Celui qui a rendu la terre stable, ô Celui qui a créé de l'eau un être humain, ô Celui qui a fixé un terme pour chaque chose, ô Celui dont le Savoir englobe toute chose, ô Celui qui a dénombré toute chose !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ يَا سَمِيعُ يَا أَوَّلُ يَا آخِرُ يَا ظَاهِرُ يَا بَاطِنُ يَا بَرُّ يَا حَقُّ يَا قَرْدُ يَا وَثْرُ يَا  
 صَمَدُ يَا سَرْمَدُ

85

Andriamanitra o! Tena marina fa izaho dia mangataka amin'ny Anaranao,  
 O ry Ilay tsy misy Fiandohana!

O ry Ilay tsy misy Fiafarana!  
 O ry Ilay Miseho mazava tsara!  
 O ry Ilay Miafina tsy hitamaso!  
 O ry Ilay Mpanao soa indrindra!  
 O ry Ilay Fahamarinana!  
 O ry Ilay Tokana!  
 O ry Ilay Tsy manam-paharoa!  
 O ry Ilay Mahaleotena tanteraka!  
 O ry Ilay Mandrakizay!

*Ô le Meilleur de ce qui est connu, ô le Meilleur de ce qui est adoré, ô le plus Illustre de ce qui est remercié, ô le plus Glorieux de ce qui est évoqué, ô le plus Elevé de ce qui est loué, ô le plus Eternel qui est demandé, ô le plus Sublime de ce qui est décrit, ô le plus grand Objectif qui est fixé, ô le plus Généreux de ce qui est sollicité, ô le plus noble Aimé de ce qui est connu !*

يَا خَيْرَ مَعْرُوفٍ عُرِفَ يَا أَفْضَلَ مَعْبُودٍ عُبِدَ يَا أَجَلَ مَشْكُورٍ شُكِرَ يَا أَعَزَّ مَدْكُورٍ ذُكِرَ يَا  
 أَعْلَى مَحْمُودٍ حُمِدَ يَا أَقْدَمَ مَوْجُودٍ طُلِبَ يَا أَرْفَعَ مَوْصُوفٍ وَصِفَ يَا أَكْبَرَ مَقْصُودٍ قُصِدَ يَا  
 أَكْرَمَ مَسْئُولٍ سُئِلَ يَا أَشْرَفَ مَحْبُوبٍ عُلِمَ

86

O ry Ilay Tsara indrindra amin' ireo izay fantatra!  
 O ry Ilay Mendrika tompoina indrindra!  
 O ry Ilay Mendri-pisaorana indrindra!  
 O ry Ilay Italahoana be voninahitra indrindra!  
 O ry Ilay Mendri-piderana Ambony indrindra!  
 O ry Ilay hatrizay hatrizay ny Fisiany, ary lzy no mendrika angatahana!  
 O ry Ilay Ankalazaina Avo indrindra!  
 O ry Ilay Tanjona ambony indrindra amin'izay kasaina ho tratrarina  
 O ry Ilay Malala-tànana indrindra amin'ireo izay angatahana!  
 O ry Ilay Mahatehotia indrindra amin izay fantatra!

*Ô le Meilleur de ce qui est connu, ô le Meilleur de ce qui est adoré, ô le plus Illustre de ce qui est remercié, ô le plus Glorieux de ce qui est évoqué, ô le plus Elevé de ce qui est loué, ô le plus Eternel qui est demandé, ô le plus Sublime de ce qui est décrit, ô le plus grand Objectif qui est fixé, ô le plus Généreux de ce qui est sollicité, ô le plus noble Aimé de ce qui est connu !*

يَا حَبِيبَ الْبَاكِينَ يَا سَيِّدَ الْمُتَوَكِّلِينَ يَا هَادِيَ الْمُضِلِّينَ يَا وَلِيَّ الْمُؤْمِنِينَ يَا أَنْيْسَ الدَّاكِرِينَ يَا  
 مَفْرَعَ الْمَلْهُوفِينَ يَا مُنْجِيَ الصَّادِقِينَ يَا أَقْدَرَ الْقَادِرِينَ يَا أَعْلَمَ الْعَالَمِينَ يَا إِلَهَ الْخَلْقِ أَجْمَعِينَ

87

O ry Ilay Mpampionona mahatehotia indrindra ireo izay mitomany!  
O ry Ilay Tompon'ireo izay miantehitra Aminy!  
O ry Ilay Mpitari-dalan'ireo izay diso lalana!  
O ry Ilay Mpiahin'ireo mpino!  
O ry Ilay Sakaiza mahatokin'ireo izay mahatsiaro Azy!  
O ry Ilay Toky ianteheran'ireo izay tra-pahoriana!  
O ry Ilay Mpamonjy ireo olon'ny fahamarinana!  
O ry Ilay Mahery indrindran'ireo matanjaka!  
O ry Ilay Manampahaizana indrindra amin'ireo manampahaizana!  
O ry Tompo Andrimanitr'ireo zava-boahary rehetra!

*Ô Bien-aimé de ceux qui pleurent, ô Maître de ceux qui s'en remettent, ô Guide de ceux qui se sont égarés, ô Tuteur des croyants, ô Ami intime de ceux qui L'évoquent, ô Effroi de ceux qui sont opprimés, ô Confident des sincères, ô le plus Puissant des puissants, ô le plus Savant des savants, ô Dieu de toute la création !*

يَا مَنْ عَلَا فَفَهَرَ يَا مَنْ مَلَكَ فَفَدَرَ يَا مَنْ بَطَنَ فَحَبَرَ يَا مَنْ عَيْدَ فَشَكَرَ يَا مَنْ عُصِيَ فَعَغَرَ يَا  
مَنْ لَا تَحْوِيهِ الْفِكْرُ يَا مَنْ لَا يُدْرِكُهُ بَصَرٌ يَا مَنْ لَا يَخْفَى عَلَيْهِ أَثَرٌ يَا رَازِقَ الْبَشَرِ يَا مُقَدِّرَ  
كُلِّ قَدَرٍ

88

O ry Ilay Misandraatra ambony dia ambony, ary manjaka!  
O ry Ilay Manana, ary mamoaka didy amin'izany!  
O ry Ilay Miafina tsy hitamaso nefa Mahafantatra ny rehetra!  
O ry Ilay rehefa tompoina dia Mankasitraka izany!  
O ry Ilay rehefa tsy notoavina nefa mbola mamela heloka!  
O ry Ilay tsy takatry ny fisaintsainana!  
O ry Ilay tsy hitamaso!  
O ry Ilay mahalala ny zavatra rehetra!  
O ry Ilay Mamatsy ireo zanak'olombelona!  
O ry Ilay nanome fatra ny didy rehetra!

*Ô Celui qui s'est élevé et a donc dominé, ô Celui qui a possédé et a donc décrété, ô Celui qui est au fond [des choses] et est donc informé, ô Celui qui a été adoré et a donc remercié, ô Celui qui a été désobéi et a donc pardonné, ô Celui qu'aucune pensée ne saisit, ô Celui qu'aucun regarde n'atteint, ô Celui à qui aucune trace n'échappe, ô Celui qui pourvoit [aux moyens de subsistance] de l'humanité, ô Celui qui a donné la mesure à toute valeur !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ يَا حَافِظُ يَا بَارِئُ يَا ذَارِئُ يَا بَاذِخُ يَا فَارِجُ يَا فَاتِحُ يَا كَاشِفُ يَا  
ضَامِنُ يَا أَمِيرُ يَا نَاهِي

89

Andriamanitra ô! Tena marina fa izaho dia mangataka amin'ny Anaranao ,

Ô ry Ilay Mpiaro!

Ô ry Ilay Mpahary!

Ô ry Ilay Mpamokatra!

Ô ry Ilay Mpanome sesehena!

Ô ry Ilay Mpanalefaka ny fanaintainana!

Ô ry Ilay Mpandresy!

Ô ry Ilay Mpanaisotra ny sorisory!

Ô ry Ilay Mpiantoka mahatoky indrindra!

Ô ry Ilay Mpandidy!

Ô ry Ilay Mpandrara!

*Mon Dieu, je Te demande par Ton Nom, ô Protecteur, ô Créateur, ô Producteur, ô  
Celui qui donne sans compter, ô Celui qui soulage, ô Conquérant, ô Celui qui  
dissipe, ô Garant, ô Celui qui ordonne, ô Celui qui interdit !*

يَا مَنْ لَا يَعْلَمُ الْغَيْبَ إِلَّا هُوَ يَا مَنْ لَا يَصْرِفُ السُّوءَ إِلَّا هُوَ يَا مَنْ لَا يَخْلُقُ الْخَلْقَ إِلَّا هُوَ يَا  
مَنْ لَا يَغْفِرُ الذَّنْبَ إِلَّا هُوَ يَا مَنْ لَا يُتِمُّ النِّعْمَةَ إِلَّا هُوَ يَا مَنْ لَا يَقْلِبُ الْقُلُوبَ إِلَّا هُوَ يَا مَنْ لَا  
يُدَبِّرُ الْأَمْرَ إِلَّا هُوَ يَا مَنْ لَا يُنَزِّلُ الْغَيْثَ إِلَّا هُوَ يَا مَنْ لَا يَبْسُطُ الرِّزْقَ إِلَّا هُوَ يَا مَنْ لَا  
يُحْيِي الْمَوْتَى إِلَّا هُوَ

90

O ry ilay hany Tokana Mpahalala ny zava-miafina!

O ry ilay hany Tokana Mpanala ny haratsiana!

O ry ilay hany Tokana Mpahary (ny zavatra rehetra)!

O ry ilay hany Tokana Mpamela ny heloka!

O ry ilay hany Tokana Mpameno ny hasoavana!

O ry ilay hany Tokana Mpanitsy ny fo!

O ry ilay hany Tokana Mpandrindra ny zavatra rehetra!

O ry ilay hany Tokana Mampirotsaka ny ranonorana!

O ry ilay hany Tokana Mpanome ny anjaramasoandro!

O ry ilay hany Tokana Mpanangana amin'ny maty!

*Ô Celui qui est le Seul à connaître les mystères, ô Celui qui est le Seul à dissiper le  
Mal, ô Celui qui est le Seul à créer la création, ô Celui qui est le Seul à pardonner  
les péchés, ô Celui qui est le Seul à compéter le bienfait, ô Celui qui est le Seul à  
retourner les cœurs, ô Celui qui est le seul à arranger l'Ordre, ô Celui qui est le*

*Seul à faire descendre la pluie, ô Celui qui est le Seul à étendre les ressources, ô Celui qui est le Seul à donner la vie au mort !*

يا مُعِينِ الضُّعْفَاءِ يا صاحِبَ العُرَبِ يا ناصرَ الأولياءِ يا قاهرَ الأعداءِ يا رافعَ السَّماءِ يا  
أنيسَ الأصفياءِ يا حبيبَ الأتقياءِ يا كَنزَ الفقراءِ يا إلهَ الأغنياءِ يا أكرمَ الكرماءِ

91

- O ry Ilay Mpanampy ireo osa!
- O ry Ilay Mpiaradia amin' ireo mpivahiny!
- O ry Ilay Mpamonjy ireo olona voafidy!
- O ry Ilay Mpandringana ireo fahavalo!
- O ry Ilay Mpanandraatra ny lanitra!
- O ry Ilay Sakaiza mahatokin'ireo olon'ny fahadiovana!
- O ry Ilay Malalan'ireo mpitandrina!
- O ry Ilay Harenan'ireo fadiranovana!
- O ry Ilay Tompo Andriamanitr'ireo mpanana!
- O ry Ilay Malala-tànana indrindra!

*Ô Aide des faibles, ô Compagnon des étrangers, ô Secoureur des élus, ô Dominateur des ennemis, ô Elevateur du ciel, ô Ami intime des purs, ô Bien-Aimé des pieux, ô Trésor des indigent, ô Dieu des riches, ô le plus Généreux des généreux !*

يا كافيًا من كلِّ شيءٍ يا قائمًا على كلِّ شيءٍ يا مَنْ لا يُسبِّهُهُ شيءٌ يا مَنْ لا يَزِيدُ في مُلكِهِ  
شيءٌ يا مَنْ لا يَخْفَى عَلَيْهِ شيءٌ يا مَنْ لا يَنْقُصُ مِنْ خَزَائِنِهِ شيءٌ يا مَنْ لَيْسَ كَمِثْلِهِ شيءٌ  
يا مَنْ لا يَعْرُبُ عَنْ عِلْمِهِ شيءٌ يا مَنْ هُوَ خَبِيرٌ بِكُلِّ شيءٍ يا مَنْ وَسِعَتْ رَحْمَتُهُ كُلَّ شيءٍ

92

- O ry Ilay Ampy tanteraka
- O ry Ilay tsy refesimandidy amin'ny zavatra rehetra!
- O ry Ilay tsy misy tahaka Azy!
- O ry Ilay tsy misy zavatra mampitombo ny Fanjakany!
- O ry Ilay tsy misy zavatra miafina Aminy na inona na inona!
- O ry Ilay tsy misy zavatra izay mampihena ny tahiriny!
- O ry Ilay tsy misy na inona na inona mitovy Aminy!
- O ry Ilay tsy misy zavatra izay tsy fantany!
- O ry Ilay Mahafantatra ny zava-drehetra!
- O ry Ilay Mahenika ny zavatra rehetra ny Famindram-pony!

*Ô Celui qui est immunisé de tout, ô Celui sur lequel se maintient toute chose, ô Celui à qui rien ne ressemble, ô Celui dont rien n'augmente le royaume, ô Celui à*

*qui rien n'est caché, ô Celui aux réserves duquel rien ne se soustrait, ô Celui à qui rien n'est pareil, ô Celui au savoir duquel rien n'échappe, ô Celui qui est bien informé de toute chose, ô Celui dont la Miséricorde comprend toute chose !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ يَا مُكْرِمُ يَا مُطْعِمُ يَا مُنْعِمُ يَا مُعْطِي يَا مُعْنِي يَا مُفْنِي يَا مُنْجِي  
مُحْيِي يَا مُرْضِي يَا مُنْجِي

93

Andrimanitra ô! Tena marina fa izaho dia mangataka aminao amin'ny

Anaranao,

O ry Ilay Fatra mpanaja!

O ry Ilay Mpamatsy!

O ry Ilay Mpizara ny Fahasoavany!

O ry Ilay Mpanome!

O ry Ilay Mpanome ny ampy!

O ry Ilay Mpanome hatrany!

O ry Ilay Mpandringana!

O ry Ilay Mpamelona!

O ry Ilay Mpamalifaly!

O ry Ilay Mpamonjy!

*Mon Dieu, je Te demande, par Ton Nom, ô Celui qui honore, ô Celui qui nourrit, ô celui qui diffuse Ses Bienfaits, ô Celui qui donne, ô Celui qui enrichit, ô Celui qui prodigue, ô Celui qui anéantit, ô Celui qui donne la vie, ô Celui qui est Satisfait, ô Celui qui sauve !*

يَا أَوَّلَ كُلِّ شَيْءٍ وَآخِرَهُ يَا إِلَهَ كُلِّ شَيْءٍ وَمَلِيكُهُ يَا رَبَّ كُلِّ شَيْءٍ وَصَانِعَهُ يَا بَارِيَّ كُلِّ شَيْءٍ وَخَالِقَهُ يَا قَائِضَ كُلِّ شَيْءٍ وَبَاسِطَهُ يَا مُبْدِيَّ كُلِّ شَيْءٍ وَمَعْبِدَهُ يَا مُنْشِئَ كُلِّ شَيْءٍ وَمُقَدِّرَهُ يَا مُكُونَ كُلِّ شَيْءٍ وَمُحَوِّلَهُ يَا مُحْيِيَّ كُلِّ شَيْءٍ وَمُمِيتَهُ يَا خَالِقَ كُلِّ شَيْءٍ وَوَارِثَهُ

94

O ry Ilay Fiandohana sy Fiafaran'ny zavatra rehetra!

O ry Ilay Andriamanitra sy Tompon'ny zavatra rehetra!

O ry Ilay Tompo sy Mpamolavola ny zavatra rehetra!

O ry Ilay Mpanavao sy Mpahary ny zavatra rehetra!

O ry Ilay Mpitazona sy Mpitsinjarazara ny zavatra rehetra!

O ry Ilay Mpanomboka sy Mpamerina indray!

O ry Ilay Foto-pisiana sy Mpanome fatra ny rehetra!

O ry Ilay Mpamboatra sy Mpanova ny zavatra rehetra!

O ry Ilay Mpanome aina sy Mpanaisotra izany amin'ny zavatra rehetra!  
O ry Ilay Mpahary sy mpandova ny zavatra rehetra!

*Ô Premier de toute chose et son Dernier, ô Dieu de toute chose et son Possesseur, ô Seigneur de toute chose et son Façonneur, ô Innovateur de toute chose et son Créateur, ô Celui qui retient toute chose et la répartit, ô Celui qui débute toute chose et qui la recommence, ô Celui qui est à l'origine de toute chose et qui la transforme, ô Celui qui donne la vie à toute chose et qui la lui retire, ô Celui qui crée toute chose et qui l'hérite !*

يَا خَيْرَ ذَاكِرٍ وَمَذْكُورٍ يَا خَيْرَ شَاكِرٍ وَمَشْكُورٍ يَا خَيْرَ حَامِدٍ وَمَحْمُودٍ يَا خَيْرَ شَاهِدٍ وَمَشْهُودٍ  
يَا خَيْرَ دَاعٍ وَمَدْعُوعٍ يَا خَيْرَ مُجِيبٍ وَمُجَابٍ يَا خَيْرَ مُؤَيِّسٍ وَأَنْيَسٍ يَا خَيْرَ صَاحِبٍ وَجَلِيسٍ يَا  
خَيْرَ مَقْصُودٍ وَمَطْلُوبٍ يَا خَيْرَ حَبِيبٍ وَمَحْبُوبٍ

95

O ry Ilay Tsara indrindra amin'izay miantso sy antsoina!  
O ry Ilay Tsara indrindra amin'izay misaotra sy isaorana!  
O ry Ilay Tsara indrindra amin'izay midera sy deraina!  
O ry Ilay Vavolombelona mendrika amin'izay mahita sy hita!  
O ry Ilay Tsara indrindra amin'izay miantso sy antsoina!  
O ry Ilay Tsara indrindra amin'izay mpamaly ny hataka sy angatahana!  
O ry Ilay Tsara indrindra amin'izay miaradia sy iarahana!  
O ry Ilay Tsara indrindra amin'ireo namana aman-tsakaiza!  
O ry Ilay Tsara indrindra amin' zay kendrena sy tadiavina!  
O ry Ilay Tsara indrindra amin'ireo malala sy ireo mahatehotia!

*Ô le Meilleur de celui qui évoque et qui est évoqué, ô le Meilleur de celui qui remercie et qui est remercié, ô le Meilleur de celui qui loue et qui est loué, ô le meilleur Témoin qui voit et qui est vu, ô le Meilleur de celui qui appelle et qui est appelé, ô le Meilleur de celui qui exauce et qui est exaucé, ô le Meilleur de celui qui tient compagnie et à qui on tient compagnie, ô le Meilleur des compagnons et des convives, ô le Meilleur de ce qui est visé et qui est voulu, ô le Meilleur des bien-aimés et des aimables !*

يَا مَنْ هُوَ لِمَنْ دَعَاهُ مُحِبِّبٌ يَا مَنْ هُوَ لِمَنْ اطَاعَهُ حَبِيبٌ يَا مَنْ هُوَ إِلَى مَنْ أَحَبَّهُ قَرِيبٌ يَا  
مَنْ هُوَ يَمَنْ اسْتَحْفَظَهُ رَقِيبٌ يَا مَنْ هُوَ يَمَنْ رَجَاهُ كَرِيمٌ يَا مَنْ هُوَ يَمَنْ عَصَاهُ حَلِيمٌ يَا مَنْ  
هُوَ فِي عَظَمَتِهِ رَحِيمٌ يَا مَنْ هُوَ فِي حِكْمَتِهِ عَظِيمٌ يَا مَنْ هُوَ فِي إِحْسَانِهِ قَدِيمٌ يَا مَنْ هُوَ يَمَنْ  
أَرَادَهُ عَلِيمٌ

96

O ry Ilay Mpamaly izay miantso Azy!



O ry Ilay Malalan'izay mankato Azy!  
 O ry Ilay Akaiky indrindra an'izay mitia Azy!  
 O ry Ilay Mpiambina an'izay mangataka fiarovana Aminy!  
 O ry Ilay Malala-tànana amin'ireo izay manantena Azy!  
 O ry Ilay Be fangorahana amin'ireo izay tsy mankato Azy!  
 O ry Ilay Be indrafo na dia manampahefana feno aza lzy!  
 O ry Ilay Faran-tampony amin'ny Fahendreny!  
 O ry Ilay Mandrakizay amin'ny Famindram-pony!  
 O ry Ilay mahafantatra tsara indrindra izay mitady Azy!

*Ô Celui qui exauce celui qui L'a appelé, ô Bien-Aimé de celui qui Lui a obéi, ô Proche de celui qui L'a aimé, ô Garde de Celui qui Lui a demandé protection, ô Généreux pour celui qui L'a supplié, ô Plein de Mansuétude pour celui qui Lui a désobéi, ô Très-Miséricordieux dans Sa Magnificence, ô Sublime dans Sa Sagesse, ô Eternel dans Sa Bonté, ô Bien-Informé de celui qui Le veut !*

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ يَا مُسَبِّبُ يَا مُرَعِّبُ يَا مُعَلِّبُ يَا مُعَوِّبُ يَا مُرْتَبِّبُ يَا مُخَوِّفُ يَا مُحَدِّثُ  
 يَا مُدَكِّرُ يَا مُسَخِّرُ يَا مُعَيِّرُ

97

Andriamanitra o! Tena marina fa izaho dia mangataka Aminao amin'ny Anaranao,

O ry Ilay Foto-pisian'ny zavatra rehetra!  
 O ry Ilay Fototry ny faniriana!  
 O ry Ilay Mpanovan'ny fo!  
 O ry Ilay Mampanaraka!  
 O ry Ilay Mpandrindra!  
 O ry Ilay Mpampatahotra!  
 O ry Ilay Mpampitandrina!  
 O ry Ilay Mpampatsiahy!  
 O ry Ilay Mpanery!  
 O ry Ilay Mpanova!

*Mon Dieu, je te demande, par Ton Nom, ô Celui qui est la Cause [De toute chose], ô Celui qui fait suite, ô Celui qui organise, ô Celui qui effraie, ô Celui qui prévient, ô Celui qui rappelle, ô Celui qui assujettit, ô Celui qui modifie !*

يَا مَنْ عَلَّمَهُ سَابِقٍ يَا مَنْ وَعَدَهُ صَادِقٍ يَا مَنْ لَطَّفَهُ ظَاهِرٍ يَا مَنْ أَمَرَهُ غَالِبٍ يَا مَنْ كَتَبَهُ  
 مُحَكَّمٍ يَا مَنْ قَضَاؤُهُ كَاتِنٌ يَا مَنْ قُرْآنُهُ مَجِيدٌ يَا مَنْ مُلْكُهُ قَدِيمٌ يَا مَنْ فَضْلُهُ عَمِيمٌ يَا مَنْ  
 عَرَشُهُ عَظِيمٌ

98

- O ry Ilay ny fahalalany dia nialoha làlana!
- O ry Ilay ny fampanantenany dia marina mandrakariva!
- O ry Ilay ny hamoram-pony dia hita soritra ety ivelany!
- O ry Ilay ny didiny dia mandresy!
- O ry Ilay ny bokiny dia mazava!
- O ry Ilay ny lalàny dia toavina!
- O ry Ilay ny Kor'aniny dia be voninahitra!
- O ry Ilay ny fanjakany dia mandrakizay!
- O ry Ilay ny tombotsoa omeny dia mahafaoka ny zava-drehetra!
- O ry Ilay ny Seza fiandrianany dia lehibe tokoa!

*Ô Celui dont le Savoir précède, ô Celui dont la Promesse est véridique, ô Celui dont la subtilité est apparente, ô Celui dont l'Ordre est victorieux, ô Celui dont le Livre est clair, ô Celui dont le Décret Arrêté est, ô Celui dont le Coran est glorieux, ô Celui dont la Possession est éternelle, ô Celui dont la Faveur est générale, ô Celui dont le Trône est grandiose !*

يَا مَنْ لَا يَسْتَعْلَهُ سَمْعٌ عَنْ سَمْعٍ يَا مَنْ لَا يَمْنَعُهُ فِعْلٌ عَنْ فِعْلٍ يَا مَنْ لَا يُلْهِيهُ قَوْلٌ عَنْ قَوْلٍ يَا مَنْ لَا يُعْطِطُهُ سُؤَالٌ عَنْ سُؤَالٍ يَا مَنْ لَا يَحْجُبُهُ شَيْءٌ عَنْ شَيْءٍ يَا مَنْ لَا يُبْرِمُهُ الْحَاحُ الْمُلْحِحِينَ يَا مَنْ هُوَ غَايَةُ مُرَادِ الْمُرِيدِينَ يَا مَنْ هُوَ مُنْتَهَى هِمَمِ الْعَارِفِينَ يَا مَنْ هُوَ مُنْتَهَى طَلَبِ الطَّالِبِينَ يَا مَنْ لَا يَخْفَى عَلَيْهِ دَرَّةٌ فِي الْعَالَمِينَ

99

- O ry Ilay tsy voasakan'ny fihainoana ny anankiray ny fihainoany ny hafa!
- O ry Ilay tsy voasakan'ny asa iray ny fanaovany asa hafa!
- O ry Ilay tsy voasembatsemban'ny teny iray ny fihainony ny tenin'ny hafa!
- O ry Ilay tsy tafalatsaka anaty hadisoana noho ny fanontaniana na dia eo aza ny fanontaniana hafa!
- O ry Ilay tsy misy zavatra miafina Aminy na inona na inona!
- O ry Ilay tsy mba mety voasorisorin'ny hataka ataon'ireo mpitaraina Aminy fatratra!
- O ry Ilay tanjon'ny fanirian'ireo manam-paniriana Azy!
- O ry Ilay farantampon'ny volavolan-kevitr'ireo olo-mahay!
- O ry Ilay fiafaran'ny fangatahan'ireo mpangataka rehetra!
- O ry Ilay tsy misy miafina Aminy, eny fa na dia faran'ny bitika indrindra aza!

*Ô Celui qu'une écoute n'empêche pas une autre écoute, ô Celui qu'un acte n'empêche pas d'en faire un autre, ô Celui qu'un propos ne distraît pas d'un autre, ô Celui qu'une réponse ne trompe pas eux dépens d'une autre, ô Celui que rien ne voile (d'autre chose), ô Celui que l'insistance de ceux qui insistent n'ennuie pas, ô*

*Celui qui est le But des désirs de ceux qui désirent, ô Celui qui est le Summum des résolutions des gnostiques, ô Celui qui est l'Aboutissement des demandes des solliciteurs, ô Celui à qui aucun atome dans les mondes n'échappe !*

يَا حَلِيمًا لَا يَعْجَلُ يَا جَوَادًا لَا يَبْخُلُ يَا صَادِقًا لَا يُخْلِفُ يَا وَهَّابًا لَا يَمَلُّ يَا قَاهِرًا لَا يُغْلَبُ يَا  
عَظِيمًا لَا يُوصَفُ يَا عَدْلًا لَا يَحِيفُ يَا عَدِيًّا لَا يَقْتَرُ يَا كَبِيرًا لَا يَصْغُرُ يَا حَافِظًا لَا يُعْفَلُ  
سُبْحَانَكَ يَا لَا إِلَهَ إِلَّا أَنْتَ الْعَوْتُ الْعَوْتُ خَلَصْنَا مِنَ النَّارِ يَا رَبَّ

100

- O ry Ilay Be hamoram-po izay tsy maimaika!
- O ry Ilay Be halalahan-tanana izay tsy kahihitra!
- O ry Ilay Marina mandrakariva izay tsy mivadika amin'ny teny nomeny!
- O ry Ilay Mpanome mandrakariva izay tsy mety reraka!
- O ry Ilay Mpanjaka izay tsy mety resy!
- O ry Ilay Avo indrindra izay tsy voafari-toetra!
- O ry Ilay Marina izay tsy manimba ny tombotsoan'olona!
- O ry Ilay Mpanankarena izay tsy mety mahantra!
- O ry Ilay Lehibe indrindra izay tsy mihena!
- O ry Ilay Mpiaro izay tsy manao tsirambina!

«Dera ho anao! Ô ry Ilay tsy misy tompo Andriamanitra hafa ankoatra Anao, vonjeo aho! Vonjeo aho! Arovy amin'ny afobe izahay ry Tompo Andriamanitra!».

*Ô Plein de Mansuétude qui ne se précipite pas, ô Plein de Largesse qui n'est pas avare, ô Sincère qui ne manque pas [à Sa Parole], ô Celui qui ne cesse de donner et qui ne se lasse pas, ô Impérieux qui n'est pas vaincu, ô Sublime qui n'est pas qualifié, ô Justice qui ne lèse pas, ô Riche qui ne s'appauvrit pas, ô Très Grand qui ne diminue pas, ô Protecteur qui n'est pas négligent !*

*Gloire à Toi, ô Point de divinité autre que Toi, au secours, au secours, au secours, sauve-nous du Feu, ô Seigneur !*

« ALLAHOMMA SOALLI A'LA MOHAMMADIN OA AALI MOHAMMAD »

« ANDRIAMANITRA Ô! TAHIO I MOHAMMAD SY NY TARANANY »

*Seigneur ! Prie sur Mohammed et sur sa famille*

## دعاء الإفطار

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

اللَّهُمَّ لَكَ صُمْتُ، وَعَلَى رِزْقِكَ أَفْطَرْتُ، وَعَلَيْكَ تَوَكَّلْتُ،

### FANGATAHANA - DOUA' IFTAR

AMIN'NY ANARAN'ANDRIAMANITRA, ILAY BE FIANTRANA, ILAY BE  
INDRAFO

Tompo ô! Ho Anao no hanaovako ny fifehezako, ary amin'ny sakafo nomenao no hanaovako ny fanapahana ny fifehezako, ary lanao no hiantetherako.

*L'invocation de la rupture du jeûne :*

*Au nom de Dieu Tout- Miséricordieux, le Très-Miséricordieux*

*Mon Dieu, pour Toi j'ai jeûné, avec Ta nourriture j'ai rompu le jeûne et c'est sur Toi que j'ai compté !*

### Doah Makârim al Akhlâq

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

Amin'ny anaran'Andriamanitra ilay Be Fiantrana ilay Be Famindram-po,

**Au nom de Dieu Tout- Miséricordieux, le Très-Miséricordieux**

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَبَلِّغْ بِإِيمَانِي أَكْمَلَ الْإِيمَانِ وَاجْعَلْ يَقِينِي أَفْضَلَ الْيَقِينِ وَأَنْتَهُ  
بِنَيْتِي إِلَى أَحْسَنِ النَّيَّاتِ، وَيَعْمَلِي إِلَى أَحْسَنِ الْأَعْمَالِ

-Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary ataovy mahatratra ny fahafenoana lavorary indrindra ny finoako, ary ataovy ny finoako no

finoana tsara indrindra, ary ny fikasako no fikasana tsara indrindra, ary ny fitondran-tenako no asa soa tsara indrindra

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, fais atteindre ma foi la plus parfait des fois, rends ma certitudes, fais aboutir mon intention à la meilleure des intentions, mon action à la meilleure des action.*

اللَّهُمَّ وَقِّرْ بِلُطْفِكَ نِيَّتِي وَصَحِّحْ بِمَا عِنْدَكَ يَقِينِي وَأَسْتَصْلِحْ بِقُدْرَتِكَ مَا فَسَدَ مِنِّي

- Tompo ô! hatsarao amin'ny alalan'ny fahasoavana avy aminao ny fikasako, ary ahitsiho amin'izay misy any Aminao ny finoako, ary hamarino amin'ny alalan'ny Herinao izay zavatra tsy mety ao amiko

*Mon Dieu, parfaits mon intention par Ta Grâce, rectifie ma certitude par ce qui est corrompu en moi par Ton Pouvoir.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَأَكْفِنِي مَا يَشْغَلُنِي الْإِهْتِمَامُ بِهَا سَتَعْمَلُنِي بِمَا تَسْأَلُنِي غَدًا عَنْهُ  
وَأَسْتَفْرَحْ أَيَّامِي فِيمَا خَلَقْتَنِي لَهُ

-Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary ataovy tsy miraharaha ireo zavatra izay mahavariana ahy amin'ny fanompoana Anao aho,  
-ary ataovy mahatanteraka ireo zavatra izay ho anontaniana ahy rahampitso , ary enganie ny androko rehetra mba hanatanterahako ireo zavatra izay antony naharianao ahy,

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, suffis-moi dans ce qui occupe toute mon attention, emploie-moi à propos desquelles Tu m'interrogeras demain, consacre mes jours à ce pour quoi Tu m'as créé,*

وَأَغْنِنِي وَأَوْسِعْ عَلَيَّ فِي رِزْقِكَ وَلَا تَقْبَلْنِي بِالنُّظْرَةِ عِزِّي وَلَا تَبْلِيْنِي بِالْكِبَرِ

-Omeo ny ampy aho, ary ampitombo ny anjarako amin'ireo fahasoavana avy Aminao, ka aza avelanao ho tratry ny fakam-panahy amin'izany aho ka hisehoseho,  
ataovy mendri-kaja aho nefa aza hatao tafalatsaka amin'ny fanambonian-tena,

*Enrichis-moi, étends sur moi Tes Ressources et ne m'éprouve pas par l'ingratitude honore-moi et ne me mets pas à l'épreuve de l'arrogance,*

وَعَبْدُنِي لَكَ وَلَا تُفْسِدْ عِبَادَتِي بِالْعُجْبِ وَأَجْرٌ لِلنَّاسِ عَلَى يَدَيَّ الْخَيْرَ وَلَا تَمَحِّقْهُ بِالْمَنِّ

-ataovy manoka-tena amin'ny fanompoana Anao aho, ary enganie ny fanompoako mba tsy ho simba noho ny fireharehana, ary aoka ny tanako mba hanao ny tsara amin'ny olona, ary izany asa soa izany dia mba tsy ho simba noho ny fampahatsiarovana ataoko amin'izy ireo mikasika izany,

*Asservis-moi et ne laisse pas corrompre mon adoration à Ton égard par la fatuité, mets-moi en permanence au bon service des gens et ne le fais pas s'annuler par le rappel du bienfait*

وَهَبْ لِي مَعَالِي الْأَخْلَاقِ وَأَعْصِمْنِي مِنَ الْفَخْرِ

-omeo toetra ambony aho ary harovy amin'ny fireharehana.

*Accorde-moi une morale sublime et préserve-moi de la vantardise*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَلَا تَرْفَعْنِي فِي النَّاسِ دَرَجَةً إِلَّا حَطَطْتَنِي عِنْدَ نَفْسِي مِثْلَهَا وَلَا تُحَدِّثْ لِي عِزًّا ظَاهِرًا إِلَّا أُحَدِّثْتُ لِي ذُلَّةً بَاطِنَةً عِنْدَ نَفْسِي يَقْدِرُهَا

-Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary aza hampiakarina amin'ny toerana ambony aho avy eo dia hampidinina voninahitra indray eo anatrehan'ny hafa eo imasoko, ary aza homena voninahitra ety ivelany aho ka tsy misy toetra manetri-tena mitovy amin'izany ao anatiko

*Mon Dieu, prie sur Mohammed et sur sa famille, ne m'élève pas d'un degré auprès des gens sans m'abaisser d'un degré semblable en moi-même, ne m'accorde pas une gloire apparente sans susciter en moi-même une humilité intérieure d'une égale valeur*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ وَمَنْعَنِي بِهَدْيِ صَالِحٍ لَا أَسْتَبْدِلُ بِهِ، وَطَرِيقَةً حَقًّا لَا أُرِيغُ عَنْهَا، نَبِيَّةَ رَشْدٍ لَا أَسْتَكُ فِيهَا

- Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary tariho amin'ny lalana mahitsy aho izay tsy hovaiko amin'ny lalana hafa, ary amin'ny lalana marina izay tsy hiviliko, ary koa fikasana mahitsy izay tsy misy isalasalana

*Mon Dieu, prie sur Mohammed et sur la famille de Mohammed, fais-moi jouir d'une juste direction que je ne substituerai pas, d'une voie droite dont je ne dévierai pas, et d'une intention bien juste dont je ne douterai pas*

وَعَمَّرْنِي مَا كَانَ عُمْرِي بِدَلَّةٍ فِي طَاعَتِكَ، فَإِذَا كَانَ عُمْرِي مَرْتَعًا لِلشَّيْطَانِ فَأَقْبِضْنِي إِلَيْكَ،  
قَبْلَ أَنْ يَسْبِقَ مَقْنَكَ إِلَيَّ، أَوْ يَسْتَحْكِمَ عَضْبَكَ عَلَيَّ

-omeo alalana aho mba hanana fotoana iainana maharitra izay hatokako ho amin'ny fanompoana Anao, nefa raha ohatra ka lasa hanjakan'ny devoly ny fotoana iainako dia ampahatsiarovy ho any aminao aho alohan'ny hiharan'ny fanasazianao ahy, na alohan'ny ahatongavan'ny fahatezeranao amiko.

*Laisse-moi vivre aussi longtemps que ma vie sera vouée à l'obéissance envers Toi, et si ma vie devenait un foyer pour Satan, alors rappelle-moi auprès de Toi avant que Ton Abomination ne m'atteigne ou que Ta colère ne s'abatte sur moi.*

اللَّهُمَّ لَا تَدْعُ خَصْلَةَ تُعَابٍ مِنِّي إِلَّا أَصْلَحْتُهَا وَلَا عَانِيَةَ أَوْتُبُ بِهَا إِلَّا حَسَنْتُهَا، وَلَا أَكْرُومَةَ  
فِي نَاقِصَةٍ إِلَّا أَنْمَمْتُهَا

-Tompo ô! aza avelanao hanana fahazarana ratsy aho ka tsy nahitsinao, na lesoka ka tsy nareninao, na ihany koa toetra tsara misy fahabangana ka tsy nofenoinao,

*Mon Dieu, ne laisse pas en moi un trait honteux sans le réformer, ni un défaut blâmable sans le corriger, ni une morale incomplète sans la parachever.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ وَأَبْدِلْنِي مِنْ بَعْضَةِ أَهْلِ الشَّنَانِ الْمَحَبَّةِ وَمِنْ حَسَدِ أَهْلِ  
الْبَغْيِ الْمَوَدَّةَ، وَمِنْ ظَنَّةِ أَهْلِ الصَّلَاحِ النُّقَّةَ، وَمِنْ عَدَاوَةِ الْأَدْنِيِّينَ الْوِلَايَةَ، وَمِنْ عَفْوَكَ  
ذَوِي الْأَرْحَامِ الْمَبْرَّةَ، وَمِنْ خَدْلَانِ الْأَقْرَبِيِّينَ النُّصْرَةَ، وَمِنْ حُبِّ الْمُدَارِينِ تَصْحِيحَ الْمَقَّةِ،  
وَمِنْ رَدِّ الْمَلَابِسِينَ كَرَمِ الْعِشْرَةِ، وَمِنْ مَرَارَةِ حَوْفِ الظَّالِمِينَ حَلَاوَةَ الْأَمْنَةِ

-Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary soloy fitiavana ny fankahalan'ireo olona mpifandrafy amiko, sy ny fialonan'ireo olona mpikomy,  
ary soloy fahatokisana ny fisalasalana natao tamin'ireo olo-marina, ary soloy firahalohana ny fifandrafiana natao tamin'ireo havana akaiky, ary soloy halemem-panahy ny tsy fankatoavana natao tamin'ireo havana akaiky, ary soloina fanampiana ny tsy fitiavana ireo havana tena akaiky,

ary soloina fanajana feno fahadiovam-po ny fitiavana tia doka , ary ny fanariana ireo mpikambana amin'ny fitondran-tena mendrika, ary soloy amin'ny fahatonian'ny fahandriam-pahalemana ny ngidin'ny fatahorana ireo mpanao tsindry hazo lena,

*Mon Dieu, prie sur Mohammed et sur sa famille, remplace l'animosité des gens vindicatifs à mon égard par l'amour, La jalousie des gens qui convoitent par l'amitié, la suspicion des gens de bonne conduite par la confiance, l'inimitié des parents les plus proches par l'attachement, L'ingratitude des consanguins par la bienfaisance, la défection des proches par l'assistance, l'amour des flatteurs par la correction du tendre ami, La répulsion de ceux qui me fréquentent par le noble commerce, l'amertume de la peur des oppresseurs par la douceur de la sécurité.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَاجْعَلْ لِي يَدًا عَلَى مَنْ ظَلَمَنِي، وَلِسَانًا عَلَى مَنْ  
خَاصَمَنِي، ظَفْرًا يَمُنُّ عَائِدَنِي

-Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary homeo hery aho hanoherako ireo nanao ny tsy rariny tamiko, ary koa fonja-kevitra amin'ireo mifamaly amiko, sy fandresena amin'ireo manana fikasana ratsy amiko

*Mon Dieu, prie sur Mohammed et sur sa famille, assure-moi une force contre celui qui m'a opprimé, un argument contre celui qui m'a cherché querelle, une victoire sur celui qui s'est entêté contre moi,*

وَهَبْ لِي مَكْرًا عَلَى مَنْ كَايَدَنِي، وَقُدْرَةً عَلَى مَنْ اضْطَهَدَنِي، وَتَكْذِيبًا لِمَنْ قَصَبَنِي،  
وَسَلَامَةً مِّمَّنْ تَوَعَّدَنِي

- Omeo tetika aho hanoherako ireo namitaka ahy, ary omeo hery aho amin'ireo manenjika ahy, ary homeo fahafahana aho handà izay fanendrikendrehana hatao amiko, ary fiarovana amin'izay mampitahotra ahy,

*Octroie moi un stratagème contre celui qui m'a trompe un pouvoir sur celui qui m'a persécuteur démenti contre celui qui m'a incriminé à tort ,un salut contre celui qui m'a menacé,*

وَوَفَّقْنِي لِبِطَاعَةِ مَنْ سَدَّدَنِي، وَمُتَابَعَةِ مَنْ أُرْشَدَنِي

- Ary tahio aho mba hankato izay mitari-dalana ahy amin'ny lalana mahitsy sy mba hanaraka izay manoro-lalana ahy



*Fais –moi parvenir obéir à celui qui m'a dirige sur le droit chemin et à suivre celui qui m'a guidé dans la bonne voie.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَسَدِّدْنِي لِأَنْ أَعَارِضَ مَنْ عَشَّنِي بِالنُّصْحِ، وَأَجْزِي مَنْ  
هَجَرَنِي بِالْبَيْرِ، وَأَثِيبَ مَنْ حَرَمَنِي بِالْبَيْدَلِ، وَأَكْفِئَ مَنْ قَطَعَنِي بِالصَّلَاةِ، وَأَخَالِفَ مَنْ  
اعْتَابَنِي إِلَى حُسْنِ الذُّكْرِ، وَأَنْ أَشْكُرَ الْحَسَنَةَ، وَأَعْضِي عَنِ السَّيِّئَةِ

-Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary toroy lalana aho mba hahafahako manome toro-hevitra tsara izay manome toro-hevitra ratsy ahy, ary hanome valisoa amin'ny alalan'ny hatsarana izay tsy niraharaha ahy, ary ho tsara fanahy amin'izay tsy nanome ahy, ary hanohy ny fifandraisana amin'izay nanapaka fihavanana tamiko, ary tsy hiraharaha izay mifosa ahy mba hanatsarany ny tenany, ary hampiseho fankasitrahana amin'ireo asa soa rehetra, sy hanakipy ny maso amin'ireo asa ratsy

*Mon Dieu ,prie sur Mohammd et sur sa famille, fais moi réussir à conseiller celui qui m'a dupé, à rétribuer par la bonté celui qui m'a délaissé, à récompenser par la générosité celui qui m'a privé, à compenser celui qui s'est séparé de moi en établissant des liens avec lui, à contrecarrer celui qui a médité sur moi, en disant du bien de lui, à faire preuve de gratitude pour tout bienfait[dont j'ai fait l'objet], à fermer les yeux sur toute malfaisance[dont j'ai été victime].*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَحَلِّئِي بِحَلِيَّةِ الصَّالِحِينَ وَالْبِسْنِي زِينَةَ الْمُتَّقِينَ فِي بَسْطِ الْعَدْلِ  
وَكَظْمِ الْغَيْظِ وَإِطْفَاءِ النَّارِةِ وَصَمِّ أَهْلَ الْفُرْقَةِ وَإِصْلَاحِ ذَاتِ الْبَيْنِ إِفْشَاءَ الْعَارِفَةِ وَسَثْرِ  
الْعَانِيَةِ وَلِينِ الْعَرِيكَةِ وَخَفْضِ الْجَنَاحِ وَحُسْنِ السَّيْرِةِ وَسُكُونِ الرِّيحِ وَطِيبِ الْمُخَالَفَةِ  
وَالسَّبْقِ إِلَى الْقَضِيَّةِ وَإِبْتِارِ النَّقْضِ وَتَرْكِ النَّعْيِ وَالْإِفْضَالِ عَلَى غَيْرِ الْمُسْتَحَقِّ وَالْقَوْلِ  
بِالْحَقِّ وَإِنْ عَزَّ وَاسْتِقْلَالَ الْخَيْرِ وَإِنْ كَثُرَ مِنْ قَوْلِي وَفِعْلِي اسْتِخْتَارَ الشَّرَّ وَإِنْ قَلَّ مِنْ  
قَوْلِي وَفِعْلِي

- Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary ampitafiho ny fitafin'ireo olo-mendrika aho, ary ampiaingohy amin'ny haingon'ireo tia vavaka amin'ny fampanjakako ny fahamarinana, amin'ny fitazomana ny hatezerana, amin'ny famonoana ny afon'ny hetaheta ratsy, ary amin'ny fampitambarana ireo olona misaratsaraka, sy ny fampihavanana ny olona, ary koa ny fampielezana ireo asa soa hataon'izy ireo, sy ny fanakonana ireo lesoka, ary koa mba hanome ahy toetra malefaka, sy be fanetre-tena ary tsara fitondran-tena, sy feno hatoniana ka ahatonga ahy ho tsara hifandraisana,

handroso amin'ny hatsarana, hazoto amin'ny fanompoana, ary hizaka ny tsiny ka hampiseho hatsarana amin'ireo olona tsy mendrika, hiteny ny marina na dia sarotra aza izany, tsy hiraharaha ireo asa soa nataoko, na amin'ny alalan'ny asa izany na amin'ny alalan'ny teny, na dia mihamaro aza ny asa ratsy, amin'ny alalan'ny asa sy ny teny, ary na dia tsy misy dikany aza izany,

*Mon Dieu ,prie sur Mohammad et sur sa famille ,pare-moi de la parure des (gens) saints, revêts-moi de l'ornement des (gens) pieux, en répandant la justice ,en retenant la colère, en éteignant les feux de l'inimité, en regroupant les gens désunissent résolvant les discordes, en diffusant les bienfaits, en dissimulant les défauts ,en ayant un naturel doux, une attitude, une paisible quiétude, une compagnie agréable, en devantant [les autres]vers la vertu, en choisissant de préférence la prévenance, en abandonnant les reproches et les bonnes grâces envers ceux qui ne les méritent pas, en disant la vérité même si elle est difficile,(et en taisant le faux même s'il est utile),en minimisant le bien de mes paroles et de mes actes même s'il est important,(en amplifiant le mal de mes paroles et de mes actes même s'il est insignifiant),*

وَأَحْمِلْ ذَلِكَ لِي يَا دَيُّوَامَ الطَّاعَةِ، وَلِزُومِ الْجَمَاعَةِ، وَرَقُصِ أَهْلَ الْيَدِيعِ، وَمُسْتَعْمِلِي الرَّأْيِ  
الْمُخْتَرَعِ

Tanteraho feno izany fikasana tsara ao amiko izany amin'ny alalan'ny fankatoavako Anao lalandava sy mba hifandraisako amin'ny fikambanan'ireo mpino, sy mba handavana ireo mpamorona zava-baovao amin'ny finoana, sy ireo mpitondra hevitra noforonina.

*Perfectionne cela pour moi par la constance dans l'obéissance a Toi, par l'adhérence à la communauté et le refus des hérétiques et des tenants des avis inventés.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَاجْعَلْ أَوْسَعَ رِزْقِكَ عَلَيَّ إِذَا كَبُرْتُ، وَأَقْوَى قُوَّتِكَ فِيَّ إِذَا  
نُصِبْتُ

- Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, omeo amin'ny fahasoavanao lehibe aho amin'ny fotoana izay ahatratarako ny fahanterana,omeo hery amin'ny alalan'ny Herinao amin'ny fotoana izay mampalemy ahy,

*Mon Dieu ,prie sur Mohammad et sur sa famille ,accorde moi Ta subsistance la plus abondance lorsque j'aurai vieilliit force la plus grande quand je serai fatigué*

وَلَا تَبْتَلِينِي بِالْكَسَلِ عَنْ عِبَادَتِكَ، وَلَا الْعَمَىٰ عَنْ سَبِيلِكَ، وَلَا بِالْتَّعَرُّضِ لِخِلَافِ مَحَبَّتِكَ، وَلَا  
مُجَامَعَةٍ مِنْ تَفَرُّقِ عَنكَ، وَلَا مُقَارَفَةٍ مِنْ اجْتِمَاعِ إِلَيْكَ

-Ary aza avelanao ho resin'ny hakamohana aho izay manakana ahy amin'ny fanompoana Anao, na ho jamba eo anatrehan'ny lalana mankany Aminao, na hanamoramora manoloana ireo zavatra mifanohitra amin'ny Tianao, na hiaraka amin'ireo nisitaka Taminao, na hanalavitra ireo izay manatona Anao.

*ne m'éprouve pas par la paresse[qui m'empêcherait]de T'adorer ,ni par l'aveuglement[qui m'égarait] de Ta voie ,ni par l'exposition à ce qui est contraire à Ton Amour ,ni par la compagnie de celui qui s'est séparé de Toi, ni par la séparation de celui qui s'est joint à Toi.*

اللَّهُمَّ اجْعَلْنِي أَصُولُ بِكَ عِنْدَ الضَّرُورَةِ، وَأَسْأَلُكَ عِنْدَ الْحَاجَةِ، وَأَتَضَرَّعُ إِلَيْكَ عِنْدَ الْمَسْكِنَةِ  
وَلَا تَقْتِنِي بِالِاسْتِعَانَةِ بِغَيْرِكَ إِذَا اضْطَرَّرْتُ، وَلَا بِالْخُضُوعِ لِسُؤَالِ غَيْرِكَ إِذَا افْتَقَرْتُ، وَلَا  
بِالنُّضْرُوعِ إِلَى مَنْ دُونِكَ إِذَا رَهَيْتُ فَاسْتَحَقُّ بِدَلِّكَ خِدْلَانِكَ وَمَنْعَكَ وَإِعْرَاضِكَ يَا أَرْحَمَ  
الرَّاحِمِينَ

-Tompo ô! avelao aho mba haka hery aminao amin'ny fotoana izay tsy maintsy ilaina izany, sy mba hanampy ahy amin'ny fotoana tena ilaiko izany fanampiana izany, sy mba hitalaho aminao amin'ny fotoana tsy hananana

- Aza avelanao ho azon'ny fakam-panahy hangataka famonjena amin'ny hafa ankoatranao aho amin'ny fotoana izay mampahory ahy, na ihany koa hiondrika hangataka amin'ny hafa ankoatranao mba hila fanampiana aminy amin'ny fotoana izay mahatafalatsaka ahy amin'ny fahantrana, na ihany koa hangataka amin'ny hafa ankoatranao rehefa matahotra, ka hahatonga ahy hialanao, sy holavinao, ary tsy ho raharahainao, ô r'ilay be indrafo indrindra amin'ireo mpamindra fo.

*Mon Dieu, fais que je combatte (avec fougue) par Toi en cas de nécessité, que je Te sollicite en cas de besoin, que je T'implore en cas de pauvreté, Et ne m'induis pas en erreur [en laissant] demander de l'aide à autre que Toi si je suis dans la nécessité, me résigner à solliciter autre que Toi si je m'appauvris, et supplier autre que Toi si je suis effrayé, ainsi j'encourrais Ton Abandon, Ton Refus, Ton Rejet, ô le pus Miséricordieux des miséricordieux.*

اللَّهُمَّ اجْعَلْ مَا يُلْقِي الشَّيْطَانُ فِي رَوْعِي مِنَ النَّمْنِيِّ وَالنَّظْمِيِّ وَالْحَسْبِ ذِكْرًا لِعَظَمَتِكَ،  
وَتَفَكُّرًا فِي قُدْرَتِكَ، وَتَدْبِيرًا عَلَى عَدُوِّكَ وَمَا أُجْرَى عَلَى لِسَانِي مِنْ لَقْظَةٍ فَحَشْ أَوْ هَجْرٍ  
أَوْ شَتْمٍ عَرَضٍ أَوْ شَهَادَةٍ بَاطِلٍ أَوْ اِعْتِيَابٍ مُؤْمِنٍ غَائِبٍ أَوْ سَبِّ حَاضِرٍ أَوْ مَا أَشْبَهَ ذَلِكَ،  
نُطْقًا بِالْحَمْدِ لَكَ وَإِعْرَاقًا فِي النِّسَاءِ عَلَيْكَ وَذُهَابًا فِي تَمْجِيدِكَ وَشُكْرًا لِنِعْمَتِكَ وَاعْتِرَافًا  
بِإِحْسَانِكَ وَإِحْصَاءًا لِمِنَّتِكَ

-Tompo ô! aoka izay zavatra ampidirin'ny Satana amin'ny foko amin'ny fitsiriritana sy ny ahiahy ary ny fialonana dia fomba iray ahatsiarovako ny halehibenao, sy hieritretako ny fahefanao, ary hiomanako amin'ny fomba hialako amin'ny fahavalonao; ary ny teny tsy mendrika navaokan'ny lelako, amin'ireo teny maloto, sy teny feno hadalana, faniratsirana ny voninahitry ny hafa, ny fijoroana vavolombelona amin'ny zavatra diso, ny fifosana mpino amin'ny tsy maha-eo aza, ny fanopana olona, sy izay mitovy amin'izany, dia enganie mba ho lasa teny fiderana sy lahateny fiderana eo anatrehanao ary fandehanana mankany amin'ny voninahitrao sy fisaorana ary fankasitrahana ny fahasoavana avy aminao, ary filazana ny tombom-pahasoavana avy aminao.

*Mon Dieu ,fais que tout ce que Satan introduit dans mon cœur en vie, en suspicion et en jalousie, soit [une occasion pour ]rappeler Ta grandeur , méditer sur Ta Puissance, organiser la riposte[à mener] contre Ton ennemi, et [faits]que tout ce qu'il me fait prononcer en parole indécentes, en propos inconvenants, en injures déshonorantes, en faux témoignages, en médisance d'un croyant absent, en insultes contre de ce genre, soit une prononciation louange à Ton égard, une profusion d'éloges à Ton Adresse, une émission de glorifications envers Toi, un remerciement de Tes Bienfaits, une reconnaissance de Tes Bontés et une énumération de Tes Faveurs.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَلَا أَظْلَمَنَّ وَأَنْتَ مُطِيقٌ لِدَفْعِ عَنِّي وَلَا أَظْلَمَنَّ وَأَنْتَ الْقَادِرُ  
عَلَى الْقَبْضِ مِنِّي وَلَا أَضِلُّنَّ وَقَدْ أَمَكَّنْتَنِي هِدَايَتِي وَلَا أَفْتَقِرَنَّ وَمَنْ عِنْدِكَ وَسْءِي وَلَا أَطْعِينُ  
وَمَنْ عِنْدِكَ وَجُدِي

- Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary sakano mba tsy ho tratan'ny tsindry hazo lena aho kanefa lanao manana Fahefana hiaro ahy, ary sakano mba tsy hanao tsindry hazo lena amin'ny hafa aho kanefa lanao manana fahefana hanakana ahy, ary sakano mba tsy ho diso lalana aho nefa lanao manana fahafahana hitari-dalana ahy, ary sakano mba tsy ho tafalatsaka amin'ny fahantrana aho nefa lanao manana fahefana hanome fitsimbinana ahy, ary sakano aho mba tsy hikomy nefa ny fahaleovan-tenako dia miankina aminao

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, [fais] qu'on ne m'opprime pas alors que Tu as la capacité de me défendre, que je n'opprime personne alors que Tu peux me retenir, que je m'égare pas alors que Tu as la possibilité de me guider, que je ne tombe pas dans la misère alors que mon opulence vient de Toi, que je ne devienne pas orgueilleux alors que ma richesse vient de chez Toi.*

اللَّهُمَّ إِلَى مَغْفِرَتِكَ وَقَدْتُ وَإِلَى عَفْوِكَ قَصَدْتُ وَإِلَى تَجَاوُزِكَ اشْتَقْتُ وَبِفَضْلِكَ وَثِقْتُ وَلَيْسَ عِنْدِي مَا يُوجِبُ لِي مَغْفِرَتَكَ وَلَا فِي عَمَلِي مَا أَسْتَحِقُّ بِهِ عَفْوَكَ وَمَا لِي بَعْدَ أَنْ حَكَمْتَ عَلَيَّ نَفْسِي إِلَّا فَضْلُكَ

- Tompo ô! ho any amin'ny famelan-kelokao no ahatongavako, ary ny famelana avy aminao no kasaiko, ary eo akaikin'ny faharetanao no hiriko, ary ny hatsaranao no hitokisako, ka noho izany dia tsy misy na inona na inona mahatonga ahy ho mendrika ahazo ny famelan-kelokao, ary tsy misy ihany koa amin'ireo asa hataoko mahatonga ahy hanan-jo hitaky famelana aminao, ka amin'ny fitsarako dia tsapako fa tsy manana na inona na inona aho afa-tsy ny fahasoavana avy aminao;

*Mon Dieu, c'est auprès de Ton Pardon que je me suis rendu, c'est à Ton Absolution que j'ai aspiré, c'est Ton indulgence qui m'a manqué, c'est à Ton Faveur que je me suis fié, alors qu'il n'y a rien en moi qui impliquerait Ton Pardon, et rien au niveau de mes actes qui me le ferait mériter, et après m'être jugé moi-même, il ne me reste que Ta Faveur,*

اللَّهُمَّ فَضَّلْ عَلَيَّ مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَتَفَضَّلْ عَلَيَّ

Tompo ô! ka noho izany dia tahio i Mohammad sy ny fianakaviany ary rakofy ny fahasoavana avy aminao aho

*alors, prie sur Mohammad et sur sa famille, et couvre-moi de Ta Faveur.*

اللَّهُمَّ وَأَنْطِقْنِي بِالْهَدَى وَالْهَمْنِي النَّهْوَى وَوَقِّفْنِي لِلنَّبِيِّ هِيَ أَرْكَى وَأَسْتَعْمِنِي بِمَا هُوَ أَرْضَى

-Tompo ô ! ataovy miteny zavatra marina aho, ary ataovy mangetaheta ny fitiavam-bavaka, sy mahazo ireo zavatra farany madio, ary ataovy manatanteraka ireo zavatra farany ankasitrahanao,

*Mon Dieu, fais-moi prononcer des mots justes, inspire-moi la piété, fais-moi obtenir ce qui est le plus pur et emploie moi dans ce qui Te satisfait le plus.*

اللَّهُمَّ اسئلكَ بي الطَّريقَةَ المُتلى وَأَجْعَلْني على مِيتِكَ أَموتُ وَأَحْيَا

-Tompo ô! ataovy manaraka ny lalana fakan-tahaka tsara indrindra aho, ary ataovy velona sy maty manaraka ny finoanao

*Mon Dieu, fais-moi emprunter la voie de la plus exemplaire, fais-moi mourir et vivre selon Ta Religion.*

اللَّهُمَّ صلِّ على مُحَمَّدٍ وآلِهِ وَمَتَّعْني بالإِقْتِصَادِ وَأَجْعَلْني مِنْ أَهْلِ السَّدَادِ، وَمِنْ أَدِلَّةِ الرَّشَادِ، وَمِنْ صَالِحِي الْعِبَادِ وَأَرْزُقْني فَوْزَ الْمَعَادِ، وَسَلَامَةَ الْمِرْصَادِ

- Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary ataovy tsy mandanilany foana aho sy mba ho anisan'ireo olo-marina, ireo voatarika amin'ny fahamarinana sy ireo mpanompo tia vavaka, ary homeo toky aho fa ahazo ny fahombiazana amin'ny andro farany sy ny filaminana amin'ilay andro fitsarana farany izay efa nandrasana,

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, fais-moi jouir de la ponderation, place-moi au nombre des (gens) justes, des guides de la bonne direction, des serviteurs saints, accorde moi la réussite lors de la Résurrection et le salut lors de l'Examen [des actes].*

اللَّهُمَّ خذْ لِنَفْسِكَ مِنْ نَفْسِي مَا يُخَلِّصُهَا وَأَبِقْ لِنَفْسِي مِنْ نَفْسِي مَا يُصَلِّحُهَا، فَإِنَّ نَفْسِي هَالِكَةٌ أَوْ تَعْصِمُهَا

- Tompo ô! raiso ny fanahiko ho aminao izay afaka hanadio azy, ary harovy ireo zavatra mety hanatsara azy, satria ny fanahiko dia marina fa eo andalan'ny fahapotohana raha tsy nahazo fiarovana avy aminao.

*Mon Dieu, prends de mon âme pour Toi-même ce qui la sauverait, laisse-moi en moi-même ce qui la reformerait, car mon âme est perdue, à moins que Tu ne l'empêches [de faire les fautes].*

اللَّهُمَّ أَنْتَ عُدَّتِي إِنْ حَزَنْتُ وَأَنْتَ مُنْتَجِعِي إِنْ حُرْمْتُ وَبِكَ اسْتِغَاثَتِي إِنْ كُرِهْتُ وَعِنْدَكَ مِمَّا فَاتَ خَلْفًا وَلِمَا فَسَدَ صَلَاحٌ وَفِيمَا أَنْكَرْتُ تَغْيِيرٌ

- Tompo ô! lanao no fialofako rehefa tra-pahoriana aho, ary lanao no loharanon'ny fahasavako rehefa tsy manana aho, ary any aminao no hiantsoako famonjena rehefa hiharan'ny fitsapana aho, ary any aminao no

ahitako fanonerana ireo zavatra very tamiko sy fanatsarana ireo zavatra simba ary fanovana ireo zavatra tsy ankasitrahanao.

*Mon Dieu, Tu es mon refuge quand je suis affligé, Tu es mon asile quand je suis démuni, et c'est auprès de Toi que je cherche secours quand je suis dans la détresse, c'est auprès de Toi que je trouve la compensation de ce qui est perdu, la reforme de ce qui est corrompé le changement de ce qui est pu blâme en moi,*

فَأْمُنُّنْ عَلَيَّ قَبْلَ الْبَلَاءِ بِالْعَافِيَةِ، وَقَبْلَ الطَّلَبِ بِالْجِدَّةِ، وَقَبْلَ الضَّلَالِ بِالرَّشَادِ وَأَكْفِنِي مَوْثِقَةً  
مَعْرَةَ الْعِبَادِ وَهَبْ لِي أَمْنٌ يَوْمَ الْمَعَادِ وَأَمْنَحْنِي حُسْنَ الْإِرْشَادِ

-ka noho izany dia mitalaho aminao aho mba hanome ahy fahandriam-pahalemana alohan'ny loza, ary ny hatsaram-panahy alohan'ny fangatahana, ny fandehanana amin'ny lalana mahitsy alohan'ny fahaverezana, ary mangataka aminao aho mba hiaro ahy amin' ireo zavatra ratsy ataon'ireo mpanomponao, ary koa mba hanome ahy toky amin'ny filaminana amin'ny andro fitsanganana, sy mba hanome ahy toro-lalana tsara

*Aussi, donne-moi le salut avant les calamites, l'opulence avant la sollicitation, la bonne direction avant l'égarément, préserve-moi de ce qui est blâmable en Tes serviteurs, accorde-moi la sécurité le Jour de la Résurrection, octroie-moi la bonne guidance.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَادْرَأْ عَنِّي بِالطُّفِكَ وَأَعِزَّنِي بِبِعَمَّتِكَ وَأَصْلِحْنِي بِكَرَمِكَ وَدَاوِنِي  
بِصَنْعِكَ وَأَظْلِنِي فِي ذُرَاكَ وَجَلِّئَنِي رِضَاكَ وَوَقِّفْنِي إِذَا اشْتَكَلْتُ عَلَيَّ الْأُمُورُ لِأَهْدَاها وَإِذَا  
تَشَابَهَتِ الْأَعْمَالُ لِأَزْكَاهَا وَإِذَا تَنَافَصَتِ الْمِثْلُ لِأَرْضَاهَا

-Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary alaviro amiko ny ratsy amin'ny fitahiana, omeo sakafo aho amin'ny fahasovana avy aminao, ary ahitsiho (aho) amin'ny hatsarana, sitrano (aho) amin'ny hasovana avy aminao, ary ataovy eo ambany fiarovanao (aho) , ataovy heniky ny fankasitrahanao (aho), ary ampio aho rehefa mihasarotra amiko ny fandehan'ny raharaha mba ahafahako mifidy ny tsara kokoa, ary raha mitovitovy izany dia enganie mba haka ny madio kokoa amin'izy ireo aho, ary raha misy fifandirana eo amin'ny fanekem-pinoana dia enganie aho mba haka izany azo ankasitrahana indrindra,

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, éloigne tout mal de moi par Ta Bonté, nourris-moi par Ta Grâce, reforme-moi par Ta Générosité, guéris-moi par Ta Bonne Œuvre, mets-moi sous Ta Protection, couvre moi de Ta Satisfaction, assiste-moi dans le choix de la plus juste des affaires quand elles s'embrouillent, de la plus pure des actions quand elles se confondent, de la plus satisfaisante des doctrines quand elles sont contradictoires.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَتَوَجَّيْ بِالْكَفَايَةِ وَسَمِّنِي حُسْنَ الْوَلَايَةِ وَهَبْ لِي صِدْقَ الْهُدَايَةِ وَلَا تَقْنَبْنِي بِالسَّعَةِ وَأَمْنَحْنِي حُسْنَ الدَّعَةِ وَلَا تَجْعَلْ عَيْشِي كَدًّا وَلَا تَرُدْ دُعَائِي عَلَيَّ رَدًّا فَإِنِّي لَا أَجْعَلُ لَكَ ضِدًّا وَلَا أَدْعُو مَعَكَ نِدًّا

- Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary omeo voninahitra amin'ny fahaizana mifaly amin'izay nomenao ahy aho, hampihangohy amin'ny fahasoavan'ny fitiavanao, omeo toky aho amin'ny lalana marina, ary aza avelanao ho azon'ny fakam-panahy amin'ny fiadanana (aho), omeo hatsarana amin'ny fahaiza-mihonona (aho), ary aza hatao hifanesen'ny fitsapana ny fiainako, aza hariana ka haverinao amiko ny fangatahako, satria izaho dia tsy hanome mpitovy aminao velively na hangataka amin'ny hafa miaraka aminao,

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, couronne-moi de la suffisance, impose –moi une allégeance honorable, octroie-moi une guidance sincère, ne m'éprouve pas par l'abondance, accorde-moi la bonne aisance, ne rends pas ma vie laborieuse, pénible, ne repousse pas ma supplication, car je ne T'attribue aucun rival ni d'égal à Toi dans mes supplications.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَأَمْنَعْنِي مِنَ السَّرْفِ وَحَصِّنْ رَزْقِي مِنَ التَّلْفِ وَوَقِّرْ مَلَائِكَتِي بِالْبَرَكَةِ فِيهِ وَأَصِيبْ بِي سَبِيلَ الْهُدَايَةِ لِلْبِرِّ فِيمَا أَنْفَقُ مِنْهُ

- Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary sakano aho tsy hanao zavatra mihoatra ny tokony ho izy, arovy ireo fomba ahazahoako mamelo tena mba tsy ho tratry ny fatiantoka, ary hampitombony ny harenako miaraka amin'ny fahasoavana, ary mangataka alalana aminao aho mba handeha amin'ny lalan'ny hatsarana ireo fananako izay ataoko fandaniana,

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, empêche-moi de me livrer au gaspillage, protège mes moyens de subsistance de la détérioration, augmente mes possessions par les bénédictions (s'y trouvant), fais –moi atteindre la voie de la guidance à la piété dans tout ce que je dépense.*



اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَكَفِّنِي مَوْثَنَةَ الْإِكْتِسَابِ، وَارْزُقْنِي مِنْ غَيْرِ احْتِسَابٍ فَلَا  
أَشْتَغِلُ عَنْ عِبَادَتِكَ بِالطَّلَبِ، وَلَا أَحْتَمِلُ إِصْرَ تَبِعَاتِ الْمَكْسَبِ

-Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary esory amiko ny fahasarotan'ny fitadiavana,

-Omeo foto-pivelomana maro aho mba hahatonga ahy tsy ho variana amin'ny fanompoana Anao noho izany fitadiavana izany, na ihany koa mahatonga ahy hizaka ny voka-dratsin'ny fitadiavana amin'ny fomba tsy marina,

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, épargne-moi la peine du gain, pourvois-moi [en moyens de subsistance] sans compter, afin de ne pas me détourner de l'adoration de Toi par la recherche de ces moyens, ni devoir supporter le fardeau des conséquences d'un gain obtenu.*

اللَّهُمَّ فَاطْلِبْنِي بِفُؤْدَتِكَ مَا أَطْلُبُ وَأَجْرْنِي بِعِزَّتِكَ مِمَّا أُرْهَبُ

-Tompo ô! ka noho izany dia mitalaho aminao aho mba hanome ahy amin'ny alalan'ny fahefanao izay zavatra hiriko sy mba hiaro ahy amin'ny alalan'ny voninahitrao ireo zavatra izay hatahorako,

*Mon Dieu, accorde-moi ce que je demande, par Ton Pouvoir, protège-moi contre ce que je crains, par Ta Gloire.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَصُنِّ وَجْهِي بِالْيَسَارِ، وَلَا تَبْتَدِلْ جَاهِي بِالْإِقْتَارِ فَاسْتَرْزُقْ أَهْلَ  
رِزْقِكَ وَأَسْتَعْطِي شِرَارَ خَلْقِكَ فَأَفْتِنَنَّ بِحَمْدِ مَنْ أَعْطَانِي، وَأَبْتَلِي بِدَمِّ مَنْ مَنَعَنِي وَأَنْتَ مِنْ  
دُونِهِمْ وَلِيُ الْإِعْطَاءِ وَالْمَنْعِ

- Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary harovy ny voninahitra amin'ny alalan'ny fitsimbinana avy aminao, ary aza ampudinina amin'ny alalan'ny fahantrana ny maha izy ahy mba tsy hangatahako amin'ireo nahazo anjaram-pahasoavana taminao na hangatahako amin'ireo mpanomponao ratsy fanahy, izay mahatonga ahy hankasitraka ireo nanome ary hanome tsiny ireo tsy nanome, nefa lanao no ambonin'izy ireo rehetra, ilay Tompon'ny Mpanome sy ny Mpanakana

*Mon Dieu ,prie sur Mohammad et sur sa famille ,sauve-moi la face par l'aisance, ne m'abaisse pas par le don parcimonieux, car j'aurais à demander mes moyens d'existence à ceux qui les reçoivent de Toi, à mendier auprès de Tes méchantes*

créatures, et donc à faire l'éloge de celui qui m'a donné et à dénigrer celui qui m'a refusé, alors que Tu es, Toi à l'exclusion d'eux, le Maître du Don et de l'Obstruction.

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَارْزُقْنِي صِحَّةً فِي عِبَادَةِ، وَقِرَاعاً فِي زَهَادَةِ، وَعِلْماً فِي اسْتِعْمَالِ، وَوَرَعاً فِي إِجْمَالِ

- Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary homeo fahitsiana aho amin'ny fanompoana, fahasambarana amin'ny fitiavam-bavaka, fahalalana amin'ny fampiharana, ary ny fahadiovana amin'ny fanaovan-  
tsoa,

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, procure-moi la justesse dans l'adoration, la disponibilité, dans le désintéressement, le savoir avec la pratique, la piété avec la convenance.*

اللَّهُمَّ اخْتِمْ بَعْفُوكَ أَجْلِي وَحَقِّقْ فِي رَجَاءِ رَحْمَتِكَ أَمَلِي وَسَهِّلْ لِي بُلُوغَ رِضَاكَ سُبُلِي وَحَسِّنْ فِي جَمِيعِ أَحْوَالِي عَمَلِي

- Tompo ô! farano amin'ny famelan-kelokao ny fisiako, ary tanteraho ny fanantenako izay miandrindra ny famindram-ponao, ary hamoray amiko ny fahazoana ny fankasitrahanao, ary ataovy tsara ny asako amin'ny toe-  
javatra rehetra.

*Mon Dieu, achève par Ton Pardon le terme (de ma vie), réalise mon espoir dans l'espérance de Ta Miséricorde, facilite-moi l'accès à l'obtention de Ta Satisfaction, améliore mes actes dans l'ensemble de mes états.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَنَبِّهْنِي لِذِكْرِكَ فِي أَوْقَاتِ الْعَقْلَةِ وَاسْتَعْمَلْنِي بِطَاعَتِكَ فِي أَيَّامِ الْمُهَلَّةِ وَأَنْهَجْ لِي إِلَى مَحَبَّتِكَ سَبِيلاً سَهْلاً أَكْمِلُ لِي بِهَا خَيْرَ الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ

-Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary hampahatsiarovy ahy ny fanompoana Anao amin'ny fotoana izay mahavariana ahy, ary ampiasao amin'ny fanompoana Anao aho amin'ny andro izay hialana voly , ary toroy lalana mora handehanana mankany amin'ny fitiavana Anao aho mba hahazoako ny fahasoavana ety an-tany sy ny any an-kaotra.

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, attire mon attention sur Ton évocation durant les moments d'insouciance, emploie-moi dans l'obéissance à Toi les jours passés sur terre, fais-moi suivre une voie facile vers Ton Amour et parfais par lui, pour moi, le bien de ce monde et de l'Au-delà.*

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ كَأَفْضَلِ مَا صَلَّيْتَ عَلَى أَحَدٍ مِّنْ خَلْقِكَ قَبْلَهُ وَأَنْتَ مُصَلِّ عَلَى أَحَدٍ بَعْدَهُ وَأَنَا فِي الدُّنْيَا حَسَنَةٌ وَفِي الآخِرَةِ حَسَنَةٌ وَقِنِي بِرَحْمَتِكَ عَذَابَ النَّارِ

-Tompo ô! tahio i Mohammad sy ny fianakaviany amin'ny fomba tsara indrindra noho ny nataonao tamin'ireo zavaboaharinao talohany, ary amin'ny fomba tsara indrindra noho ny nataonao tamin'ireo taoriany, ary homeo fahasoavana izahay ety an-tany sy any an-kaotra ary arovy amin'ny sazin'ny afo amin'ny alalan'ny famindram-ponao.

*Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, des meilleures façons que Tu n'aies prié sur quiconque de Tes créatures avant lui, et que Tu prie [encore] sur quiconque après lui, accorde-nous un Bienfait dans ce monde et un Bienfait dans l'Autre, et préserve moi, par Ta Miséricorde, du Châtiment du Feu.*

### تعقيب صلاة الصبح

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

بِسْمِ اللَّهِ وَصَلَّى اللَّهُ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ وَأَفْوَضُ أَمْرِي إِلَى اللَّهِ إِنَّ اللَّهَ بَصِيرٌ بِالْعِبَادِ فَوَقَاهُ اللَّهُ سَيِّئَاتٍ مَا مَكَرُوا لَا إِلَهَ إِلَّا أَنْتَ سُبْحَانَكَ إِنِّي كُنْتُ مِنَ الظَّالِمِينَ فَاسْتَجِبْنَا لَهُ وَتَجِبْنَا مِنْ الْعَمِّ وَكَذَلِكَ نُجِي الْمُؤْمِنِينَ حَسْبُنَا اللَّهُ وَنِعْمَ الْوَكِيلُ فَانْقَلَبُوا بِنِعْمَةٍ مِنَ اللَّهِ وَفَضْلٍ لَمْ يَمَسْسَهُمْ سُوءٌ مَا شَاءَ اللَّهُ لَا حَوْلَ وَلَا قُوَّةَ إِلَّا بِاللَّهِ مَا شَاءَ اللَّهُ لَا مَا شَاءَ النَّاسُ مَا شَاءَ اللَّهُ وَإِنْ كَرِهَ النَّاسُ حَسْبِيَ الرَّبُّ مِنَ الْمَرْبُوبِينَ حَسْبِيَ الْخَالِقُ مِنَ الْمَخْلُوقِينَ حَسْبِيَ الرَّازِقُ مِنَ الْمَرْزُوقِينَ حَسْبِيَ اللَّهُ رَبُّ الْعَالَمِينَ حَسْبِيَ مَنْ هُوَ حَسْبِي، حَسْبِيَ مَنْ لَمْ يَزَلْ حَسْبِي، حَسْبِيَ مَنْ كَانَ مُدُّ كُنْتُ لَمْ يَزَلْ حَسْبِي، حَسْبِيَ اللَّهُ لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ عَلَيْهِ تَوَكَّلْتُ وَهُوَ رَبُّ الْعَرْشِ الْعَظِيمِ

### TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA MARAINA

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Amin'ny anaran'Andriamanitra ! Tompo Andriamanitra anie hitahy ny Mpaminany sy ny fianakaviany ; apetrako amin'Andriamanitra ny momba ahy rehetra, fa mahita tanteraka ireo mpanompony Andriamanitra. Miaro ny mpino amin'ny faharatsian'ireo mpanao teti-dratsy Izy. Tsy misy andriamanitra hafa ankoatra Anao, voninahitra anie ho Anao ! Eny, isan'ny mpanao tsy rariny tokoa aho.Novalianay vavaka izy, ary nampanalavirinay azy ny fahoriana, toy izany no hanavotanay ireo mpino. Ampy anay

Andriamanitra! Izany no Ilay mpiahy tsara indrindra! Tonga miaraka amin'ny fahatsarana sy ny fahasoavan'Andriamanitra izy ireo, tsy iharan'izay mety ho faharatsiana. Araka izay sitrak'Andriamanitra, tsy misy hery sy tanjaka raha tsy avy amin'Andriamanitra; araka izay sitrak'Andriamanitra fa tsy araka izay sitraky ny olona; eny araka izay sitrak'Andriamanitra na dia mankahala izany aza ny olona. Ampy ahy ny Tompo manoloana ireo tompoina rehetra; ampy ahy Ilay Mpahary manoloana ny zavaboahary rehetra; ampy ahy Ilay Mpanome anjaram-pahasoavana manoloana ireo nomena anjaram-pahasoavana; ampy ahy Andriamanitra Ilay Tompon'izao tontolo izao; ampy ahy Ilay efa ampy ahy ; ampy ahy Ilay ampy ahy hatrany ; ampy ahy Ilay efa ampy ahy hatramin'izay nisiako, ary ho ampy ahy hatrany. Ampy ahy Andriamanitra Ilay tsy misy tompo afa-tsy Izy, Aminy no hianteherako, fa Izy Ilay Tompon'ny Seza fiandrianana lehibe

### **DOUA APRES SOALAT AL FADJR**

Au non de Dieu, que Dieu prie sur Mohammad et sur sa famille !

Je confie mon sort à Dieu, car Dieu voit parfaitement ses serviteurs, Dieu le préservera des maux qu'ils ont tramés. Point de divinité autre que Toi, Gloire à Toi, oui, j'étais au nombre des injustes. Nous l'avons exauce et Nous l'avons préserve de l'affliction. Voilà comment Nous sauvons les croyants. Dieu nous suffit, quel excellent garant ! Ils sont revenus avec un bienfait et une grâce de Dieu, aucune mal ne les a touchés.

Comme Dieu veut, il n'y a de force et de puissance qu'en Dieu, comme Dieu veut et non comme les gens veulent, comme Dieu veut, et même si cela répugne aux gens !

Le Seigneur me suffit ,[je n'ai pas besoin ]des vassaux, le Créateur me suffit,[je n'ai pas besoin]des créatures, le Pourvoyeur me suffit,[je n'ai pas besoin]de ceux qui reçoivent ,Dieu me suffit ,seigneur des mondes, me suffit Celui me suffit ,me suffit Celui qui ne cesse de me suffire, me suffit Celui qui était depuis que je fus et qui ne cesse de me suffire ,Dieu me suffit ,point de divinité autre que Lui.

A lui, je m'en remets entièrement, Lui qui est le Seigneur du Trône immense.

## تعقيب صلاة الظهر

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

لا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ الْعَظِيمُ الْحَلِيمُ لا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ رَبُّ الْعَرْشِ الْكَرِيمِ الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ اللَّهُمَّ  
إِنِّي أَسْأَلُكَ مُوجِبَاتِ رَحْمَتِكَ وَعَزَائِمَ مَغْفِرَتِكَ وَالْغَنِيمَةَ مِنْ كُلِّ بَرٍّ وَالسَّلَامَةَ مِنْ كُلِّ إِثْمٍ  
اللَّهُمَّ لا تَدْعُ لِي ذَنْبًا إِلَّا غَفَرْتَهُ وَلا هَمًّا إِلَّا فَرَجْتَهُ وَلا سُقْمًا إِلَّا شَفَيْتَهُ وَلا عَيْبًا إِلَّا سَتَرْتَهُ  
وَلا رِزْقًا إِلَّا بَسَطْتَهُ وَلا خَوْفًا إِلَّا أَمْنْتَهُ وَلا سُوءًا إِلَّا صَرَفْتَهُ وَلا حَاجَةً هِيَ لَكَ رِضًا وَلايَ  
فِيهَا صَلَاحٌ إِلَّا قَضَيْتَهَا يَا أَرْحَمَ الرَّاحِمِينَ آمِينَ رَبَّ الْعَالَمِينَ

### TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA ANTOANDRO

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Tsy misy tompo afa-tsy Andriamanitra, Ilay lehibe, Ilay be fangorahana, tsy misy tompo afa-tsy Andriamanitra, Ilay Tompon'ny Seza fiandrianana be voninahitra, dera ho an'Andriamanitra Ilay Tompon'izao tontolo izao. Andriamanitra ô ! Mangataka Aminao amin'izay mahatonga ny famindramponao aho, sy izay mahatonga ny famelankelokao ; ny valisoa amin'ny asa tsara rehetra ; ny fahafahana madio amin'ny fahotana rehetra. Andriamanitra ô ! Aza avelanao hanam-pahotana aho ka tsy navelanao ; na tebiteby ka tsy noesorinao ; na aretina ka tsy nositrantinao ; na kilema ka tsy notakonanao ; na anjaram-pahasoavana ka tsy natosakao ; na tahotra ka tsy nampitoniana ; na haratsiana ka tsy nampanalavirinao ; na filàna nankasitrahanao ary mahaso ahy ka tsy notanterahinao, ô r'Ilay be indrafo indrindra amin'ireo mpamindrafo ! Valio ny fangatahako ry Tompon'izao tontolo izao !

### DOUA APRES SOALAT AZ-ZOHR

Point de divinité autre que Dieu, le grandiose, le plein de miséricorde.

Point de Dieu autre que Dieu, seigneur du noble Trône !

Louange à Dieu, seigneur des mondes.

Mon Dieu, je Te demande ce qui oblige Ta miséricorde, ce qui entraîné Ton pardon, le butin de toute bonne action, l'humilité de tout péché.

Mon Dieu, ne laisse aucun pêché sans l'avoir pardonné, aucun souci sans l'avoir dissipé, aucune maladie sans l'avoir soignée,

Aucun défaut sans l'avoir recouvert, aucune ressource sans l'avoir amplifiée, aucune peur sans l'avoir rassurée, aucune mal sans l'avoir écarté,

Aucun besoin Ton contentement et m'étant profitable, sans l'avoir satisfait,

Ô le plus Miséricordieux des miséricordieux, exauce –moi Seigneur des mondes !

### تَعْقِيبُ صَلَاةِ الْعَصْرِ

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

اللَّهُمَّ إِنِّي أَعُوذُ بِكَ مِنْ نَفْسٍ لَا تَتَّبِعُ وَمِنْ قَلْبٍ لَا يَخْشَعُ وَمِنْ عِلْمٍ لَا يَنْفَعُ وَ مِنْ صَلَاةٍ لَا تُرْفَعُ وَمِنْ دُعَاءٍ لَا يُسْمَعُ اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ الْيُسْرَ بَعْدَ الْعُسْرِ وَالْفَرَجَ بَعْدَ الْكُرْبِ وَالرِّخَاءَ بَعْدَ الشَّدَّةِ اللَّهُمَّ مَا بِنَا مِنْ نِعْمَةٍ فَمِنْكَ لَا إِلَهَ إِلَّا أَنْتَ اسْتَغْفِرُكَ وَأَتُوبُ إِلَيْكَ

### TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA FOLAKANDRO

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Andriamanitra ô ! Mangataka fiarovana Aminao aho amin'ny fanahy izay tsy mety afapo ; amin'ny fo tsy manam-pahatahorana ; amin'ny fahalalana tsy ahazoana tombontsoa ; amin'ny vavaka fanompoana tsy misandraatra ; amin'ny fangatahana tsy misy mpihaino. Andriamanitra ô ! Mangataka aminao ny fahamorana aho aorian'ny fahasarotana ; fahamaivanana aorian'ny fijaliana ; fahasambarana aorian'ny fahasahiranana. Andriamanitra ô ! Izay fahasoavana rehetra tonga aminay dia avy Aminao, tsy misy tompo afa-tsy lanao, koa mangataka famelana Aminao aho, ary mibebaka eo anatrehanao.

### DOUA APRES SOALAT AL ANSR

Mon Dieu, je sollicite Ta protection contre une âme qui ne s'assouvit pas, contre un cœur qui ne s'humilie pas,

Contre un savoir qui est inutile, contre une prière qui ne s'élève pas, contre une invocation qui n'est pas entendue.

Mon Dieu, je Te demande la facilité après la difficulté, le soulagement après l'affliction, l'aisance après la gêne.

Mon Dieu, ce que nous avons en bienfaits provient de Toi, point de divinité autre que Toi, je Te demande pardon et je me repens sur Toi.

### تعقيب صلاة المغرب

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

اللَّهُمَّ إِنِّي أَسْأَلُكَ مُوجِبَاتِ رَحْمَتِكَ وَعَزَائِمَ مَغْفِرَتِكَ وَالنَّجَاءَ مِنَ النَّارِ وَمِنْ كُلِّ بَلِيَّةٍ وَالْقَوْرَ بِالْجَنَّةِ وَالرَّضْوَانَ فِي دَارِ السَّلَامِ وَجَوَارِ نَبِيِّكَ مُحَمَّدَ عَلَيْهِ وَآلِهِ السَّلَامُ اللَّهُمَّ مَا بَيْنَا مِنْ نِعْمَةٍ فَمِنِكَ لَا إِلَهَ إِلَّا أَنْتَ اسْتَغْفِرُكَ وَأَتُوبُ إِلَيْكَ

### TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA MATY MASOANDRO

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Andriamanitra ô ! Mangataka Aminao amin'izay mahatonga ny famindramponao aho, sy izay mahatonga ny famelan-kelokao ; ny fahafahana madio amin'ny fahotana rehetra; ny valisoa amin'ny asa tsara rehetra ; ny famonjena amin'ny afobe ; sy amin'ny fijaliana rehetra ; ny fahazoana ny Paradisa ; sy ny fankasitrahana ao amin'ilay toeram-ponenana feno fiadanana ; sy ho eo anilan'ny Mpaminaninao Mohammad, ho eo aminy sy ny fianakaviany anie ny fiadanana. Andriamanitra ô ! Izay fahasoavana rehetra tonga aminay dia avy Aminao, tsy misy tompo afa-tsy lanao, koa mangataka famelana Aminao aho, ary mibebaka eo anatrehanao.

### DOUA APRES SOALAT AL MAGHRIB

Mon dieu je te demande[les actes] qui impliquent Ta Miséricorde,[les œuvres]qui assurent Ton pardon, le salut du Feu[de l'enfer]et de toute épreuve,

La victoire du Paradis, la satisfaction de la Demeure de la Paix et le voisinage de Ton Prophète (que la paix soit sur lui et sur sa famille) !

Mon Dieu, ce que nous avons comme bienfaits provient de Toi, il n'y a de divinité que Toi, je Te demande pardon et je me repens auprès de Toi !

### تعقيب صلاة العشاء

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ

اللَّهُمَّ إِنَّهُ لَيْسَ لِي عِلْمٌ بِمَوْضِعِ رِزْقِي وَإِنَّمَا أَطْلُبُهُ بِخَطَرَاتٍ تَخْطُرُ عَلَيَّ قَلْبِي فَأَجُولُ فِي طَلْبِهِ الْبُلْدَانَ فَأَنَا فِيهَا أَنَا طَالِبٌ كَالْحَيْرَانَ لَا أَدْرِي أَفَى سَهْلٍ هُوَ أَمْ فِي جَبَلٍ أَمْ فِي أَرْضٍ أَمْ فِي سَمَاوَاتٍ أَمْ فِي بَرٍّ أَمْ فِي بَحْرٍ وَعَلَى يَدَيَّ مَنْ وَمِنْ قَبْلِ مَنْ وَقَدْ عَلِمْتُ أَنَّ عِلْمَهُ عِنْدَكَ وَأَسْبَابُهُ بِيَدِكَ وَأَنْتَ الَّذِي تُقْسِمُهُ بِطُفُوكَ وَتُسَبِّبُهُ بِرَحْمَتِكَ اللَّهُمَّ فَصَلِّ عَلَيَّ مُحَمَّدًا وَآلِهِ وَاجْعَلْ يَا رَبِّ رِزْقَكَ لِي وَاسِعًا وَمَطْلَبَهُ سَهْلًا وَمَأْخِذَهُ قَرِيبًا وَلَا تُعَنَّيْ بِطَلْبِ مَا لَمْ تُقَدِّرْ لِي فِيهِ رِزْقًا فَإِنَّكَ غَنِيٌّ عَنْ عَذَابِي وَأَنَا فَقِيرٌ إِلَى رَحْمَتِكَ فَصَلِّ عَلَيَّ مُحَمَّدًا وَآلِهِ وَجُدْ عَلَيَّ عَبْدِكَ بِفَضْلِكَ إِنَّكَ دُو فَضْلٍ عَظِيمٍ

### TONOMBAVAKA AORIAN'NY VAVAKA ALINA

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ilay be fiantrana, Ilay be indrafo

Andriamanitra ô ! Tsy ananako fahalalana ny toeran'ny anjaram-pahasoavako, fa mitady izany aho noho ny tsy fahatoniana ao am-poko, koa mivezivezy hatraiza hatraiza aho mitady izany; ary sanganehana aho eo am-pitadiavana izany. Tsy fantatro, moa ve eny an-tany lemaka izany sa eny an-tendrombohitra, ety an-tany sa eny an-danitra, ety an-tanety sa eny an-dranomasina, eny am-pelatànan'iza, ary amin'ny alalan'iza? Fantatro anefa fa lanao no tena mahalala izany, ary eo am-pelatànanao ny antony hahazoana izany, ary lanao no mitsinjara izany amim-pitiavana, sy manome izany noho ny fiantranao . Andriamanitra ô! Tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, Tompo ô! Ataovy sesehena ny anjaram-pahasoavana omenao ahy, ary mora ny fitadiavana azy, akaiky ny fahazoana azy; aza rerahanao amin'ny fitadiavana anjaram-pahasoavana aho izay tsy nataonao ho ahy; satria tsy mila ny fanasaziana ahy lanao, fa izaho kosa mila ny fiantranao; koa tahio i Mohammad sy ny fianakaviany, ary aoka lanao hahalala tànana amin'ny mpanomponao amin'ny fahasoavanao, fa Tompon'ny fahasoavan-dehibe lanao.

### DOUA APRES SOALAT AL I'CHA



Mon Dieu, je ne sais pas où se trouvent mes ressources, cependant je les demande par ce qui me passe au niveau du cœur et je parcours les pays à leur chercher.

C'est en ce qui concerne ce que je demande, je suis dans l'indécision.

Je ne sais pas si elles se trouvent dans une plaine ou dans une montagne, sur la terre ou dans le ciel, sur le continent ou en mer, ni en quelles mains, ni de la part de qui.

Ce que je sais c'est que la connaissance en est auprès de Toi, et que leurs causes se trouvent entre Tes mains, et que c'est Toi qui les repartis par Ta bienveillance et qui les causes par Ta Miséricorde.

Mon Dieu, prie sur Mohammad et sur sa famille, et fais ô Seigneur, que Tes Ressources soient pour moi amples, que leur demande soit facile et leur préhension proche, ne m'accable pas à demander ce que Tu n'as pas prévu pour moi en ressources, car Tu n'as pas besoin de mon accablement alors que j'ai besoin de Ta miséricorde.

Alors, prie sur Mohammad et sur sa famille et sois généreux envers Ton serviteur par Ta Faveur, car Tu possède une Faveur immense.

**RANOM-BAVAKA FITALAHOANA  
AMIN'NY ALIN'NY "AL-QADR"  
19 – 21 – 23  
RAMADANY**

**1 – Mangata-pamelan-keloka amin'Andriamanitra aho  
ary mibebaka Aminy  
( in-100)**

**2– Andriamanitray ô!  
Ozony ilay mpamono ny Mpanjakan'ireo mpino!  
( in-100)**

**3 – Manokatra ny Kor'any sady miteny hoe :  
Ry Andriamanitra ô! Mangataka Aminao amin'ny alalan'ny Bokinao ( ny Kor'any) nampidinina ary amin'ny alalan'izay voasoratra ao anatiny – ary misy ny Anaranao Lehibe indrindra sy ireo Anaranao Tsara indrindra, izay mampatahotra sy izay manome fanantenana – mba hametraka ahy ho anisan'ireo izay navotanao tamin'ny afon'ny Afobe**

**4 – Mametraka ny Kor'any eo ambonin'ny loha sady miteny hoe :  
Ry Andriamanitra ô ! Amin'ny alalan'ity Kor'any ity, amin'ny alalan'ilay nandefasanao azy, amin'ny alalan'ny mpino tsirairay izay hajainao ao, ary amin'ny alalan'ny Zonao amin'izy ireo, satria tsy misy olona, ankoatra Anao, mahalala ny tena Hasinao!**

**Avy eo dia mamerimberina im-polo hoe :**

**Amin'ny alalanao, ô ry Andriamanitra ô!(im-10)!**  
**Amin'ny alalan'i Mohammad-saw-(im-10)!**  
**Amin'ny alalan'i Ali –as- ( im-10 )!**  
**Amin'ny alalan'i Fatimah-as-( im-10 )!**  
**Amin'ny alalan'i Hassan –as-( im-10 )!**  
**Amin'ny alalan'i Houssen –as-( im-10 )!**  
**Amin'ny alalan'i Ali ibn al Houssen –as-( im-10 )!**

**Amin'ny alalan'i Mohammad ibn Ali –as-( im-10 )!**  
**Amin'ny alalan'i Ja'afar ibn Mohammad–as-(im-10)!**  
**Amin'ny alalan'i Moussa ibn Ja'afar–as-(im-10)!**  
**Amin'ny alalan'i Ali ibn Moussa–as-( im-10 )!**  
**Amin'ny alalan'i Mohammad ibn Ali –as-( im-10 )!**  
**Amin'ny alalan'i Ali ibn Mohammad-as-( im-10 )!**  
**Amin'ny alalan'i Hassan ibn Ali –as-( im-10 )!**  
**Amin'ny alalan'i al Houjjat ibn al Hassan–as-( im-10 )!**

5 – Andriamanitro ô! Amin'izao alina izao dia indro fa Anao aho, izaho izay mpanompo feno fanetrentena, tsy manana na inona na inona izay mety hahasoa sy hanimba ny fanahiko ary tsy manalavitra azy amin' ny ratsy. Mijoro ho vavolombelona amin'izany amin'ny tenako aho ary tsapako eto anatrehanao ny halemen'ny heriko sy ny herim-batako.

Koa noho izany dia tahio i Mohammad sy ny fianakavian'i Mohammad ary avelao ny heloko sy ny helok'ireo mpino lahy sy mpino vavy, amin'ity alina ity, araka izay nampanantenainao.

Fenoy izay nomenao ahy satria mpanomponao aho, ilay fadiranovana, ilay manetry tena, ilay mahantra, ilay afabaraka.

Ry Andriamanitro ô! Aza avela hanadino ny mahatsiahy Anao aho, noho ireo zavatra nomenao ahy, na hanao tsirambina ireo soa nomenao ahy, na ho kivy amin'ny valinteninao raha toa taratara ny fiaviany, na amin'ny hafaliana na amin'ny fahoriana, na amin'ny alahelo na amin'ny hasambarana, na amin'ny fahasalamana na amin'ny fisedrana, na amin'ny fahantrana na amin'ny fahampiana! Satria lanao no llay maheno ireo fitalahoana.

6 – ô ry llay talohan'ny zavatra rehetra sy ilay nampisy ny zavatra rehetra, ary mijanona hatrany kanefa ny zavatra rehetra manjavona! Ô ry llay tsy misy mitovy Aminy! Ô ry llay tsy manana andriamanitra hafa ankoatra Azy tompoina any an-danitra ambony indrindra na ety an-tany ambony indrindra na ambonin'izy ireny, na ambanin'izy ireny, na anelanelan'izy ireny! Dera sy laza ho Anao! Fankalazana izay tsy vitan'iza n'iza tanisaina afa-tsy lanao irery ihany! Noho izany, tahio i Mohammad sy ny

fianakavian'i Mohammad, fitahiana izay tsy vitan'iza n'iza tanisaina afa-tsy lanao irery ihany.

7 – Andriamanitro ô! Ao amin'izay faritanao sy avoakanao ho didy tsy azo idifirana, ao amin'izay tsarainao amin'ny didy feno fahendrena, amin'ity alin'ny Lahatra ity, ary ao amin'ny didy avoakanao izay tsy nofoanana na namboarina, dia mba soraty aho ho anisan'ireo olona izay mamangy ny Tranonao Masina Izay ankalazana ny Fivahinianana masina, ankasitrahana ny fivezivezena, voavela ny fahotana, ary voaonitra ireo asa ratsy.

Ao amin'izay faritanao sy didiana, dia mba halavao ny androm-piainako, ampitomboy ireo fananako ary hanao.....

manao ny fangatahana amin'Andriamanitra.

8 – Andriamanitray ô! Ho an'ny sakaizanao mahatoky, ilay zanak'i al Hassan (as), aoka anie lanao ho Porofo mandritra ity ora ity sy amin'ny fotoana rehetra, ho Mpiaro, ho Mpiambina, ho Mpitondra, ho Mpanome fandresena, ho Mpitari-dâlana, ho Tompo mandritra ny ipetrahany ety antany tsy an-terivozona ary hifaly ao maharitra anie izy.

9 - Andriamanitray ô! Ampitomboy ny andro iainako, ampitomboy ny antom-pivelomako, omeo fahasalamana ( ny vatako ) , ataovy mahazo ny zavatra iriko aho. Raha anisan'ireo fadiranaovana aho, dia fafao amin'ny laharan'izy ireo ary soraty ho anisan'ireo olon-tsambatra. Satria niteny lanao ao anaty Boky nampidinina tamin'ny Mpaminany Irakao (saw) hoe : “Mamafa na manamafy izay tiany Andriamanitra ary ny fanoratana voalohany indrindra dia any Aminy” Boky; ( And.39, Toko XIII) .

10 – Ô ry Lalina dia lalina ao amin'ny Fisiany ety ivelany!

Ô ry Ilay Misy ety ivelany ao amin'ny Halaliny!

Ô ry Ilay Lalina izay tsy afenina!

Ô ry Ilay Misy ety ivelany izay tsy hitamaso!

Ô ry Ilay Manampahaizana mahavita azy? izay tsy takatra faritana, izay tsy voafetran'ny fetra!

Ô ry Ilay tsy tonga kanefa eo foana!

Ô ry Vavolombelona izay tsy amarina! anontaniana, dia hita lzy .

Tsy foana amin'ny Fisiyany indray mimpimaso ireo lanitra sy ny tany, ary izay eo anelanelan'izy roa ireo.

Tsy misy na iza na iza afaka hahatsapa hoe ahoana Izy!

Tsy misy na iza na iza afaka hahita Azy amin'ny toerana iray, na amin'ny alalan'ny toerana iray. Ianao no hazavan'ny fahazavana, Mpanjakan'ireo mpanjaka.

Fantatrao avokoa ny zavatra rehetra ankapobeny. Voninahitra anie ho an'llay tsy misy mitovy Aminy, izay mandre sy mahita. Voninahitra anie ho an'llay toy izany ary tsy misy olona hafa toy izany!

11 – Ô ry llay mandamina ny zavatra rehetra!

Ô ry llay manangana amin'ny maty ireo izay anaty fasanana!

Ô ry llay mampikoriana ny ranomasina

Ô ry llay nampalemy ny vy ho an'i Davida!

Tahio Mohammad sy ny fianakavian'i Mohammad ary ataovy toy izao... toy izao aho.

### **Avy eo dia mangataka ny zavatra iriana**

**Tsara kokoa ny mamaky ireto sourat manaraka ireto mandritra ny alin'ny Ramadan (lailatoul-qadr):**

**-sourat ar-roum(ireo romana)**

**-sourat ad-doukhan(ny setroka)**

**-sourat al-moulk(ny fanjakana)**

## FIZAHAN-TAKELAKA

### FANGATAHANA

### PEJY

#### Teny fanolorana

Ô r'Ilay avo indrindra! Ô r'ily lehibe indrindra!

Tompo ô! Ampidiro amin'ireo maty any am-pasana ny fifaliana

1

2

3

### FANGATAHANA ISAN'ANDRO MANDRITRA NY VOLANA RAMADHAN

Fangatahana amin'ny andro voalohany

Fangatahana amin'ny andro faharoa

Fangatahana amin'ny andro fahatelo

Fangatahana amin'ny andro fahaefatra

Fangatahana amin'ny andro fahadimy

Fangatahana amin'ny andro fahaenina

Fangatahana amin'ny andro fahafito

Fangatahana amin'ny andro fahavalo

Fangatahana amin'ny andro fahasivy

Fangatahana amin'ny andro fahafolo

Fangatahana amin'ny andro fahairaikambinifolo

Fangatahana amin'ny andro faharoambinifolo

Fangatahana amin'ny andro fahateloambinifolo

Fangatahana amin'ny andro fahaefatrambinifolo

Fangatahana amin'ny andro fahadimiambinifolo

Fangatahana amin'ny andro fahaeninambinifolo

Fangatahana amin'ny andro fahafitoambinifolo

Fangatahana amin'ny andro fahavaloambinifolo

Fangatahana amin'ny andro fahasiviambinifolo

Fangatahana amin'ny andro faharoapolo

Fangatahana amin'ny andro fahairakambiniroapolo

Fangatahana amin'ny andro faharoambiniroapolo

Fangatahana amin'ny andro fahateloambiniroapolo

Fangatahana amin'ny andro fahaefatrambiniroapolo

5

6

6

7

7

8

8

9

9

10

10

11

11

12

12

13

13

14

14

15

15

16

16

17

Fangatahana amin'ny andro fahadimiambiniroapolo	17
Fangatahana amin'ny andro fahaeninambiniroapolo	18
Fangatahana amin'ny andro fahafitoambiniroapolo	18
Fangatahana amin'ny andro fahavaloambiniroapolo	19
Fangatahana amin'ny andro fahasiviambiniroapolo	19
Fangatahana amin'ny andro fahatelopolo	20
<b>FANGATAHANA - DOUA' IFTITAH</b>	20
<b>FANGATAHANA - DOUA' AL BAHA</b>	36
<b>FANGATAHANA - DOUA' ABI HAMZA THAMALI</b>	44
<b>FANGATAHANA - AL JAUSHAN AL KABIR</b>	99
<b>FANGATAHANA – DOUA ' IFTAR</b>	156
<b>FANGATAHANA- DOUA MAKARIM AL-AKHLAQ</b>	156
<b>FANGATAHANA- DOUA SOALAT AL-FADJR</b>	171
<b>FANGATAHANA- DOUA SOALAT AZ-ZOHR</b>	173
<b>FANGATAHANA- DOUA SOALAT AL ANSR</b>	174
<b>FANGATAHANA-DOUA SOALAT AL MAGHRIB</b>	175
<b>FANGATAHANA-DOUA SOALAT AL I'CHA</b>	176
<b>RANOMBAVAKA NY ALIN'NY QADR</b>	178

N.B : langaviana isika izay mampiasa ity boky Doua ity, mba hanaja sy hitandro ny hasin'izany boky izany, satria misy anaran'Andriamanitra sy anaran'ireo olona masina voarakitra ao anatin'ity boky ity. Ka manoloana izany dia tsy tokony ho rovitina ny boky na hampiasa amin'ny famonosana sakafo na sanatria ho entina any amin'ny toeram-pivoahana.